# *Ny Firaisana Tsy Hita Mason'Ny Ampakarin'I Kristy*

Nofoanako ny dia fihazana, mba hihazonako fivoriana iray ho an'ny Tompo. Noho izany ilay izy dia . . . Faly izahay ny tonga eto. Mino aho, fa tamin'ny fotoana farany teto, dia niteny taminareo aho hoe: isaky ny tonga izahay, dia misy olona iray banga. Ary raha hiverina izahay amin'ny taona manaraka, ka raha maharitra ny Tompo, dia hisy olona ho banga.

2 Nisy anankiray, izay tena, tena akaiky ahy am-po, fanahy; izany dia Rahalahy Lyle. Nanana fandraisana tsara foana aho, rehefa tonga, nitsangana tao ambadika tao ary nihaino, tao amin'ny biraon-dRahalahy Jack, an'ilay fampiaraham-peo efatra fahiny nihira. Mihira any amin'ny Voninahitra izy ireo, izao hariva izao. Eny, misy ny anankiray amin'ireo feo ireo efa Any, miandry an'ilay telo hafa. Heveriko fa tsy handre an'izany intsony aho eto an-tany. Saingy manantena tokoa ny handre an'izany indray aho, Rahalahy, Ranabavy Moore eto, ao amin'ilay Tany izay izy ireo . . . izay tsy hampilofika an'izany intsony.

3 Rahalahy Palmer dia mpanompo lehibe an'i Kristy. Tsaroako i Rahalahy Jack niteny tamiko mikasika ny—ny fiainany voatokana ho an'Andriamanitra. Mpandrafitra izy ireo, niaraka. Ary nolazainy fa izy dia nihinana ny—ny sakafony, nihazona ny mofony misy hena teny an-tànany, nihinana mofo misy hena sady namaky ny Baiboliny. Hitanareo? Nahavita zava-dehibe malaza izy, nahavita i Rahalahy Palmer. Mpandrafitra tsara iray izy, ray tsara iray ho an'ireo zanany, fianakaviana iray maha-te-ho tia. Notezainy mba hanompo ny Tompo izy rehetra. Araka ny fantatro, dia voavonjy izy rehetra ary feno ny Fanahy Masina. Ary izany no fanampiana lehibe iray ho an'ny olona rehetra amin'izao andro izao, zazalahy sy zazavavy. Saingy, hitanareo, izay rehetra hany nataony dia tsy hidika zava-dehibe loatra raha tsy manompo an'Andriamanitra, raha tsy efa nanompo an'Andriamanitra izy. Ary izao hariva izao, izay nataony tety an-tany, ireo asa tsarany, dia lasa nankany amin'ny valisoany izy, mba hiaraka amin'izy ireny. Andriamanitra anie hampitsahatra ny fanahin'ny rahalahintsika.

4 Fantatro, raha mbola tabernakla iray foana ity eto ity, ary izaho—izaho mahafantatra fa izy dia . . . ny feony dia mbola ho eto foana. Afaka mandre an'izany ianareo. Ranabavy Anna Jeanne sy—sy ny rahavaviny, mitendry ny orga sy piano,

ahoana fa tsy nila niandry mihitsy izy ireo. Nitsangana teto fotsiny Rahalahy Palmer dia nitarika ny hira avy hatrany izy, nanohy. Notratrarin'izy ireo ilay izy. Ary izaho tsy... Nanantena azy fotsiny hitarika an'ilay hira aho.

5 Ho an'ireo zanany; ho an'ny vadiny; ary ho an-dRahalahy Jack, ny sakaizany akaiky, efa mpisakaiza nandritry ny taona maro izy ireo; sy Rahalahy Brown, Ranabavy Brown, ary ianareo tabernakla rehetra: Andriamanitra hitahy anareo. Izaho dia malahelo azy, ihany koa. Andriamanitra anie hampitsahatra ny fanahiny mahery fo, mandra-pihaonantsika aminy ao amin'ny fiadanana.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

6 Ray An-danitra Mpiahy, ny miresaka fotsiny an'io mpanompo lehibe io, malahelo azy aho, izao hariva izao, izy nandray ny tànako, sy ilay tsiky kely mahafatifaty izay nananany foana rehefa nilaza izy hoe, "Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Branham," rehefa niditra ny varavarana izahay. Fantatro fa niakatra any amin'Ny Tranonao izy, izao hariva izao. Noho izany dia mivavaka aho, Andriamanitra malala, mba Hamelanao an'ireo vokatra, ireo asany izay manaraka azy, ho lehibe, hitohy amin'ireo zanany, ny vadiny. Mivavaka izahay mba Hitahianao azy, Tompo. Ianao no nilaza fa Ianao dia ho vady iray ho "an'ireo mpitondratena izay tena mpitondratena tokoa." Mivavaka ho an'ny Anabavinay Palmer sy ho an'ireo zanaka rehetra aho. Fantatro hoe ahoana no fiaraha-miory amin'ny anankiroa, very namana iray aho sady very koa ny dadako.

7 Noho izany, Ray, raha mbola eto izahay, izao hariva izao, dia mivavaka izahay mba Hanomananao ny fonay, ihany koa, ho an'izany ora izany. Tsy mahafantatra izahay. Mety ho tonga tampoka tahaka ny nahatongavan'ny azy izany. Tsy fantatray hoe rahoviana no ho tonga izany, saingy fantatray kosa fa tsy maintsy tonga izany. Noho izany dia mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hizahanao ny fo rehetra izay ato, izao hariva izao. Andriamanitra, aza avela ny ahy. Zahao ny ahy, ihany koa, ary zahao toetra aho. Tompo, raha misy ratsy ao anatinay, esory izany. Te-hanompo Anao izahay. Izany no tanjonay feno, dia ny hanompo Anao.

8 Arotsahy aminay Ny Fanahinao, izao hariva izao, sy ny sisa amin'ity herinandro ity. Tahio ity tabernakla amin'ny anarana hoe Life Tabernacle ity. Enga anie izy handray an'ireo fitahiana feno an'izany anarana izany ka ho feno ny Fiainan'Andriamanitra, amin'ity herinandro ity, mba hamonjy ny fanahy very rehetra, mba hameno ny mpino rehetra ny Fanahy Masina, ary hanavao an'ireo fanantenana izay ao anatinay, Tompo, indray. Mivavaka izahay mba Hanasitrananao ihany koa ny marary sy ny ory rehetra izay

tonga eo anivonay. Enga anie Ny Fanahy Masinao lehibe ho eto, Tompo, ka hanasitrana fotsiny. Ary hosory ny tsirairay avy mba hino. Ekeo ireo zavatra ireo, Ray.

9 Andriamanitra, ampio aho ankehitriny. Raha anjarako izao, anjarako ny mitondra ny Hafatra. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hamelanao fotsiny an'ilay ampahan'ny maha-olona hijoro eny amin'ny ilany anankiray. Enga anie ny Fanahy Masina ho tonga ka hihetsika eo aminay, Tompo. Enga anie ny Fanahy Masina no handray ny fivoriana, Tompo. Fantatray fa tena tsy ampy izahay. Tsy vitanay izany, tsy misy anankiray aminay. Tsy milaza izahay fa afaka manao an'ilay izy. Fa, Tompo, fantatray kosa fa Ianao no ilay Anankiray. Noho izany dia miantehitra Aminao izahay, Tompo. Mihetseha, ry Fanahin'Andriamanitra, ary midìna indray eo aminay. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

10 Ankehitriny dia te-hampita ny fiarahabana eo amin'ny laharan-tariby aho, ho an'ireo fiangonana izay mifandray ankehitriny manerana ny fanjakana. Eo amin'ny fifandraisana ara-telefona isika, izay fomba fiasa kely iray tsara izay nahafahantsika nahavita, tamin'ny alàlan-dRahalahy Pearry Green avy any Beaumont, Texas. Ary ireo fiangonana, manontolo, izay manaraka ny Hafatra, manerana ny Etazonia rehetra, dia mifandray, izao hariva izao. Mandefa ny fiarahabana izahay, ny Morontsiraka Andrefana ambony sy ambany, manerana manomboka any Vancouver ka hatrany Tijuana, Mexico, mandalo ao San Jose, Los Angeles. Ireo vondrona rehetra any, miarahaba anareo izahay avy eto Shreveport. Izao koa, ny any Prescott rehetra, Arizona, ho an'ilay vondrona any izay miandry ny Tompo, mandefa ny fiarahabana ho anareo izahay, ary ny any Tucson, Sierra Vista ihany koa. Ny any New York rehetra any, ambony sy ambany, manerana ny firenena, ny Tompo anie hitahy anareo, ny tsirairay avy. Maniry anareo mba ho eto izahay, izao hariva izao, ity fanjakana tranainy mahafinaritra an'i Louisiana ity, izay toy ny trano faharoa, ho ahy. Izaho . . .

11 Fantatrareo, ianareo vahoaka any New York, fantatrareo, somary mananihany kely anareo aho, ny fomba firesakareo. Tena ao an-trano mihitsy aho izao hariva izao. Hia. Ny olona rehetra eto, fantatrareo, hoy izy ireo hoe, "Akory, manao ahoana, Rahalahy Branham. Ento Ranabavy Branham sy ireo kilonga rehetra ka tongava hijery anay." Oh, oadray! Manao ahy hahatsapa ho tsara izany. Tena Anglisy izany, ho ahy. Tsy hoe tsy miraharaha anareo vahoaka any atsinanana sy avaratra, ary ireo toerana samihafa. Fa, fantatrareo, ataoko fa izaho dia teraka fotsiny ho Tatsimo tranainy iray ary tsy maintsy mijanona ho tahaka an'izany. Izaho—izaho dia tena tia an'izany, ny tenako. Tena Anglisy izany.

12 Tany amin'ny sakafo marainan'ny Business Men aho, teto vao tsy ela akory izay, ary hoy izy ireo hoe, "Hitsangana isika ankehitriny ka hihira ny hiram-pirenena." Dia nitsangana aho, nanao hoe, "Ho an'i Kentucky fonenako tranainy, any lavitra any." Eny, ho ahy, izany no hiram-pirenena. Izany ihany no fantatro mikasika an'izany. Noho izany, mandefa ny fiarahabana ho anareo izahay. Ary ankehitriny ho an'ny . . .

13 Mino aho fa izy ireo dia hiezaka handefa an'ilay sakafo maraina amin'ny fandefasam-peo, ihany koa, ilay sakafo marainan'ny Business Men, amin'ny Sabotsy maraina. Rahalahy Green no hiteny aminareo, raha eo amin'ny fanamafisam-peo izy any ankehitriny. Noho izany dia izy no hiteny aminareo hoe amin'ny firy no manomboka ilay sakafo maraina, ary amin'ny firy, isan-kariva, no hihainoana azy. Misaotra anareo betsaka izahay. Mivavaha ho anay.

14 Ankehitriny, ho an'ny fiangonana eto an-toerana eto, sy ny tabernaklan-dRahalahy Jack, hangataka sitraka iray aminareo fotsiny aho, izao hariva izao. Satria hanome ny Hafatra fisaorako aho manerana ny—ny firenena, izao hariva izao, ho an'ireo fiangonantsika eto an-toerana izay manaraka ny Hafatra. Eo amin'izany, izaho—izaho dia mety ho ela kely. Ary noho izany, indray, dia mety hitory Foto-pampianarana iray aho. Noho izany, raha izay ilay izy, ka tsy manaiky an'Izany ianareo . . .

15 Tahaka an'izay lazaiko foana mikasika ny tarta serizy hoe: "Rehefa tonga eo amin'ilay voany aho, dia tsy ariako ilay tarta, ilay voany no ariako, manohy mihinana an'ilay tarta fotsiny aho."

16 Noho izany raha sendra ka miresaka zavatra iray aho izao hariva izao, izaho . . . Eny, izany no antony anankiray nandraisako an'izao fanasana izao, izao hariva izao, mba ho eto, mba hitondra ny Hafatra fisaorako ho an'ireo vondrona manerana ny firenena, dia satria manokatra tena malalaka foana ny varavarany i Rahalahy Jack ka manao hoe, "Torio izay ao am-ponao." Noho izany dia mahatsapa ho tena ao an-trano aho.

17 Noho izany dia mety ho izany ilay izy eto, ato amin'ny fiangonana eto an-toerana eto miaraka amin-dRahalahy Jack, mety misy mpitoriteny sy olona sasany izay tsy hanaiky Foto-pampianarana. Mazàna aho dia manana fanajana tsy miresaka foto-pampianarana eo amin'ny polipitran'olona iray, izay nanasa ahy ho tonga hiresaka ho azy. Noho izany, aorian'izao hariva izao, dia heveriko fa hivavaka ho an'ny marary fotsiny aho ka hanao ny fivoriana mahazatra. Fa nieritreritra aho hoe hamela anareo hahafantatra dieny mialoha, raha misy zavatra izay lazaiko ka mety tsy ekena, nahoana, dia avelao fotsiny ho an'ny tsy fahaizako izany, heveriko, sy ny tsy fahafantarako tsaratsara kokoa. Ary mivavaha ho ahy.

18 Noho izany dia ndao isika ankehitriny hamadika ao amin'ny Teny, ao amin'ny toko iray eto. Maniry aho ny hanondro amin'ny toerana maro izao hariva izao, satria manana Soratra maromaro aho ary naoty kely voasoratra eto amin'ny takelan-taratasy eto.

19 Tsaroako ny fotoana voalohany niakarako teo amin'ny lampihazo teto amin'ny Life Tabernacle, roapolo taona lasa izay. Izaho—izaho dia tsy nila nandray naoty an'ireo Soratra sy fanondroana. Tanora latsaky ny roapolo taona aho tamin'izany. Saingy ankehitriny dia efa nihoatra ny dimy amby roapolo aho, noho izany aho . . . ny faharoa. Noho izany aho dia . . . tsy afaka mahatsiaro azy tahaka ahy taloha aho. Tsy maintsy mandray naoty an'ireo Soratra aho, ary matetika dia mamepetra mialoha ny zavatra hafa izay tiako hanondroana.

20 Ary ny Tompo anie hitahy raha mamaky avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra isika, ary ny Bokin'ny Romana, ny toko faha-7. Ankehitriny, dia tiako ny somary hampianatra kely an'izao ho toy ny lesona sekoly Alahady iray.

21 Fantatro fa misy olona mitsangana. Ary ao amin'ny tabernakla, mazàna, any Jeffersonville, te-hiarahaba anareo rehetra izahay, izao hariva izao, ihany koa, fantatray fa mifandray ianareo any ao amin'ny tabernakla. Ary toy ny hoe any amin'ny tabernakla, izao hariva izao, raha teto ianareo, ireo olona dia manerana ny rindrina, ary hipoka. Ankehitriny, heveriko fa ianareo dia tahaka an'izany, ihany koa, ny olona rehetra izay ao amin'io ampahan'ny firenena io, izay tonga ho an'ny Hafatra.

22 Ankehitriny dia hampiasa an'izao tahaka ny lesona sekoly Alahady iray isika. Ary tsy mivantana amin'ny zavatra anankiray izany, olona sasany, na inona; ho an'ilay Fiangonana fotsiny, ilay Vatan'i Kristy izay ezahanay tarihina ho amin'ny fisainana lalindalina kokoa sy tanjona avoavo kokoa, mino fa antomotra ny Fihavian'ny Tompo Jesosy. Mino an'izany isika. Mbola mihoatra aza, roapolo taona akaiky kokoa nohon'ny naha-izy azy tamin'ny fotoana voalohany nahatongavako teto Shreveport izany. Oh, tena betsaka ny nitranga hatramin'izany fotoana izany! Ankehitriny dia miandry ny Fihavian'ny Tompo isika, ao amin'ny taranatsika. Tsy miandry fifohazana ao amin'ny taranatsika aho. Miandry ny Fihavian'ny Tompo aho, ao amin'ny taranatsika.

23 Ankehitriny ao amin'ny Romana 7. Matoky aho fa manana ny Baibolinareo misokatra ianareo, na aiza na aiza ankehitriny, manerana ny firenena. Tiantsika ny hamaky tsara ankehitriny. Ity—ity Hafatra eto ity, dia toy ny hoe eo amin'ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana ilay izy, saingy tsy tena izany ilay izy. Ho ahy, dia faminaniana iray ho an'ny Fiangonana ao amin'ny andro farany izany. Ndao isika hamaky.

*Tsy fantatrareo ve, ry rahalahy, (fa miteny amin'ireo izay mahafantatra ny lalàna aho,) ahoana fa ny lalàna* dia *manapaka ny olona raha mbola velona izy?*

*Fa ny vehivavy izay* manana *vady iray dia fehezin'ny lalàna ho an'ny vadiny raha mbola velona izy; fa raha maty kosa ny vadiny, dia afaka amin'ny lalàn'ny vadiny izy.*

*Koa noho izany, raha mbola velona ny vadiny, raha izy* no *manambady lehilahy hafa, dia hantsoina hoe mpijangajanga iray izy: fa raha maty kosa ny vadiny, dia afaka amin'izany lalàna izany izy; ka dia tsy mpijangajanga izy, na dia manambady lehilahy hafa iray aza izy.*

*Amin'izany, ry rahalahiko, ianareo koa dia efa natao maty ny amin'ny lalàna nohon'ny tenan'i Kristy; ka* ianareo *dia* hakambana na ho lasa *vadin'ny hafa, dia ho azy izay* natsangana *tamin'ny maty, mba hahavokarantsika ho an'Andriamanitra.*

*Fa fony tao amin'ny nofo isika,. . .ireo filan'ny* ota, *izay nohetsehin'ny lalàna, no niasa tao amin'ireo momba ny tenantsika hahavokatra ho amin'ny fahafatesana.*

*Fa ankehitriny dia efa afaka tamin'ny lalàna isika, ka maty ny amin'izay nihazonana antsika; ka dia hanompo amin'ny fanavaozam-panahy isika, fa tsy amin'ny hahelan-tsoratra.*

24 Ary ndao isika hivavaka ankehitriny.

25 Andriamanitra malala, vao avy namaky an'izay inoanay ho Tenin'Andriamanitra masina izahay. Ary izany no inoanay, hoe tsy hisy tendron-tsoratra anankiray na tsipi-teny anankiray mihitsy ho foana amin'Ity raha tsy tanteraka ny rehetra. Ary mino izahay fa ny Tompo no niteny taminay, ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-22, hoe, "Na iza na iza hanaisotra Teny anankiray avy ao Aminy na hanampy teny anankiray Aminy, dia mitovy, ny anjarany, dia hesorina ao amin'ny Bokin'ny Fiainana."

26 Ary hitanay fa, amin'ny alàlan'ny fandikana diso an'ity Teny ity, tahaka ny nandikan'i Satana diso an'Izany tamin'i Eva, no nanao azy hisalasala tamin'ny Teny anankiray, nanipy ny taranak'olombelona manontolo tao amin'ny korontam-pahalavoana iray. Teny anankiray fotsiny!

27 Avy eo dia hitanay ao afovoan'ny Boky, fa tonga ny Tompo sy Mpamonjinay, ary Nomeny anay ity andininy mikasika Azy ity. "Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra."

28 Avy eo dia ilay fampitandremana mampahatahotra ao amin'ny Boky farany, an'ny Fanambaran'i Jesosy Kristy hoe, "Na iza na iza hanampy teny iray na hanaisotra Teny iray, dia hesorina ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany."

29 O Andriamanitra, mahafantatra, mahita hoe marefo toy ny ahoana izahay, mahafantatra fa mandeha eo amin'ny kofehy marefon'ny fiainana izahay, an'ity fiainana mety maty ity (tsy mahafantatra hoe amin'ny firy izahay no hantsoina hamaly any Ambony), dia avelao izahay, O Tompo, hanaisotra ny zavatra rehetra ao am-ponay, ny zavatra rehetra ao an-tsainay, ka hijery mahitsy ao amin'Ny Teninao, izao hariva izao, ary ny hiandry Anao ho tonga ka handika Azy amin'ireo faminaniana velona. Ekeo izany.

30 Enga anie Ny Fanahinao hilatsaka aminay ka hanosotra ny Teny ao amin'ny fonay, mba hahafahanay miala eto, izao takariva izao, ho olona tsaratsara kokoa noho izay maha-anay ankehitriny, mba hahafahanay hanana fahalalana akaiky kokoa ny amin'i Jesosy Kristy. Ekeo izany, Tompo, mba hahafahanay hahafantatra ny andro izay iainanay, sy ny fanomanan'Andriamanitra ny Olony ao amin'ity ora ity; ity fotoana lehibe, tena lehibe, maizina izay iainanay ity. Andriamanitra, hosory izahay, tsy ilay mpiteny ihany, fa ny mpandre. Ary, miaraka, ataovy mangovitra amin'Ny Teninao ny fonay. "Fa ny fahatahorana an'Andriamanitra no voaloham-pahendrena." Ekeo ireo zavatra ireo, Ray, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

31 Tiako ny hanisy titra an'ireto fanamarihana vitsy izay hataoko eto ireto, sy ireo Soratra sasany izay tiako hanaraka aoriany, raha sitraky ny Tompo, ho an'ny—ny Hafatra fisaorana, ho an'ilay tsy hita maso, hoe, *Ny Firaisana Tsy Hita Mason'Ny Ampakarin'I Kristy. Ny Firaisana Tsy Hita Mason'Ny Ampakarin'I Kristy.* Toa ohatry ny tsy Hafatra fisaorana izany ilay izy. Na izany aza, ny Soratra rehetra, dia ankasitrahantsika ny Aminy rehetra.

32 Mankasitraka an'Andriamanitra aho, ny velona ao amin'ity fotoana ity, an'ireo sehatra famaranana ny tantaran'ity izao tontolo izao ity. Tsy mahafantatra aho. Raha nanana fomba fiteny iray aho talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ka raha navelatr'Andriamanitra tamiko ny fandaharana iray manontolo, ary nilaza tamiko hoe, "Izaho—Izaho dia tia anao hitory teny. Ary ankehitriny inona no taona irianao, handehanana eny amin'ny tany hitoriana teny?" Hifidy an'ity taona ity aho, satria heveriko fa ity no taona volamena.

33 Ho tiako tokoa ny ho teto nandritry ny fotoan'ny Famangiany ny tany. Saingy, mbola, heveriko fa ity izao ankehitriny izao ity no fotoana lehibe kokoa, satria izany no fotoana iray izay Hahatongavany haka ny olona izay Navotany,

manakaiky ny fitsanganana rehefa hiseho ilay navotana rehetra. Tombontsoa lehibe iray toy ny inona no ananantsika, ny miresaka amin'ny vahoaka iray eo am-pahafatesana, fotoana lehibe! Marisika ny amin'izany isika.

34 Ary fantatsika fa eo am-pifaranana ny tantara. Ho tapitra tsy ho ela ny tantaran'izao tontolo izao, amin'izay fotoana izay isika dia hiditra ao amin'ny andro vaovao iray, ao amin'ilay Arivo taona lehibe. Ka, amin'ny maha-mpino iray, izaho dia mino ny. . . ny Arivo taona iray, fanjakana Arivo taona iray miaraka amin'i Kristy, arivo taona iray eto ambonin'ny tany; ilay fiverenana ara-batan'ny Tompo Jesosy, mba handray vahoaka iray ara-batana, nomem-boninahitra, tamin'ny alàlan'Ny Ràny manadio.

35 Manome kisarisary iray i Paoly eto, ao amin'ny Soratsika, mikasika ny lalàna sy ny fahasoavana, ary manao kisarisary azy tahaka ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana. Tena mahalana ity andininy ity no toriana, satria izany dia, somary, momba ny, mitovitovy, amin'ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana. Fa izany koa dia momba ny ampahany lehibe kokoa an'ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana, ny amin'ny hoe ahoana fa miezaka izy ny hametraka amin'ny lamina eto fa isika, amin'ny maha—amin'ny maha-Fiangonana iray, dia tsy afaka hivady intsony amin'izao tontolo izao sy amin'i Kristy, amin'ny fotoana iray ihany, ka—ka ho ara-dalàna sy araky ny lalàna mikasika an'izany, tahaka ny tsy hahafahan'ny vehivavy iray hiaina miaraka amin'ny vady iray raha mbola manana vady iray velona izy. Ary manana ny fisainako manokana aho ny amin'izany, ary mino aho fa izay lazain'ny Baiboly dia ny Fahamarinana.

36 Ankehitriny, saingy izaho dia mino, ihany koa, araky ny finoako, fa izany dia manokatra ny anankiray amin'ireo zava-miafina lehibe an'ny faminaniana. Ary manantena aho fa hanampy antsika ny Tompo, izao hariva izao, raha manome an'izao ho an'ireo vahoakantsika miandry manerana ny firenena isika.

37 Izao no voalaza, indray mandeha (Namaky aho, rehefa nanoratra ny naoty ho an'izao, izaho—izaho dia tsy afaka nahatsiaro marina an'ilay boky izay nisy azy, fa izaho—izaho dia manana antoka fa marina izany), hoe (anankiray amin'ireo boky izay novakiako mikasika an'Atoa. Moody, Dwight Moody, tany Chicago; isika dia manana fiangonana lehibe iray izay mihaino any Chicago, ihany koa, izao hariva izao), hoe, Atoa. Moody, rehefa avy namaky ny Romana 7, dia nihazakazaka teny an-dàlambe, ary ny lehilahy voalohany izay nihaonany, niteny taminy izy hoe, "Fantatrao ve ny fahasoavana?"

Dia namaly ilay lehilahy hoe, "Fahasoavana iza?"

Hoy Atoa. Moody hoe, "Ny fahasoavan'Andriamanitra."

38 Noho izany, tena nampientam-po azy izany rehefa hitany hoe inona, ahoana no nampisarahan'ny fahasoavana antsika tamin'ny lalàna, ary ahoana, hoe ampaham-pahasoavana inona no mandeha. Eny, ankehitriny, ny zavatra rehetra izay tiako hatao, dia hoe rehefa . . . Niteny tamin'ny olona foana aho hoe, rehefa miampita an'ilay tsipika aho, ho ery amin'ilay Ilany hafa, dia ho tiako ny hitsangana ka hihira.

> Fahasoavana mahagaga! Feo mamy,
> Izay namonjy mahantra tahaka ahy!
> Fahasoavana, fahasoavana sarobidy!
> Fahasoavana betsaka hahafantarana!

39 "Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena antsika; tsy noho izay azontsika atao." Izay haintsika, na inona na inona ataontsika, dia tsy nisaina ho antsika. Ny fahasoavana no mamonjy antsika. "Tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo, tamin'ny alàlan'ny finoana."

40 Afaka manampy amin'io Vehivavy io ve aho, ny Fahasoavana, izaho ve afaka mametraka Azy ao amin'ny Baiboly, ihany koa, izay antsoina hoe ilay Ramatoa voafidy, io Ramatoakely Fahasoavana izay horesahako io. Fantatrareo, ny Baiboly no manambara, milaza hoe, "Ho an'ilay Ramatoa voafidy." Izany, raha mahamarika ianareo, "voafidy" dia avy amin'ny teny hoe "Ramatoa voafidy." Ramatoa anankiray, eo anivon'ireo ramatoa hafa rehetra, no voafidy.

41 Ohatra, ilay virijiny dia tsy maintsy niteraka an'ilay vatan'Andriamanitra, teto an-tany. Vehivavy iray voafidy izy. Nifidy an'i Maria Andriamanitra.

42 Ary, izao koa, nifidy Ramatoa voafidy iray Andriamanitra, dia Ny Ampakariny. Voafidy Izy. Manantena aho fa mambran'izany isika, izao hariva izao, manerana an'izao tontolo izao, manerana ny firenena, raha ny marina.

43 Ny kisarisary eto, dia maneho ny firaisan'ny Ampakarina amin'i Kristy, ilay Ramatoa voafidy: ary ahoana no tsy maintsy itondrana Azy eo Aminy; avy taiza Izy; ary ahoana no hitondrana Azy eo Aminy. Ilay Fiangonana eto, ao amin'ny kisarisary izay ananantsika amin'ny fahitana, dia voakisarisary amin'ny alàlan'ny vehivavy iray. Fa, tandindon'ny Fiangonana foana ny vehivavy iray, satria ny Fiangonana dia natao ho Ampakarina iray. Ampakarina iray, Izy no Ampakarin'ny Tompo Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

44 Isan'andro, raha handinika ianareo, dia diniho ireo toerana sy ny fitondran-tenan'ny vehivavy, ka ho hitanareo hoe aiza no misy ny fiangonana.

45 Ankehitriny, ity, ny sasany amin'ireo fanamarihana dia mety ho hafahafa amin'ny sasany aminareo, saingy fanampiny ho an'ny Hafatra izay azoko avy tamin'ny Tompo izany, izay

ezahako ampitaina amin'ireo olona. Hitanareo? Dinihonareo ny zavatra rehetra ao amin'ny ara-boajanahary, ahoana no fitrangany, ny natiora, dia diniho izany. Tena azo antoka fa izany dia mandeha miaraka amin'ny ara-panahy, ihany koa.

46 Ankehitriny, raha hijery ny fitondran-tenan'ny vehivavy eto amin'izao tontolo izao ianareo amin'izao andro izao, diniho ilay fitondran-tenan'ny fiangonan'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Diniho fotsiny. Mazava ho azy, ankehitriny, fa misy ihany koa ny fitondran-tenan'ny Ampakarina ara-panahy, ilay Fiangonana. Hitanareo? Diniho Izany, ihany koa. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Satria, ilay ara-boajanahary mody antsoina, mihambo ho Ampakarina.

47 Ankehitriny, mamela ahy hilaza indray amin'ny fiangonana eto an-toerana azafady. Aza ratsy fandray ankehitriny. Izaho dia—izaho dia miresaka amin'ny rehetra any ivelany manerana ny firenena, amin'ilay, izay heveriko, ho Ramatoa voafidy. Noho izany raha sendra ka misy mpitoriteny ato, izay tsy manaiky, eny, tazòny vetivety fotsiny ny filaminanareo. Hitanareo? Mariho. Henoy fotsiny.

48 Mariho io toetra io. Rehefa mahita vehivavy manohy mitroatroatra fotsiny ianareo, manao izay tiany hatao fotsiny, dia diniho, manao an'ilay zavatra mitovy ny fiangonana. Mariho.

49 Fa mariho rehefa, ilay Ampakarina ara-panahy, rehefa manomboka mahazo fifohazana iray Izy, rehefa manomboka miverina Izy ka manitsy ny Tenany amin'ny Tenin'Andriamanitra. Mariho indray amin'izay fotoana izay, hitanareo, hoe ahoana fa ireo Soratra, amin'io fotoana io, hisy Hafatra iray hiparitaka mba hahatratra an'io Ampakarina io, hahatratra an'io Vehivavy io, Voafidy.

50 Satria, tahaka an'izao tontolo izao, Satana, ilay mpamitaka izay namitaka an'ilay ampakarina voalohany, mba hanota hanohitra an'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny tsi-finoana Ny Teniny . . .

51 Ary ankehitriny, amin'izao andro izao, dia hitantsika ilay fiangonana ara-boajanahary, ao amin'ny filazantsaranareo ara-tsaina, fa mandeha manalavitra sy manalavitra ny Teny, ao amin'ny filazantsara ara-tsosialy; hitantsika fa ireo vehivavin'izao tontolo izao, eny an-dàlambe, mambran'izany, dia mitondra ny tenany ao amin'ilay tontolo iray ihany. Tsy afaka miteny azy ireny ianareo. Veriny ny dikan'ny fahamaotinana tsotra rehetra, verin'ny olona izany. Hitanareo? Ary izany no fomba ananan'ny fiangonana. Ary afaka mahita azy mandeha avy hatrany mankany amin'ny fiombonambe ekiomenika ianareo, azo antoka mihitsy tahaka ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao, ary ao Roma avy hatrany haingana arak'izay azony handehanana, hitanareo, satria efa naminaniana izany. Ary eo no misy azy. Izany no fitondran-tenany.

52 Fa amin'izay fotoana izay dia diniho indray ilay Fiangonana ara-panahy, ahoana ilay vondron'olona, nantsoina hivoaka, ilay Voafidy, nandritry ny fifohazana rehetra. Tao amin'i Martin Luther, dia tahaka an'izany no fitrangany tao amin'ilay fanavaozana. Zavatra tahaka an'izany no nitranga tamin'ny fotoan'i John Wesley. Zavatra tahaka an'izany no nitranga rehefa nanomboka voalohany ny Pentekotista. Namerina an'ireo vehivavy ireo tao amin'ny laharana niaraka tamin'ny Teny izy ireo, nefa avy eo dia nibirioka izy ireo. Indro izy fa miverina avy hatrany ao anatin'ny fahapotehana. Fa avy eo amin'ny fotoana izay maha-vonona ny olona hahitsy, dia misy Hafatra iray mivoaka, ary milahatra miaraka amin'Izany izy ireo.

53 Luther dia iraky ny andro anankiray, an'ny fanamarinana, ary nilahatra avy hatrany niaraka tamin'izany ny Fiangonana, ny sasany tamin'izy ireo. Nanohy ny sisa tamin'izy ireo. Tonga niaraka tamin'ny fanamasinana i Wesley, nilahatra avy hatrany niaraka tamin'izany ny Fiangonana. Tonga ny Pentekosta niaraka tamin'ny famerenana an'ireo fanomezam-pahasoavana, nilahatra niaraka tamin'izany ny Fiangonana, ilay Voafidy an'izany andro izany; ary avy eo dia niha-nalazo, niverina avy hatrany tao amin'ny fanaovana anaram-piangonana ka nandeha avy hatrany niaraka tamin'ny sisa tamin'izy ireo, izy rehetra teo amin'ilay laharana avy hatrany.

54 Ankehitriny, fa mahamarika ianareo, rehefa manomboka miezaka hilahatra miaraka amin'ny Teny ny olona, dia indro tonga ny Hafatra vaovao iray avy amin'ny Tenin'Andriamanitra, mivantana any amin'ny olona avy hatrany. Ary mahazo an'io Hafatra io izy ireo ka milahatra, isan'andro. Izany fotsiny dia ao amin'ny an'Andriamanitra . . . Manana an'izany isika.

55 Manana fianakaviana isika. Efa zatra an'izany ny fianakaviana rehetra ato. Indraindray ny zavatra rehetra dia handeha tsara ho anareo, mandritry ny taona maro. Avy eo, tampotampoka, dia handalo fotoana iray ianareo izay, matetika isika any Atsimo eto no milaza azy hoe, "Rehefa avy ny orana, dia miraraka izy," ka lasa ratsy ny zavatra rehetra. Mandalo andro alina iray ianareo. Avy eo dia misy ny misandratr'andro iray, avy eo dia andro alina iray. Mandeha ao amin'ny fitohizana ny zavatra rehetra.

56 Ny mpaminany, Paoly, dia milaza eto fa tsy mahazo manambady indray ny vehivavy iray raha tsy maty aloha ny vadiny voalohany. Tsy mahazo manambady izy raha mbola velona ny vadiny voalohany; izy, na inona antony na inona, mihitsy. Tsy maintsy mitoetra irery izy raha mbola velona ny vadiny voalohany. Ary raha nanao an'izany ota izany izy, "dia antsoina hoe mpijangajanga iray izy." Miresaka an'ilay ara-nofo aho ankehitriny, mba hanao tandindona an'ilay ara-panahy. Raha manao an'izany ota izany ilay vehivavy, amin'izay fotoana izay izy dia voaisy marika hoe, "mpijangajanga iray," raha

manana vady anankiroa velona amin'ny fotoana iray ihany izy. Noho izany, dia veriny, amin'ny fanaovana an'izany, ireo zòny amin'Andriamanitra sy ny Lanitra, amin'ny fanaovana tahaka an'izany. Tena azo antoka fa veriny. Voaroaka iray avy amin'ny fananan'Andriamanitra izy, araka ny Soratra izay vao avy novakiantsika.

57 Toy izany koa ny fiangonana, rehefa miezaka ny hampifangaro ny fanekem-pinoana sy anaram-piangonana amin'ny Tenin'Andriamanitra izy. Tsy afaka mivady amin'anaram-piangonana iray izy, sady ho Ampakarin'i Kristy, amin'ny fotoana iray ihany. Tsy maintsy maty amin'ny anankiray izy na ilay iray hafa. Ny lalàna no miteny an'izany, eto. Maro ny lalàna ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary izany no Lalàny, miteny an'ilay zavatra iray ihany i Paoly eto. Tsy afaka mivady amin'ny fiangonan'ny fanekem-pinoan'izao tontolo izao izy, sady ho Ampakarin'i Kristy, satria (izy) ny anankiray dia mifanohitra amin'ilay iray hafa. Ankehitriny, tsarovy.

Hoy ianareo, "Eny, izahay mino an'*ity*, fa izahay tsy mino an'*Itsy*."

58 Raha mivady amin'i Kristy ianareo, Kristy dia ny Tenin'Andriamanitra. Ao amin'ny Masindahy Jaona, ny toko faha-1, dia nanao hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary izany ihany no tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Kristy no Teny velona. Izy foana no Teny. Mbola ny Teny Izy. Mbola ho ny Teny foana Izy. Fanehoana fotsiny an'ireo toetran'Andriamanitra Izy, satria Izy no Zanak'Andriamanitra.

59 Ary ny zanaka rehetra dia toetran'ny rainy, ary tahaka anareo tao amin'ny tsimok'ain'ny rainareo, tao amin'ny vatan'ny rainareo fony izy tovolahy iray, dia tao aminy ianareo. Kanefa, tsy afaka nanana fiombonana taminareo izy, satria tsy nahafantatra anareo. Fa avy eo, tamin'ny alàlan'ireo tany famafazan'ny reny iray, dia nateraka teto an-tany ianareo ary natao tamin'ny endriky ny rainareo, tamin'izay fotoana izay izy vao afaka niombona taminareo.

60 Dia toy izany koa ianareo, zanakalahin'Andriamanitra sy zanakavavin'Andriamanitra, talohan'ny nisian'ny volana iray akory aza, ireo kintana, na molekiola iray. Efa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo, satria fanehoana ara-batana fotsiny an'ireo toetra izay tao amin'Andriamanitra tany amin'ny voalohany ianareo. Satria, endrika Fiainana Mandrakizay anankiray ihany no misy, ary ianareo izany, tany aloha. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ianareo. Tsy fantatrareo koa aza hoe oviana ianareo no tao anatin'ny rainareo ety an-tany, saingy ianareo dia voaseho ho. . .tao amin'ny endriny. Natao tao amin'ny endrik'Andriamanitra ianareo, ary voaseho ho an'ny voninahitra sy ho an'ny fiombonan'Andriamanitra ianareo.

61 Ary, noho izany, azo antoka tahaka ny tsy maintsy naha-tao amin'ny rainareo ny tsimok'ainareo, talohan'ny fahaterahanareo ara-boajanahary, dia tsy maintsy tao amin'Andriamanitra ny tsimok'ainareo ara-panahy, satria fanehoana iray an'ireo toetry ny Fisainany ianareo, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Marina. Tsy misy làlana ankoatran'izany. Marina izany. Ankehitriny, ankehitriny dia mahamarika isika, noho izany, fa tao aminareo io Aina io, tao aminareo ny Ain'Andriamanitra, hatrany amin'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

62 Ankehitriny, ankehitriny, tsy mahazo manafangaro ny fanekem-pinoan'ny anaram-piangonana amin'ny Teny ianareo, satria mifanohitra loatra izy ireo, ny iray amin'ny iray hafa.

63 Izany marina tokoa no niezahan'i Satana natao tamin'i Eva niaraka tamin'ny heviny ara-tsaina. Nilaza izy . . . nanaiky izy fa niteny an'izany Andriamanitra, saingy hoy izy hoe, "Azo antoka, fa tsy ho faty ianareo." Hitanareo? Ary nino an'izany izy ireo.

64 Ary izany no nataon'ny fanekem-pinoana, izao hariva izao. Ny anaram-piangonana no nampisaraka ny olona tamin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy nilaza ve Jesosy, rehefa tonga Izy hoe, "Ianareo, tamin'ny alàlan'ny fombafombanareo, no nanao ny Didin'Andriamanitra ho tsy misy fiantraikany amin'ny olona"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary tamin'ny alàlan'ny fanekem-pinoantsika, no nanapahantsika ny fiombonan'ny Fanahy Masina mba hanosotra ny Tenin'Andriamanitra izay natondraka ho an'ity taranaka ity. Tena nampisarahantsika ny olona, tamin'ny alàlan'ny anaram-piangonana, hany ka tsy afaka nanana anjara hahita an'Izany izy ireo.

65 Ankehitriny, Andriamanitra, Izy, tamin'ny taranaka rehetra, Izy dia manampy ampahany vaovao iray an'Ny Bokiny. Mandeha miaraka izy rehetra.

66 Tahaka ny niorenan'ny vatako. Nilazana aho fa nanomboka tamin'ny taolan-damosina izy, saingy tsy ny taolan-damosina rehetra. Nandeha nankao amin'ireo taolan-tehezana izany, ary avy ao amin'ny avokavoka, dia nankeo amin'ny tànana, sy ny sandry, sy ny tongotra, sy ny sisa, ary nivoaka ho olona izay maha-izy ahy.

67 Ary tahaka an'izany koa no nisehoan'Andriamanitra tany amin'ny voalohany. Ary farany dia niseho ho Jehovah Izy, Andriamanitra ilay Ray. Avy eo dia niseho ho Andriamanitra ilay Zanaka Izy, tao amin'i Jesosy Kristy. Niseho ho Andriamanitra ilay Fanahy Masina Izy ankehitriny. Ilay Andriamanitra iray ihany, hatrany, fisehoana telo an'ilay—ilay Andriamanitra iray ihany.

68 Ankehitriny, hitantsika ao amin'izany, fa, tamin'ny taranaka tsirairay, dia nizarazara Ny Teniny hatrany amin'ny voalohany Andriamanitra.

69 Tahaka ny nahatongavan'ny fivoarana mihitsy. Tahaka ny zavatra voalohany izay noforonin'Andriamanitra mihitsy, angamba, izay. . .Ndao ataontsika hoe namorona ny fiainan-java-maniry Izy, aloha. Avy eo dia namorona ny fiainam-biby Izy, ny manaraka. Avy eo dia namorona ny fiainan'olombelona Izy, ny manaraka. Karazana fivoarana iray, miakatra avo kokoa.

70 Toy izany koa ny amin'Andriamanitra sy Ny Fiangonany. Fanamarinana teo ambanin'i Luther. Fanam-. . .Izany no nisintona Ny Ampakariny hivoaka, ankehitriny. Eo am-pamoronana Ny Ampakariny Izy. Fanamarinana teo ambanin'i Luther; fanamasinana teo ambanin'i Wesley; sy ny sisa, hitanareo. Izy, ilay fivoaran'ny Fanahy dia nomena niampy sy niampy, satria eo am-panorenana ilay Vatana, tonga eo amin'ny Loha, izay Kristy, ilay Vatan'i Kristy.

71 Ankehitriny, Izy, amin'ny maha-vehivavy iray, raha mivady amin'i Kristy ilay Teny Izy, dia tsy mahazo mivady amin'ny fiangonana anaram-piangonana iray Izy amin'ny fotoana iray ihany, satria voafatotra amin'izany Izy. Izy dia. . .tsy ho afaka hiaina miaraka amin'ny vady anankiroa amin'ny fotoana iray ihany. Mifanohitra izy ireo, ny iray amin'ny iray hafa. Ny iray nirahin'Andriamanitra, ary ilay iray hafa nataon'olona, noho izany dia mifanohitra izy ireo. Hoy Izy, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga; ny Ahy ho ny Fahamarinana." Andriamanitra no niteny an'izany.

72 Tahaka ny ifanoherany betsaka mihitsy, no ifanoheran'ny lalàna sy ny fahasoavana, araka ny notenenin'i Paoly eto. Ny anankiray tsy maintsy maty, mba hahazoana an'ilay hafa. "Ary raha manandrana manafangaro azy ireo izy, dia hantsoina hoe mpijangajanga iray izy." Oh! Eritrereto izany. New York, Arizona, manerana ny firenena, eritrereto izany. Hoy Andriamanitra hoe, "Raha manandrana ny hivady amin'ny anankiroa izy amin'ny fotoana iray ihany, dia hantsoina hoe mpijangajanga iray izy." Mpijangajanga inona no afaka miditra any An-danitra? Hanambady mpijangajanga iray ve Andriamanitra? Tsia tokoa. Nangataka tamintsika Izy mba tsy hanao an'izany. "Hantsoina hoe mpijangajanga iray izy."

73 Noho izany, ireo zanany, raha mpijangajanga iray izy, dia zazasary ireo zanany. Zazasary! Zazasary amin'ny inona? Tsy amin'ilay fiangonana, fa amin'ny Teny. Zazasary izy. Sary iray an'izany toy ny inona ny Apokalypsy 3 eto, ny amin'ilay taom-piangonana Laodikia an'ny andro farany! Vondrona zazasary iray toy ny inona! Fifangaroana iray ara-anaram-piangonana toy ny inona! Matimaty, fahadalana ary miantso ny tenany ho Kristiana, nefa mandà

ny Tenin'Andriamanitra, "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny," araka ny nolazain'ny mpaminany fa haha-izy azy ireo.

74 Ny fanambadiana no fanorenana tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao. Ny fanambadiana no nankalazaina voalohany, sy voaorina, tao amin'ny sahan'i Edena.

75 Nanankinana toetra maro izay tsy azony lotoina ny vehivavy. Nanankinana an'izany ny vehivavy. Tsy misy zava-boahary iray eto an-tany izay mitovy amin'ny vehivavy. Tsy misy alika vavy, tsy misy karazana vavy, izay nanankinana toetra izay nankinina tamin'ny vehivavy.

76 Ny vehivavy aza dia tsy tao amin'ny—ny fiandohan'ny famoronana akory, satria fantatr'Andriamanitra fa ho lavo izy. Tsy afaka nanao fijangajangana ny vavy hafa rehetra. Izy irery ihany no anankiray izay afaka manao fijangajangana. Raha natao tahaka an'ilay tany am-piandohana izy, dia ho diso tanteraka tamin'ny fahendrena lehibe an'Andriamanitra izany. Hitanareo? Natao ho vokatra notsoahina iray avy tamin'ny lehilahy izy.

77 Saingy satria nalefa tao amin'io ilany io izy, dia nomena andraikitra masina iray avy tamin'Andriamanitra koa izy, ho an'ny fanavotana. Manana toetra izay tsy azony lotoina izy.

78 Raha handoto an'izany izy, dia voaloto mandritry ny androm-piainany. Tsy mampaninona na impiry izy no avela, tsy azo amarinina izy. Hiditra amin'izany aho afaka kelikely. Manana Soratra iray eo amin'izany aho, afaka minitra vitsy. Azo avela izy noho ny fahalotoany, saingy tsy azo amarinina izy ao amin'io fiainana io. Miaraka aminy foana izany. Mariho ankehitriny. Nomena azy io. Mety ho navela izy, saingy tsy amarinina.

79 Ny vatany no nomena azy, fahatokiana masina iray avy amin'Andriamanitra. Tsy misy alika vavy, tsy misy vorona, tsy misy biby hafa, tsy misy zava-boahary hafa tahaka an'izany. Tsia. Izy no anankiray tokana. Amin'ny alàlan'izany, izy dia. . . Ny antony tena maha-masina an'izany, dia izy no tsy maintsy hitondra ny aina eto an-tany. Tany famafazan'ny aina ny vatany, noho izany dia izay no antony nanomezana azy an'io fahatokiana masina io.

80 Ankehitriny dia eto no mety tsy hanekenareo, ny maro, ianareo teolojiana. Ny nandoto ny taranak'olombelona manontolo, dia io fijangajangana tany amin'ny voalohany io. Voaloto ny tany famafazany. Niteraka an'ireo kambana ireo izy, Kaina sy Abela. Hetsika anankiray, zaza anankiroa. Zahao ny Soratra. Ah-hah.

81 Mariho ankehitriny. Hitantsika fa tany famafazana ny vatany, ary noho izany dia fahatokiana masina iray, tsy

azo lotoina izany. Ankehitriny, miresaka aho ankehitriny, mitondra an'izao ao amin'ny kisarisary iray, mba haneho aminareo hoe aiza no mijoro ilay Fiangonana. Tsy miresaka ny aminareo vehivavy aho. Na inona ianareo na inona, dia eo aminareo sy Andriamanitra izany, na ianareo lehilahy. Fa miresaka ny amin'ny Fiangonana sy Kristy aho.

82 Ankehitriny, nomena azy io, mba hitondrany aina izay Andriamanitra Izy tenany irery ihany no afaka manome. Mety ho mpitondra tsimoka ny vadiny, saingy Andriamanitra no tsy maintsy mamokatra an'ilay aina. Marina izany. Tsy maintsy tonga izany. Tsy maintsy avy amin'Andriamanitra ny aina rehetra. Tsy maintsy avy amin'Andriamanitra ny aina tsirairay. Nosimbaina ilay izy, ary izany no manao azy ho mpanota, saingy tsy maintsy avy amin'Andriamanitra ny aina. Izy no Mpanao ny aina. Ankehitriny izy dia manana mas-. . . anankiray . . .

83 Te-hanonona zavatra anankitelo aho eto izay tsy azony ialana. Ankehitriny, miresaka aho, tazòny ao an-tsaina ilay fiangonana raha miresaka an'izao amin'ilay vehivavy ara-boajanahary aho, araka an'i Paoly eto, ao amin'ny toko faha-7 an'ny Romana.

84 Manana fahatokiana masina iray an'ny fahatsaran-toetra izy izay napetraka taminy avy tamin'ny Tompony, fahatsaran-toetra iray. Tsy misy hafa afa-tsy ny vehivavy no manana an'izany. Marina. Napetraka taminy avy tamin'Andriamanitra izany. Tsy mahazo mandoto an'io fahatsaran-toetra io izy.

85 Raha manao zavatra ratsy iray aza izy, dia tsy maintsy miaiky amin'ny vadiny izy alohan'ny andraisany azy, ary manitsy an'izany. Toy izany koa ny fiangonana izay mivady amin'ny lalàna, tsy maintsy manatona eo anatrehan'i Kristy izy, alohan'ny fanambadiana faharoa. Tsy maintsy miaiky an'izany izy. Raha tsy miaiky izy, ka miaina miaraka amin'ny vadiny mandritry ny folo taona ary amin'izay fotoana izay vao miaiky an'ilay izy, dia manana zò izy handroaka azy ary manambady vehivavy hafa iray. Izany no Soratra. Fiainana tsy madio ny fijangajangana.

86 "Ry Josefa, aza matahotra, alaivo ho vadinao i Maria, fa izay ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina." Nikasa ny hametraka azy mangingina izy, hitanareo, rehefa avy namofo azy. Rehefa nifofo azy ianareo, araka ny fantatr'Andriamanitra, dia nivady taminy.

87 Mariho ankehitriny. Manana fahatokiana masina iray an'ny fahatsaran-toetra izy izay nomena azy, nankinina taminy avy tamin'ny Tompo. Andriamanitra no nanome azy an'io fahatsaran-toetra io. Tahaka ny tao amin'ny sahan'i Edena mihitsy, afaka miteny izy hoe "eny" na "tsia." Manana

toetram-behivavy masina izy napetraka taminy, izay tsy azony simbaina. Ny maha-vehivavy izay resahako eto dia ny fitondran-tenany, ny toetrany manodidina an'ireo lehilahy. Tsy mamela ny lehilahy rehetra . . .

88 Mijery eo amin'ireny fitara-tsary sy mijery an'ireny mpilalao sarimihetsika manoroka ireny, sy mamihina, sy mitsikasikasina, ary eny rehetra eny, miaraka amin'ireny vehivavy ireny. Ny vehivavy izay manao an'izany, dia avy amin'ny toetra ratsy iray. Mety ho tsara toetra izy, ankoatran'io. Saingy, hitanareo, ao am-pony . . . Nefa, ireny glandy ireny, glandim-pananahana, dia eo amin'ny molotra. Ny lehilahy izay manoroka vehivavy iray, izy tokoa dia, amin'ny ampahany, nanao fijangajangana. Eo amin'ny molotry ny vehivavy sy ny molotry ny lehilahy ireo glandim-pananahana. Afaka manoroka azy eo amin'ny tànana izy, tsy hifangaro amin'ny alàlan'ireo glandim-pananahan'izy ireo izany. Fa eo amin'ny molotra ny glandim-pananahana. Ary mahita an'io fahadalana rehetra io ianareo ao amin'ilay—ilay Hollywood amin'izao andro izao, an'io fitsikasikasinana sy fitiavana rehetra io miaraka amin'ireo vehivavy, sy ny sisa, ary ireo zazavavy kely izay mijery an'izany rehetra izany. Tsy mahagaga raha lò ireo fitondran-tenantsika ary mihalò, sy maloto, hitanareo, satria apetraka eo anatrehan'ireo ankizy izany. Marina izany. Tsy maintsy ho toy izany ilay izy amin'ny andro farany.

89 Tazòny ao an-tsaina ilay fiangonana ankehitriny. Manoroka sy mitsikasikasina izy, ary mifangaro amin'ny zavatra hafa rehetra afa-tsy ny Teny, mamela ny devoly, sy ny fianarana ary ireo fikarohana siantifika, sy ny sisa.

90 Nefa, ny siantifika, ny fianarana, ny zavatra rehetra, dia tena mifanohitra tanteraka amin'Andriamanitra. Antikristy tanteraka ny rafitry ny fandrosoana manontolo izay ananantsika ankehitriny. Antikristy ny rafitra ara-pampianarana. Antikristy ny fandrosoana. Manohitra an'Andriamanitra izany. Hoy ianareo hoe, "Manohitra ny fandrosoana?" Hanana fandrosoana iray Andriamanitra, indray andro any, izay tsy hisy fahafatesana hifandray amin'izany. Ity fandrosoana moderina ity dia avy amin'i Satana. Hoporofoiko aminareo izany, raha sitraky ny Tompo, izao hariva izao, avy ao amin'ny Baiboly. Avy amin'i Satana ireo zavatra rehetra ireo. Ny fandrosoantsika vaovao dia tsy hanana na inona na inona avy amin'ity.

Manana an'io maha-vehivavy masina io izy.

91 Tsy mahagaga raha mihetsika manodidina an'ireo vehivavy amin'ny fomba izay ataony ireo lehilahy, satria mihetsika manodidina an'ireo lehilahy amin'ny fomba izay ataony ireo vehivavy. Mampiseho ny tenany any ivelany any izy miaraka

amin'ny sorta, sy manara-batana, ary ireo akanjon-dehilahy sy ny sisa, eny an-dàlambe, miolanolana eo. Tsy mampaninona izay lazainy, mety ho tsara toetra amin'ny vadiny arak'izay maha-izy azy izy, saingy, eo imason'Andriamanitra dia, "Mpijangajanga iray izy." "Na iza na iza mijery vehivavy mba hila azy dia efa nijangajanga taminy tao am-pony izy." Ary mampiseho ny tenany ho izany izy.

Ary izany marina tokoa no nataon'ny fiangonana miaraka amin'izao tontolo izao.

92 Mariho. Napetraka taminy izany: fahatsaran-toetra masina, maha-vehivavy masina, ary avy eo dia ny maha-reny masina, manaja ny vadiny.

93 Jereo fotsiny amin'izao andro izao. Any amin'ireo tanàna sasany, tanàna maro, manana fety goavana mihitsy aza izy ireo ao amin'ilay antsoina hoe fikambanana, mambram-piangonana, ihany koa. Mametraka ny satrony eo amin'ny gorodona, ary mamo izy rehetra ka manipy ny lakileny ao anatin'izany. Mandeha ny vehivavy tsirairay ka maka ny lakile ao anatin'ilay satroka, an'izay lehilahy hiarahany miaina mandritry ny faran'ny herinandro. Ireo karazana fety rehetra tahaka an'izany! Fa, tena manana betsaka ho lazaina aho eto, raha sitraky ny Tompo, ka tsy manana fotoana hidirana ao amin'izany. Loto tahaka an'izany!

94 Ary tena ratsy ilay fiangonana, marina, manao fijangajangana amin'ny zavatra rehetra, nefa tsy tokony hiditra amin'izany izy. Tokony hijanona miaraka amin'ny Teny izy.

95 Tena tsara ireo tranobe. Tena tsara ireo hopitaly. Tena tsara ireo zavatra hafa rehetra ireo. Ireo fandaharam-pampianarana, tena tsara izany. Tsy maintsy miaina eto isika, tsy maintsy mamaky, manoratra. Izany no anankiray amin'ireo toe-karena.

96 Ohatra, tsy natao hanao akanjo isika, tany amin'ny fiandohana. Hitory eo amin'izany aho, atsy ho atsy amin'ity herinandro ity, raha sitraky ny Tompo. Saingy tsy maintsy manao akanjo isika satria Andriamanitra no nanome akanjo ho antsika. Fa, tany amin'ny fiandohana, dia tsy nila azy ireny isika. Voasarona isika.

97 Voasarona ny amin'ny fahotany izy ankehitriny. Tsy fantany akory aza hoe manota izy, hitanareo, tahaka ny naha-izy azy tamin'izany fotoana izany. Tamin'ny alàlan'ny . . . Voasaron'ny devoly izy ankehitriny; tamin'izany fotoana izany izy dia voasaron'Andriamanitra. Ny fahasamihafan'ilay izy.

98 Hitantsika ankehitriny fa nomena azy io fahatokiana masina izay tsy azony simbaina io: an'ny maha-vehivavy, fihetsika, manana ny toetrany, mitaiza ny zanany, manaja ny vadiny.

99 Amin'izao andro izao, tsy misy iraharahiany an'izany mihitsy na dia kely aza eto amin'izao tontolo izao. Tokony

hipetraka ao amin'ny biraoko ianareo indray andro dia hahita an'ireo lehilahy mitondra ny vadiny, izay ezahan'izy ireo hahitsy amin'Andriamanitra ka miaiky an'ireo lehilahy rehetra izay niarahany niaina, sy ny zavatra hafa rehetra, hatramin'ny nivadian'izy ireo. Oh, hoy ianareo hoe, "Izany dia . . . " Tsia. Ireo Pentekotista izany. Ah-hah. Tsy ho avy ireo hafa. Noho izany ilay izy dia . . .

100 Miresaka aho ny amin'ny hoe ahoana no itarihan'izany lavitra, rehefa lasa mifangaro amin'izao tontolo izao ianareo, ilay fiangonana, ary ireo lamaody rehetra sy ireo zavatra ananantsika. Tsy ilay Pentekosta tany am-boalohany intsony isika mihoatra nohon'ny andro amin'ny alina. Nivily tany ho any isika, tao amin'ny fahapotehana maizina iray tany ho any, ary very.

101 Fahatokiana masina iray toy ny inona! Andraikitra iray toy ny inona ho an'ny vehivavy iray! Hitanareo ankehitriny hoe nahoana izy no tandindona iray an'ilay Fiangonana, izay manana an'ilay andraikitra mitovy. Tahaka ny ananan'ny vehivavy andraikitra masina iray amin'ny maha-reny azy, amin'ny fahatsaran-toetrany, amin'ny vadiny, dia manana andraikitra masina ilay Fiangonana amin'ny vavaka sy amin'ny Teny, ary amin'i Kristy, tahaka ny ananan'ilay vehivavy mihitsy.

102 Ary tahaka ny ivilian'ny vehivavy iray miaraka amin'ny lehilahy hafa; rehefa difotra ao amin'ireo fandaharam-pianarana ireo ny fiangonana, sy ireo fandaharana fanorenana sy sekoly, sy ny sisa. Tsy manana na inona na inona manohitra azy ireny aho. Tena tsara izy ireo. Manompo ny tanjony izy ireny. Saingy izy ireny dia tsy . . .

103 Tsy niteny mihitsy Jesosy hoe, "Mandehana, manaova sekoly." Hoy Izy hoe, "Torio ny Teny."

104 Teo no nanaovan'izy ireo tsirambina an'Izany. Tsy hoe manaova fianarana, hopitaly, sy ny sisa. Tena tsara izy ireny, saingy tsy izany no andraikitr'ilay Fiangonana. Ny mitory ny Filazantsara no andraikiny, saingy isika dia nanao ny zavatra hafa rehetra afa-tsy izany. Fa nivily tao amin'izany isika, tahaka ny nataon'i Satana mihitsy, ka nanafangaro an'izany tamin'ny Filazantsara iray, zavatra hafa iray, ary zavatra hafa iray, hany ka lasa làla-malalaky ny tsinontsinona ilay izy. Fahalòvana, na dia ny rehetra aza, izao tontolo rehetra izao! Diniho ilay firehan'izao tontolo izao.

105 Namaky ny *Reader's Digest* aho, teto vao tsy ela akory izay, izay misy an'ireo tovovavy miditra ao amin'ny fitsaha-jaza, ary ireo lehilahy, ilay fiovan'ny fiainana, eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona. Miditra ao amin'ny antenantenan-taonany izy ireo. Fahalòvana, (nahoana?) nohon'ny fikarohana siantifika an'ny sakafo sy ny karazany izay

nanimba, avy amin'ireo zavatra ara-boajanahary izay tokony hampidirintsika ao amin'ny vatantsika. Isika dia tsy misy afa-tsy andiana fahalòvana eo am-pahafatesana fotsiny.

106 Ankehitriny, ny fiangonana dia izany, ihany koa. Ao amin'ilay toerana iray ihany izy.

107 Tandindona iray Izy. Manana an'ilay fahatsaran-toetra sarobidy iray ihany avy tamin'ny Fanahy Izy, nomena Azy, mba hitahiry ny Fanahy sy ny Teny, ary tsy hanao fijangajangana amin'ny zavatra rehetra avy amin'izao tontolo izao na inona. Mijanona ho virijiny amin'ny Teny, tahaka ny vehivavy iray izay tsy maintsy mijanona ho tsara toetra amin'ny vadiny. Fahatokiana masina iray izy, mba hanaja Ny Tenin'ny Tompony ambonin'ny fanekem-pinoana rehetra nataon'olona, ny fahendrena, ny anaram-piangonana izay misy. Nomena an'io fahatokiana io ilay Fiangonana.

108 Raha hoy izy ireo hoe, "Eny, ny fiangonako..." Tsy ahoako izay inoan'ny fiangonanareo. Raha mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra izy, dia alaviro izany.

109 Hoy ny Baiboly hoe, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Marka 16 no nilaza hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Raha mitory hafa noho Izany ny fiangonana, aza manao ianareo. Maty ny amin'izany zavatra izany ianareo. Aoka ho ateraka indray, ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. "Mandehana ianareo any amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra." Izany hoe izay lavitra tsy maintsy Nandehanany. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino, any amin'izao tontolo rehetra izao, ary amin'ny olombelona rehetra izay hino." Hitanareo ve hoe ahoana no analavirantsika an'Izany? Azo antoka. Fa tompon'andraikitra ny amin'Izany Izy.

110 Fa jereo ankehitriny hoe inona, Hollywood, no nanala an'ireo zavatra tsara tamin'ireo vehivavintsika.

111 Mipetraka eto aho mijery vehivavy antitra malala, Ranabavy Schrader, maro amin'ireo vehivavy eto, sy ery aoriana, ary Ranabavy Moore izay eto, ireo vehivavy azon-taona izay mahatsiaro ny taona vitsy lasa. Raha ny renin'izy ireo, na izy ireo mihitsy aza, no nandeha nivoaka teny an-dàlambe, amin'ny fomba izay andehanan'ireo vehivavy ireo amin'izao andro izao, ireo mpikambam-piangonana, dia ho nanidy an'ilay vehivavy izy satria marary saina. "Adinony ny nanao ny zipony." Eny, raha marary saina izy tamin'izany fotoana izany, dia marary saina izy ankehitriny.

112 Eny, jereo, ilay izao tontolo rehetra izao no manaporofo fa marary saina izy. Jereo ireo mpamono olona sy ireo zavatra izay miseho eto amin'izao tontolo izao ankehitriny. Hitanareo? Fahararian-tsaina!

113 Ny zavatra manontolo dia tonga mba hanatanteraka ny Apokalypsy. Mety ho tonga eo amin'izany isika, amin'ity herinandro ity. Fa, ireo zavatra mahatsiravina ireo, tsy ara-boajanahary izy ireo. Zavatra ara-panahy izany, izay manao ny olona hiantsoantso an'ireo vatolampy sy ireo tendrombohitra, ary ny zavatra hafa rehetra, mba hianjera amin'izy ireo.

114 Ilay fahararian-tsaina feno, manontolo izay hidiran'ity izao tontolo izao ity, izao ankehitriny izao, dia efa saiky eto ankehitriny. Nahoana, mahita ny dingan'izany ianareo. Io ilay izy. Izany—izany dia mandeha mihitsy eny an-dàlambe, eo amin'ny dabiliom-piangonana mihitsy, fahararian-tsaina manontolo, manao zavatra izay tsy noeritreretin'ny olombelona iray sy mandroso hatao mihitsy.

115 Jereo izay nataon'i Hollywood tamin'ny vehivavy. Jereo hoe ahoana ilay izy. Nangalatra an'ireo fahatsaran-toetra masina an'ny vehivavy izy. Ary manohy sy manohy, afaka mandeha isika. Hitanareo?

116 Veriny izany rehetra izany. Ahoana no nanaovany an'izany? Satria nisy ny fitaovana fetsy iray izay antsoina hoe ny fiangonana, tahaka ny nisiany tao amin'ny sahan'i Edena. Olona fetsy iray, ny devoly, no niditra tao amin'ilay fiangonana tahaka ny nataony mihitsy tao amin'ny sahan'i Edena, ka namitaka azy tao amin'izany. Voafitaka izy. Mieritreritra ilay vehivavy; tsy fanahy iniany ny ho diso.

117 Tsy fanahy inian'i Eva ny hanao ratsy. Tsy an-tsitrapo ilay izy. Fa izy . . . Ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Timoty Faharoa, Timoty Voalohany 3 hoe, "Voafitaka izy." Ary ny hoe *voafitaka* dia rehefa manao an'ilay izy tsy an-tsitrapo ianareo. Izany dia rehefa voafitaka ianareo tamin'ny fanaovana an'ilay izy.

118 Ary izany marina tokoa no mitranga amin'izao andro izao. Voafitaka izy, tamin'ny alàlan'ny televiziona, tamin'ny alàlan'ny magazina, tamin'ny alàlan'ireo olona ireo, ireo, ireo zavatra mahafinaritra rehetra ireo izay andehanan'izy ireo, eny an-dàlambe. Ireo zazavavy moderina, mijery an'ireo magazina izy ireo ary mijery an'ireo sary. Mijery eny an-dàlambe izy ireo. Mahita an'ilay akanjo ao amin'ireo fivarotana. Ahoana fa i Satana, ilay fitaovana lehibe an'ny—an'ny helo, no nidina teo anivon'ny olona ka namitaka azy ireny tao amin'ireo zavatra ireo! Ary mihevitra ilay vehivavy fa tena mety tsara izy. Ary maty izy nefa tsy mahafantatra an'izany. Lavitra an'Andriamanitra izy. Hitanareo ve hoe ahoana no nahaverezany an'io rehetra io, ary fetsy toy ny ahoana ilay izy?

119 Androany, tiako ianareo hanamarika. Niresaka ny amin'izany Jesosy. Izao koa, raha tianareo ny hamaky an'izany, nanao filazana Jesosy fa hiseho io zavatra io (Efa fantatrareo ve izany?) tao amin'ireo Orany farany, talohan'ny fanohomboana

Azy mihitsy. Ndao isika hamaky an'izany fotsiny, Masindahy Lioka, ny—ny toko faha-23, ary mandritry ny fotoana fohy fotsiny, toy ny lesona sekoly Alahady iray. Manomboka amin'ny andininy faha-27, mino aho fa voamariko eto. Jesosy nandeha nankany Kalvary. Henoy raha mamaky an'ilay izy aho. Eny àry. Masindahy Lioka 23:27, mino aho, no ahitantsika azy. Tahaka an'izany no ananan'ny naotiko azy. Hia. Inty ilay izy.

*Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka azy, ary*. . . *vehivavy, izay niteha-tratra sady nitomany azy.*

*Fa Jesosy nitodika tany amin'izy ireo ka nanao hoe, Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomany ahy, fa mitomania ny tenanareo, sy ny zanakareo.*

*Fa, indro, ny* andro—*ireo andro dia ho avy,*. . . izay *hilazany hoe, Sambatra ny momba, sy ny* kibo *izay tsy niteraka mihitsy, ary ny nono izay tsy ninonoana mihitsy.*

120 Eritrereto, amin'izao andro izao, dia henatra ho azy ny manana zanaka iray. Hitanareo?

*Dia hanomboka hilaza amin'ny tendrombohitra izy ireo hoe, Mianjerà aminay; ary* af-. . . *ary amin'ny havoana hoe, Saròny izahay.*

*Fa raha ataony amin'ny hazo maintso izany, ahoana no* hataon'izy ireo *amin'ny maina* iray?

121 Miresaka ny amin'ny andro izay tsy hilan'ireo vehivavy zanaka intsony. Alika iray na saka iray no tian'izy ireo, na zavatra tahaka an'izany, fa tsy mila zanaka intsony izy ireo. Nahoana? Izy dia "Old Mother Hubbard" raha manana zanaka iray. Hitanareo? Tsy mila izy. Izany ireo—izany ireo fitantaran'i Hollywood. Izy tsy mila ny vehivaviny ho "Old Mother Hubbard." Noho izany izy dia, izy dia hanana fandidiana iray hanamboatra ny tenany na ny azy, ny anankiray, izay hisakana azy ireo tsy hanan-janaka. Tsy mila zanaka izy ireo.

122 Niresaka ny amin'izany Jesosy. Ary inona no Nolazainy? "Amin'izany fotoana izany dia hanomboka hiantsoantso an'ireo vatolampy sy tendrombohitra izy ireo hoe 'Mianjerà aminay.'"

123 Hanao fandrindram-piterahana izy, mba hahafahany handeha any amin'ny fety. Tsy te-ho voaelingelin'ny zaza iray hinono aminy izy. "Hanaratsy bika azy izany. Rehefa bevohoka izy, ny hisy, dia hanaratsy bika azy izany. Tsy hitovy tahaka azy taloha izy." Ary ny vadiny, tena tsy ampy fahalalana mba hamela azy hanao tahaka an'izany. Tsy hanome zanaka ho azy izy.

124 Niresaka ny amin'izany Jesosy. Ary Izy no nilaza, hoe, "Rehefa nanao an'izany izy ireo, dia amin'io fotoana io no handeha hiantsoantso an'ireo vatolampy hianjera amin'izy ireo." Izany no Fihavian'ny Tompo.

125 Mandoa vola betsaka izy ireo ho an'ny saka, alika, mba horotsirotsiana. Marina izany. Tsy maintsy mandrotsirotsy zavatra iray izy ireo, satria izany no natiora nomen'Andriamanitra azy.

126 Voamariko. Mihaza haza goavana aho. Bera antitra iray tamin'ny lohataona, rehefa niray tamin'ilay bera lahy izy, efa nanana an'ireo zana-bera izay teraka izy tamin'izany fotoana izany. Zana-bera tena tsara vatana izy ireo, angamba milanja zato livatra na mihoatra. Handroaka azy ireo izy ary hampiafina ny tenany samy irery, satria hiteraka zana-bera iray amboniny izy. Teraka ny Febroary izy ireo. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ilay bera.

127 Teraka ao anatin'ny paosy kely izy ireo. Ahoana fa Andriamanitra no manao azy ireo hanokatra an'ireo paosy kely ireo, samy irery, kely. . .tahaka ny paosy selofana kely. Mahita ny làlany izy ireo. Resin-tory ny renin'izy ireo. Tsy nihinana na inona na inona izy hatramin'ny Oktobra, ary Febroary tamin'io. Tonga izy ireo ary minono aminy hatramin'ny antsasaky ny Mey.

128 Amin'izay fotoana izay rehefa mahita an'ireo zana-berany izy, zana-bera tena tsara vatana izy ireo, angamba milanja dimy ambin'ny folo, folo na dimy ambin'ny folo livatra ny iray. Minono aminy izy ireo. Ahoana no ahazoany an'ilay ronono, hevitr'Andriamanitra izany. Izy dia mivelona, samy irery, ary mamokatra ronono ho an'ireo zana-bera.

129 Ary amin'izay fotoana izay raha tsy mety ilay firaisany, ka tsy nahazo zana-bera izy, dia hitady azy ireny izy ny taona. . . ireo zana-bera tamin'ny taon-dasa, ary mandrotsirotsy azy ireo mandritry ny fahavaratra manontolo, satria izany no talenta nomen'Andriamanitra. Tsy maintsy mandrotsirotsy zavatra iray izy.

130 Ary raha tsy manome zazakely iray ho an'ny vadiny ny vehivavy iray, dia haka alika iray na saka iray izy, na zavatra iray. Tsy maintsy mandrotsirotsy zavatra iray izy. Natiora iray izany. Fa raha ny hitondra zanaka iray ho an'ny vadiny, ka hitaiza azy ho amin'ny asan'Andriamanitra, izany dia any ivelan'ny laharany manontolo tanteraka mihitsy. Izy dia tokony. Oh, izy dia. . .Oh, tena ho afa-baraka izy, raha nanao izy, tamin'ny fikambanany tia ota an'ity karazam-behivavin'ny 1965 ity.

131 Sary marina iray an'ilay fiangonana moderina an'izao andro izao! Ilay fiangonana moderina eto koa dia tsy mila ny anankiray amin'ireo, miantsoantso, mikiakiaka, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, izay vokarin'ny Asa 2:38 hanodidina azy. Hia. Hia. Hitanareo? Hia. Izy tsy mila ny anankiray amin'ireo izay mihorakoraka, sy mitomany, ary miantsoantso hoe, "Amena! Haleloia!" Nahoana, ny

zanaka iray toy izany dia handroaka azy any ivelan'ny anaram-piangonany. Raha nanana anankiray tahaka an'izany izy ireo tao amin'ny anankiray tamin'ireo fiangonana, nahoana, havoakan'izy ireo avy hatrany izy.

"Nahoana no avelanareo handeha tahaka an'izany io karazan-javatra io?"

132 Noho izany, hitanareo, bevohokan'ny zavatra anankiray izy, satria miteraka mambra foana izy. Fa izy tsy mila ny anankiray amin'ireo izay miantsoantso, mivazavaza, minananana, Asa 2:38, olona fadiranovana no iheverany azy ireo. Hahasaikatra azy tokoa izany. Izany dia hanimba azy sy ny fikambanam-piangonany nianatra, ara-etika, siantifika izay ikambanany eto. Hamoaka azy any ivelany izy ireo, amin'ny fivoriambe manaraka. Tsy mahazo manana an'izany izy. Noho izany dia tsy mila ho bevohokan'ny Teny izy, satria izany ihany no karazana tokana izay azon'ny Teny hateraka.

133 Nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, izany no manana ny Fanahin'Andriamanitra ao aminy. Tsy misy fikambanana amin'ny fiangonana ara-tsaina sy fandehanana ao amin'ny fanekem-pinoana, volo tapaka, tarehy miloko; tsy misy zavatra anankiray tahaka an'izany ao Aminy rehetra. Tsy mahita an'izany ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Mahita zanaka iray amin'ny fanao fahiny ianareo, nohamasinina, feno ny Fanahy Masina, nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, miantsoantso, mihorakoraka, mikiakiaka, midera an'Andriamanitra.

134 Tsy ao anatin'ny fahatakarana izany rehetra izany ho azy. Tsy ilainy Izany. Oh, tsia, tompoko! Tsia, tokoa. Inona no ataony amin'izay fotoana izay? Noho izany izy dia miteraka andiany iray, miloko tarehy iray, manao sorta, fikambanana Jezebela, zazasary "saka," izay no iantsoan'izy ireo azy, heveriko fa izay ilay izy. Hitanareo? Heveriko fa saka no iantsoan'izy ireo azy. Hitanareo? "Jereo ilay saka izay mandeha etsy," hoy izy ireo, na zavatra tahaka an'izany, fantatrareo.

135 Izy dia teraka, na nivady, nifandray tamin'ny vadiny voalohany, ilay Adama voalohany, tamin'ny alàlan'ny vady mpijangajanga, Eva, ilay vadin'i Adama voalohany. Hoy ianareo hoe, "Mpijangajanga?" Azo antoka fa izany izy. Saingy, oh, mihambo izy fa io Adama io, io Adama voalohany io, dia maty. "Oh, azo antoka, maty efa ela izy. Izaho dia vao nateraka, indray," hoy izy, "ary mivady tokoa amin'ilay Adama Faharoa aho, Kristy, ny Teny."

136 Ahoana? Mariho izay tiany. Diniho ilay sakaizany, raha tianareo ny hahita hoe iza no maha-latsa-pitia azy. Ny Teny dia milaza an'*Ity*, fa izy nanao hoe, "Ny fiangonako milaza an'*ity*." Iza àry no maha-latsa-pitia azy? Iza no vadiny? Ny voany manokana no manaporofo hoe inona izy. Tena marina

tokoa, mampiseho hoe iza izy. Mariho. Nateraka izy, aloha, tamin'i Adama, satria izany no fahaterahany ara-boajanahary. Hitanareo? Ary tsy niala tamin'izany mihitsy izy. Mpitia an'izao tontolo izao iray izy. Mihambo izy fa nateraka fanindroany, tamin'i Kristy. Fa ny sakaizany, mariho, dia Adama, foana, satria tia an'izao tontolo izao izy.

137 Ary zavatra—zavatra hafa, mariho hoe karazana zanaka inona no entiny. Izany no milaza hoe inona ny rain'izy ireo, na ilay Adama voalohany na Adama Faharoa. Raha miteraka zanaka avy tamin'ilay Adama Faharoa ny Fiangonana, dia manao ny fomba fihetsik'ilay Adama Faharoa izy, tahaka ny nataon'izy ireo tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Izany ireo tena zanak'i Adama Faharoa. Hitanareo? Marina. Ny natiorany dia hitovy amin'ny azy sy ny azy. Eny, tompoko. Ireo zanakavaviny, miloko tarehy, mitapa-bolo, manao akanjon-dehilahy, pataloha. Ny Baiboly no nilaza taminy mba "tsy hanao an'izany." Manapaka ny volony izy. "Henatra ho azy izany."

Hoy ianareo hoe, "Mangìna, eo amin'izany."

138 Izany no lazain'ny Teny. Manondro an'ilay natiora fotsiny aho. Izany no ataony.

139 Ireo zanakalahiny, ireo zanakalahiny izay teraka avy aminy, miankina amin'ny fianarana, mianatra, sekoly Biblika anankiray, mody antsoina, kolejy malaza iray izay natao ho efa ela be, nahafoy azy ireo, tao amin'ny karazana fomba fanakotrehana iray. Mpikaroka ara-anaram-piangonana, mpivavaka tahaka an'i Kaina, zazasary amin'ny Teny mihitsy tahaka an'i Kaina; marina, zazasary mihitsy tahaka an'i Kaina, azo antoka, mpikaroka ara-anaram-piangonana. Hitanareo ve hoe inona ilay izy?

140 Tsy nandrafitra anaram-piangonana iray mihitsy Andriamanitra. Nanohitra an'izany foana Izy. Manohitra an'izany Ny Teniny.

141 Saingy mifikitra amin'izany izy ireo, noho izany dia hitanareo izay aterak'izy ireo. Izany no maneho hoe iza no papany sy mamany. Marina tokoa. Marina tokoa. Zazasary tahaka an'i Kaina mihitsy. Izany ilay karazana zanaka naterany tamin'i Eva. Manalavitra ny Teny izy ireo, amin'izay fotoana izay dia jereo izay nentiny. Izany marina tokoa no nateraky ny fiangonana, ilay zavatra mitovy.

142 Azoko porofoina aminareo izany, amin'ny alàlan'ny Teny, hoe teo amin'izany no nahatongavan'ny fianarana sy ny fandrosoana, tamin'ny alàlan'i Kaina. Tena marina tokoa izany. Satria izy ireo dia mihambo. . . Fa izy ireo—izy ireo dia mihambo ho zanakalahin'Andriamanitra, saingy firaisana ara-anaram-piangonana izy ireo, nampianarin'ny fianarana ara-anaram-piangonana, ny zavatra hafa rehetra. Tena marina tokoa izany. Fetsy, mahay! Oadray! Tahaka izany koa ilay

menarana, ny rain'izy ireo. Marina. Tena mpitory teny fetsy sy siantifika tahaka an'i Kaina. Hitanareo? Zavatra iray ihany marina tokoa ilay izy.

Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, marina ve izany?"

143 Mamadiha ao amin'ny Genesisy 4:16 dia jereo. Miverena eto amin'ny Genesisy 4:16, iray minitra fotsiny, dia ho hitanareo hoe ahoana no nitrangan'izany.

> *Ary Kaina niala . . . teo amin'ny fanatrehan'ny* Tompo, *ka nonina tao amin'ny tanin'i Noda, atsinanan'i Edena.*
>
> *Ary Kaina nahalala ny vadiny; ary nanan-anaka izy, ka niteraka an'i Enoka: ary* nanorina *tanàna iray izy, ka niantso ny anaran'ny tanàna, araka . . . ny zanakalahiny hoe, Enoka.*

144 Sy ny sisa hatrany Tobala, sy ny sisa, satria izy ireo dia nanomboka, lasa mpanamboatra fitaovana, mozika, sy ny sisa. Avy tamin'i Kaina ny fandrosoana, marina, manorina tanàna, fitaovana. Ireo olona siantifika dia avy tamin'i Kaina, ilay taranaky ny menarana. Ankehitriny mariho ilay andininy faha-25.

> *Ary Adama nahalala ny vadiny indray;*

145 Ankehitriny, nahalala azy indray mandeha izy ka nanana zanaka anankiroa izy. Zahao ny Soratra. Nanana an'i Kaina sy Abela izy. Hetsika anankiray, ary zanaka anankiroa. Hoy ianareo . . .

146 Niteny tamiko izy ireo, vao tsy ela akory izay, fa izany dia tsy mety, hitranga. Manana sehon-javatra iray isika ao Hollywood. Hollywood? Manana sehon-javatra iray isika ao Tucson izao ankehitriny izao, ao amin'ny fitsarana. Niteraka zaza mainty hoditra iray sy zaza fotsy iray ny vehivavy iray, tamin'ny fotoana iray ihany. Milaza izy ireo fa tsy afaka manao an'izany izy. Izy dia afaka manana voa anankiroa lonaka, ihany koa. Manana an'izany mihitsy izy ireo ao amin'ny fitsarana ankehitriny. Fantatro fa ireo alika no hanao an'izany. Ireo biby no hanao an'izany. Fa manana izy eto, hoy ilay lehilahy fotsy hoe, "Ny zanako manokana no hotohanako, fa tsy izy."

147 Ary nanao ny fiaikena ilay vehivavy. Niaina niaraka tamin'ny vadiny izy tamin'io maraina io, ary ilay lehilahy mainty hoditra tamin'io tolakandro io. "Raha ilay izy no eo," hoy ilay dokotera, "eo anelanelan'ny efatra amby roapolo ora, dia hitranga izany raha misy voa lonaka hafa iray ao." Ary teo no nanaovany an'izany.

148 Ary izany marina tokoa no nitranga teto. Kaina tamin'io . . . Satana, tamin'io maraina io, tao anatin'ilay menarana; ary Adama, tamin'io tolakandro io. Rehefa izy . . . Ary nanana zanaka anankiroa izy.

> Ankehitriny, *Adama nahalala ny vadiny indray* (ilay fanindroany); *ary niteraka zanakalahy iray izy,* . . .

149 Tsarovy, tsy misy na aiza na aiza ao amin'ny Baiboly izay nilaza fa zanakalahin'i Adama i Kaina. Voalaza hoe, "Izy dia avy amin'ilay ratsy," fa tsy Adama, "ny devoly."

> . . .*nahalala ny* (ny fanindroany), ary nahalala . . . ary nanana *zanakalahy iray, ka niantso ny anarany hoe Seta: Fa Andriamanitra, hoy izy, efa nanome* . . . (Tsy ilay tena Taranaka io.) . . .*nanome ahy taranaka hafa ho solony avy tamin'i* Adama, *izay novonoin'i Kaina*. Koa . . .
>
> *Ary avy tamin'i Seta, nisy zanakalahy iray ihany koa naterany; ary izy niantso ny anarany hoe Enosy:* ary *tamin'izany no nanombohan'ny olona niantso ny anaran'ny* Tompo*.*

150 Tsy avy tamin'ny an'i Kaina, ilay tantaran'ny taranaka, fa avy tamin'ny taranak'i Seta.

Noho izany, "Kaina no ilay ratsy." Teo no tonga ilay menarana.

151 Mariho ankehitriny. Milaza mazava ny Baiboly eto, hoe, "Tsy maintsy maty ny vadiny voalohany," tsy hoe noroahina fotsiny. Tsy maintsy maty izy.

152 Vao avy nitory teo amin'ny *Fanambadiana Sy Fisaraham-panambadiana* aho, ary fantatrareo rehetra ny mikasika an'izany. Tsy miresaka aho ankehitriny, ny rehetra, amin'ity fiangonana eto ity, fa manerana ny firenena. Eny àry. Ankehitriny dia hitanareo izay nitranga tany, tao amin'ny *Fanambadiana sy Fisaraham-panambadiana*. Oviana izany . . .? . . . Nisokatra ireo Tombokase Fito, izany no nitondra an'ilay tena Fahamarinan'izany.

153 Noho izany, mba hivadiana amin'ilay Adama Faharoa, Kristy, ny Teny, dia tsy maintsy manasaraka ny tenanareo amin'ny alàlan'ny fahafatesana ianareo, avy amin'ny vadinareo voalohany ara-anaram-piangonana, satria tsy misy na dia ny anankiray amin'izy ireo afaka handray ny Tenin'Andriamanitra rehetra. Asehoy ahy fotsiny hoe aiza no misy an'io anankiray io. "Oh," hoy ianareo, "ny ahy." Ilay olona hafa iray dia milaza fa ny azy, ihany koa. Apetraho miaraka izy ireo, dia ho hitanareo fa samy diso ianareo, vantany vao manao anaram-piangonana ianareo. Vakio ny Apokalypsy 17. Noho izany, hitanareo, tsy maintsy maty ny amin'io zavatra io ianareo.

154 Ankehitriny, tsy miresaka amin'ity fiangonana eto an-toerana ity aho. Miresaka manerana ny firenena rehetra aho. Tsy maintsy maty ny amin'ny vadinareo voalohany

ianareo. Raha miray amin'i Kristy ianareo nefa mbola mivady amin'ny anaram-piangonana iray foana, dia mpijangajanga iray ianareo. Laodikia ianareo.

155 Ny Fiangonana manerana ny firenena, isika dia manaraka an'i Jesosy Kristy, ilay Teny. Mba ho ao amin'ilay Ampakarina, dia tsy maintsy mivady amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo, izay Kristy. "Tamin'ny voalohany ny Teny; ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika."

156 Raha mbola mifikitra amin'ny fombafomban'olona an'ireo anaram-piangonana ianareo, ianareo dia antsoina, ao amin'ny Tenin'Andriamanitra hoe, "mpijangajanga iray." Raha mbola mpitady fanekem-pinoana ara-anaram-piangonana foana ianareo, mikambana amin'ny fiangonana ara-anaram-piangonana iray izay mandà ny Teny, ianareo dia "mpijangajanga iray," izany no nolazain'ny Baiboly.

157 Hoy Jesosy hoe, "Tsy mahazo manompo andriamanitra anankiroa amin'ny fotoana iray ihany ianareo. Na ianareo hanompo an'Andriamanitra na mamôna." *Mamôna* dia "izao tontolo izao." "Izay tia an'izao tontolo izao, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Tsy mety ho ao aminy ny Voan'Andriamanitra (ny fitiavana an'Andriamanitra) amin'ny fotoana iray ihany izay isian'ny fitiavana an'izao tontolo izao ao anatiny ao. Rehefa miasa eo aminareo ny Voan'Andriamanitra, dia izany no Tenin'Andriamanitra. Tsy mety ho ao amin'ny fotoana iray ihany ny fitiavana an'izao tontolo izao. Ankehitriny aiza ilay volo fohy, sy ireo sorta, ary ireo miloko tarehy? Aiza no misy azy?

158 Tsy mety ho tsara toetra amin'i Kristy ianareo, ny Tenin'Andriamanitra, nefa manompo anaram-piangonana nataon'olona amin'ny fotoana iray ihany. Mifanohitra amin'ny Teny izany. Paoly no nilaza eto. "Aiza ho aiza?" Romana 7.

159 Tsy afaka miteraka zanakalahin'Andriamanitra koa ianareo, an'Ny Teniny, ho an'io vondrona zazasary ara-anaram-piangonana io. Tsy afaka manao an'izany ianareo. Ao amin'ny fanakotrehanareo, dia tsy afaka miteraka zanaky ny Tenin'Andriamanitra iray ianareo. Miresaka amin'ilay fiangonana aho. Nefa mbola mihambo ho tena mpivavaka foana ianareo. Toy izany koa i Kaina, ilay zanakalahin'i Eva mpijangajanga, tena mpivavaka, nanorina alitara sy nanolotra fanatitra, sy nandoa ny ampahafolony ary nanao ny zavatra rehetra izay nataon'ny olona hafa rehetra mpivavaka. Saingy diso tamin'ny fihazonana an'io Teny io izy. Diso tamin'ny fananana ny fanambarana izy.

160 Ary ny fanambarana irery ihany no zavatra tokana, ny fanambaran'ny Teny. Inona ilay. . . Inona ny fanambarana?

Hoy Jesosy hoe, "Eto ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ary tsy haharesy Azy ireo vavahadin'ny helo." Ny Finoana no fanambarana; satria voambara taminareo ny Finoana.

161 "Abela, tamin'ny Finoana, dia nanolotra tamin'ny alàlan'ny fanambarana (Finoana), nanolotra ho an'Andriamanitra ny fanatitra tsara kokoa nohon'ny an'i Kaina."

162 Nihevitra i Kaina fa nihinana paoma izy ireo. Mbola manana an'izany hevitra izany foana izy ireo, saingy tsy izany ilay izy. Fijangajangana iray ilay izy, taranaky ny menarana. Ary teo rehefa nisokatra ireo Tombokase Fito, dia izany no nanambara sy nanaporofo an'izany. Vao avy nivoaka ny bokiko mikasika an'izany. Heveriko fa manana arivo isika eto ankehitriny. Hitanareo? Mariho. Ara-tSoratra izany, manomboka amin'ny Genesisy hatramin'ny Apokalypsy.

163 Amin'ny andro farany, dia ho tonga eo amin'ilay voa ireo hazo roa ireo ary hanaporofo ny tenany. Eo isika izao, amin'izao andro izao mihitsy, Laodikia sy ny Ampakarina, tena mazava sy tsara arak'izay maha-izy azy ao amin'ny Soratra, ary eo anoloan'ny tavanareo mihitsy. "Tsy afaka manompo an'Andriamanitra sy mamôna ianareo." Tsy afaka ny ho Kristiana tsara toetra mino ny Baiboly ianareo sady mampikambana ny tenanareo amin'ny raharaha ara-anaram-piangonana. Tsy afaka manao an'izany mihitsy amin'ny fotoana iray ihany ianareo. Tsy maintsy maty ny anankiray, ary mamela an'ilay iray hafa ho velona.

164 Sady tsy afaka mitondra zanaky ny Tenin'Andriamanitra koa ianareo. Sady tsy afaka miteraka koa ilay fiangonana. Tsy mila ny anankiray amin'ireo izy, zanaka miantsoantso iray, mikiakiaka sy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ireo zavatra rehetra ireo. Izy ireo, tsy afaka manao an'izany ao amin'ny fiangonana ara-anaram-piangonana ianareo. Tsy hila anareo izy ireo. Tsy hitondra azy ireo tahaka an'izany izy ireo. Entiny izy ireo dia raisiny ny tànany ka manao hoe, "Raha mino ianareo, dia azonareo Izany. Raha mbola mametraka ny anaranareo eo amin'ilay boky foana ianareo, dia izay ihany no hataonareo." Hitanareo? Izany no—izany no zanaka zazasary amin'ny Teny, nefa mbola mihambo foana ho mpivavaka.

165 Noho izany, bevohokan'ny fahendrena sy ny fahalalan'i Satana, lasa izany ilay fiangonana! Mandefa ny olony any am-pianarana any izy ireo, mba hianatra hoe ahoana no fanaovana "amena" tsara mihitsy. Ampianariny izy ireo hoe ahoana no fiteny an'io rehetra io, ka ho tena mahay. Inona izany? Izany no vohoka avy amin'ny devoly. Nataon'i Satana bevohoka tamin'ny inona i Eva? Mba tsy hino ny Teny, ho an'ireo mahay, nianatra, ary izany no nahapotika ny famoronana manontolo. Izany marina tokoa no ataony

ao amin'ny Teny amin'izao andro izao, ilay fiangonana. Manabevohoka ny tenany amin'ireo sekoly Biblika sy kolejy izy, sy ireo zavatra tahaka an'izany, famakiana, fanoratana, aritmetika, ary tsy mahafantatra ny mikasika an'Andriamanitra mihoatra nohon'ny hahafantaran'ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana iray izy ireo. Fantatr'izy ireo ny fanekem-pinoany rehetra, ireo bokim-bavakany, sy ny zavatra hafa rehetra, nefa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'Andriamanitra.

166 Mahafantatra izy ireo rehefa voamarina ny Teny, nefa Andriamanitra efa niteny tany aoriana tany ka nitsinjara Ny Teniny tamin'ny taranaka tsirairay araka ny nahatongavan'izy ireo. Indro tonga i Noa, ary nitory tamin'izany taranaka izany izy.

167 Ankehitriny, ahoana moa raha tonga i Mosesy, nanao hoe, "Ndao isika hanorina sambofiara iray"? Ho tany ivelan'ilay karazana izy. Saingy mpaminany iray izy. Nanana ny fanambaran'Andriamanitra izy.

168 Andriamanitra no nanamarina an'izany ho ny Fahamarinana. Nitondra an'ireo zanaka Izy, namoaka an'Isiraely, ary nampiseho an'ilay Andry Afo teo anoloan'izy ireo, ka nanamarina an'ilay mpaminany; ary nilaza marina tokoa an'izay Hataony, ary Nataony izany.

169 Hoy izy ireo hoe, "Aoka tsy Andriamanitra no hiteny. Aoka i Mosesy no hiteny, fandrao maty izahay."

170 Hoy Izy hoe, "Tsy hiteny amin'izy ireo intsony tahaka an'izany Aho, fa hanangana mpaminany ho azy ireo Aho, ary izy ireo no hiteny."

171 Indro nitsangana tany Isaia, nanao hoe, "Hanan-anaka ny virijiny." Lehilahy iray tahaka azy tao amin'ny andro iray izay. . .Ahoana no hahatonga ny virijiny iray hanan-anaka? "Zazalahy no teraka ho antsika: Zaza iray no teraka, Zazalahy iray no nomena. Ny Anarany dia hatao hoe: Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, ilay Ray Mandrakizay. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny Rainy, Davida, no Hanjakany. Tsy hanam-pahataperana Ny Fanjakany." Ahoana no hampisy an'izany? Tsy fantany. Niteny fotsiny an'izay nolazain'Andriamanitra izy. Any ankoatry ny fieritreretana izany, ny fahaizana. Any ankoatry ny fikarohana siantifika rehetra izany. Izany no Tenin'Andriamanitra.

172 Ankehitriny isika dia mampianatra an'ireo mpianatry ny seminerantsika ao amin'ny karazana teolojia Biblika rehetra sy ny zavatra tahaka an'izany, teolojia nataon'olona, lasa andiana fiangonana iray mitovy tanteraka tokoa amin'ny Laodikia iray izany, tahaka ny nilazan'Andriamanitra fa haha-izy azy. Oh, oadray! Rehefa mijery an'izany aho, dia manao ahy hangovitra izany. Bevohokan'ny fiheverana ara-tsaina! Tsy maintsy ho

manana diplaoman'ny sekoly ambony iray ianareo alohan'ny hahafahanareo hiditra akory aza. Ianareo dia tsy maintsy manana. . . tsy maintsy mitsangana eo anoloan'ny mpitsabo saina iray alohan'ny hahafahanareo ho voatendry.

173 Hieritreritra ve ianareo fa i Petera, Jakoba, ary Jaona dia nandeha teo anoloan'ny mpitsabo saina iray? Tsaroanareo ve ilay roapolo amby zato tany, izay tsy nahay nanao sonia ny anarany manokana akory aza? Mitsangana eo anoloan'ny mpitsabo saina iray, ahitana raha izy ireo. . . raha ny rehetra amin'ny. . . raha tena mety ny fomba fisainany, sy ny sisa? Nanana fomba fisainana iray izy ireo, saingy tsy fiheverana ara-tsaina ilay izy na fikarohana siantifika. Ilay izy dia amin'ny alàlan'ny Herin'Andriamanitra. Rehefa mandona azy ireo Izany, dia tsy nahafantatra afa-tsy ny manatanteraka an'izay nolazain'ny Fanahy Masina izy ireo. Tsy niraharaha ny ara-tsaina mihitsy izy ireo, izay nolazain'ny fiangonana, sy izay nolazain'ireo pretra, izay nolazain'*ity*, nolazain'*itsy*. Nihetsika araka ny Fanahy izy ireo; lehilahy tsy natahotra.

174 Jaona Voalohany 2:15, hoy Izy hoe, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao aminareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Hitanareo? Noho izany ahoana no ahafahanareo ho bevohokan'ny Tenin'Andriamanitra izay manameloka an'izao tontolo izao, manameloka an'i Hollywood, manameloka ny lamaodiny rehetra, manameloka an'ireo fety rehetra sy fahadalana, ary ilay mody antsoina fa ananan'izy ireo amin'ny anarana fivavahana? Manameloka an'izany Izy. Ahoana no ahafahan'ny Teny hanabevohoka olona iray: ahoana no ahafahan'ny vehivavy iray mitapa-bolo, miloko tarehy, manao sorta?

175 Ahoana no ahafahan'ny mpitory teny iray, izay mandeha mankany amin'ny seminera iray, ary mijery ao amin'ny Asa 2:38 ka mahita fa tsy misy olona iray ao amin'ny Baiboly mba natao batisa tamin'ireo titra ireo, nefa dia mbola milaza amin'izay fotoana izay fa bevohokan'ny Tenin'Andriamanitra? Miteny lainga aminareo izy! Nivarotra ny fizokiany izy. Nijangajanga nanohitra an'ilay tena Zavatra izay nolazainy izy. Voaroaka izy, tao amin'ny fisaraham-panambadiana.

Hanana Fiangonana tsara toetra iray Andriamanitra, marina tokoa, Ampakarina iray.

176 Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy ao anatinareo ny Teny." Noho izany dia karazana zanaka inona no entinareo? Bevohoka ara-anaram-piangonana. Tsy nisy ny fahafatesana mba hampisaraka anareo tamin'ny sakaizanareo voalohany.

177 "Inona no ho eritreretin'ireo Joneses raha hitomany sy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho? Inona no ho eritreretin'izy ireo raha hatao batisa indray aho?" Fahadalana

toy ny inona! Nivady tamin'ireo Joneses ve ianareo? Sa, nivady tamin'ilay fiangonana ve ianareo? Sa, nivady tamin'i Kristy ve ianareo, ny Teny?

178 Ankehitriny, izany no antony mbola hiterahany ny zanany foana. Karazana zanaka inona no ananany? Izao no karazan'ny anarany izay antsoin'izy ireo amin'izao andro izao: saka, beatles, sampona, Rickys, Rickettas. Saka, beatles, ireo mambram-piangonana izany. Azo antoka. Zanany daholo izy ireo, zanak'i Kaina, izay zanak'ilay bibidia fetsy, malambolambo mihitsy arak'izay maha-izy azy.

179 Ankehitriny jereo tsara mandritry ny fotoana fohy, miaraka amin'ny fijerinareo ara-panahy manokana, ao amin'ny fanahinareo. Jereo fotsiny ny manodidina. Miresaka manerana ny firenena aho ankehitriny. Jereo mandritry ny minitra vitsy fotsiny, ianareo ao amin'ny Branham Tabernacle any, ianareo ao amin'ireo tabernakla any amin'ny Morontsiraka Andrefana, sy Arizona, ary na aiza na aiza ianareo. Jereo mandritry ny minitra vitsy ny tenanareo. Hoy ianareo hoe, "Izany Hafatra izay torianao izany, Rahalahy Branham, dia diso." Jereo vetivety ny tenanareo. Avelao ny Fanahy Masina hizaha ny fisainanareo amin'ny Teny, dia hanaiky ny Hafatra ianareo. Avelao Kristy, ilay Teny voahosotra, hizaha ny eritreritrareo manokana. Aoka Izy hiditra ao anatinareo, dia jereo raha marina Izany na tsia. Ary izany dia ny anankiray na roa fotsiny izay lazaiko, nefa misy an-jatony amin'izy ireny.

180 Manaiky ny vehivavy manapaka ny volony ve ny Baiboly? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Mino ve ny Baiboly, manaiky ny batisa telo, amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina"? ["Tsia."] Tsy misy zavatra tahaka an'izany. Manaiky ny vehivavy manao akanjon-dehilahy ve ny Baiboly? ["Tsia."] Eny, raiso fotsiny ireo telo eo ireo, nefa misy an-jatony amboniny. Zahao ao amin'ny Hazavan'ny Tenin'Andriamanitra izany.

181 Hoy ianareo hoe, "Mpikambam-piangonana aho." Toy izany koa i Kaina. Toy izany koa i Eva. Ny Baiboly no milaza mialoha, amin'ny andro farany, fa ho tahaka an'izany koa ilay Laodikia.

182 Avelao ny Fanahy Masina hizaha ny eritreritrareo, dia hanaiky ny Daniela 5:12 ianareo. Rehefa tonga teo anoloan'i Beltesazara ilay mpanjakavavy, ary nilaza hoe izy dia nahita fa nisy mpaminany iray, Daniela, teo anivon'izy ireo, ary izy no mpampisinda ny fisalasalana. Avelao ny Fanahy Masina. Izy no Mpaminanin'ilay andro. Avelao Izy hiditra ao am-ponareo izao ankehitriny izao ka handinika miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia hisinda avokoa ireo fisalasalana mikasika ny Hafatra. Izy no mampisinda ny fisalasalana rehetra. Ho hitanareo, fa eo amin'ny Teny marina tokoa ho an'ity andro ity izany.

183 Tsy afaka mitory ny hafatr'i Luther ianareo amin'izao andro izao. Miditra ao Izany, saingy izany ilay tongotra. Ah-hah. Ah-hah. Tsy afaka mitory an'i Wesley ianareo. Tsy afaka mitory ny Pentekotista ianareo. Tena any ankoatran'izany mihitsy isika. Nanao anaram-piangonana izy ireo ary maty. Izy ireo no akofa.

184 Nivoaka niaraka tamin'ny ravim-bero ilay akofa, izany no toerana voalohany an'ilay fiangonana. Ankehitriny, izany dia tsy mitovy amin'ilay voa voalohany izay nandeha tao anatin'ny tany, ilay vary.

185 Ilay faharoa izay nivoaka dia vovom-boninkazo iray. Mbola tsy mitovy amin'ilay voa foana izany. Mitovy kokoa amin'ilay izy. Lasa sary kokoa an'ilay tena voa izany. Saingy azo antoka fa tsy mitovy amin'ilay voa izay nandeha tao anatin'ny tany ireo ravim-bero. Izany no mpitondra ny aina izay tao anatin'ilay voa. Fa inona no nataony? Nanao anaram-piangonana izy, tahaka ny natiora hafa rehetra izay tonga eo amin'ny sahaza azy. Maty izy.

186 Inona avy eo? Miakatra avy hatrany ao amin'ny felana ilay aina. Misy betsaka ireo baolina kely—kely mihantona eo aminy, tahaka ny voa kely—kely ao anatiny. Toy ny hoe tena voa iray ilay izy, saingy tsy izy izany.

187 Avy eo dia miditra ao amin'ilay akofa izy. Ary inona no vokariny? Akofa iray.

188 Ankehitriny, alaivo ny voam-bary iray, rehefa mivoaka ny vary voalohany. Ary hoy Jesosy hoe, "Ny voam-bary . . ." Ary alaivo io vary io dia sokafy izy. Endaho amin'ilay taho izy. Jereo izy. Hoy ianareo hoe, "Manana voam-bary iray izahay." Mitandrema. Tena mitovy marina tokoa amin'ilay voa izy, saingy tsy misy voa kely iray mihitsy ao anatiny. Izany no akofa.

189 Izany ireo Pentekotista, "Hany ka," araka ny nolazain'ny Matio 24:24 hoe, "hamitaka an'ilay tena Voafidy amin'ny andro farany, raha azo natao." Fa raha hanala isaky ny ravina ianareo, dia tsy hahita voa. Ilay voa dia any ambany mihitsy ao ambadik'izany. Hitanareo?

190 Ary amin'izay fotoana izay dia mivoaka avy ao amin'io anaram-piangonana io ilay Aina, miditra ao amin'ilay voa. Inona no mitranga amin'izay fotoana izay? Rehefa manomboka mitombo ilay voa, ary lasa miha-lehibe mba Hahafahany mandrakotra zavatra iray, dia mihataka amin'Izany ilay anaram-piangonana. Nahoana isika no tsy manao anaram-piangonana avy amin'Ity? Tsy ho izany mihitsy izy ireo. Izany no voa. Izy dia tsy afaka handeha lavidavitra. Eo amin'ny andro farany isika izao. Noho izany dia inona no tsy maintsy Hataony ankehitriny? Mitoetra eo amin'ny fanatrehan'ilay Zanaka, mba ho masaka, marina izany, tsy maintsy masaka ao am-ponareo ny Teny, mba hamokatra sy hiaina amin'izay resahantsika. Eny, tompoko.

191 Amin'izay fotoana izay dia tsy hanana fisalasalana intsony ianareo, raha avelanareo hanambara an'Izany aminareo ny Fanahy Masina, tahaka an'izay nolazain'ilay mpanjakavavy mikasika an'i Daniela.

192 Mety hilaza ianareo hoe, "Inona no idiran'izany rehetra izany amin'ny fisaorana? Inona no resahanao, Rahalahy Branham? Indro izao dia amin'ny, sivy latsaka fahefany. Tsy niresaka na inona na inona mikasika ny fisaorana ianao." Hafatra iray ho an'ny fanararaotra toy ny inona, ho ahy! Eny, izany tokoa.

193 Ireo razana mpivahiny dia tena nankasitraka tokoa ny fombam-piainany vaovao. Rehefa tafasaraka tamin'ireo anaram-piangonana Anglisy sy fanekem-pinoana, dia afaka nivady tamin'ilay Teny vaovao voahosotra ho an'ny taonany izy ireo; marina izany, ilay Teny vaovao voahosotra an'ny taonany, ho an'ny androny.

194 Toy izany koa no ahafahantsika mankasitraka, amin'ny maha-mpivahiny, tahaka an'i Abrahama, manasaraka ny tenantsika amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, ireo namantsika rehetra. Mpivahiny iray i Abrahama. Nanasaraka antsika tamin'ireo fivavahana maty rehetra Andriamanitra. Miresaka manerana ny firenena aho ankehitriny, ireo fanekem-pinoana maty rehetra. Ary ho amin'ny inona? Nanasaraka antsika, ary nanokatra tany vaovao iray ho antsika, Hafatra vaovao iray ho an'ity andro ity.

195 Maina ny Pentekosta ary maty, tahaka an'i Luther, Wesley, ary ny sisa tamin'izy ireo. Tsy misy afa-tsy andiam-piangonana iray voafatotra miaraka sisa. Ireo olona tsara ao anatiny, anefa, dia tokony hivoaka.

196 Inona no Nataony? Nanokatra an'ireo Tombokase Fito an'ny Hafatra farany Izy. Voamarikareo ve izany? Ireo Tombokase Fito, fa, ireo zava-miafina rehetra an'ireo taona fiton'ny fiangonana dia voaisy tombokase tamin'ny Tombokase Fito. Tsy nanana fotoana hanaovana an'izany ireo mpanavao tamin'ny androny. Tsy velona ela loatra izy ireo. Fa ity fanambarana voatahy an'ireo Tombokase Fito ity, izany dia misokatra ho antsika amin'izao andro farany izao, avy tamin'ny faminaniana iray izay nivoaka tao Arizona.

197 Toy ny ahoana no nanontaniako an'Andriamanitra, indray andro hoe, "Inona no Hataonao amiko eto amin'ity tany efitra ity?"

198 Efa fantatrareo ve fa i Mosesy no nanoratra ny Testamenta Vaovao. . . na ny Testamenta Taloha? Nanoratra tokoa izy. Ireo Boky efatra voalohany no manolotra an'ireo lalàn'ny zavatra rehetra: Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, ary Deoteronomia. Izy no nanoratra ny Testamenta Taloha. Mba hanaovana an'izany, dia tsy maintsy nandao ny namany rehetra sy ireo malalany izy, ka nandeha nankany an-tany efitra.

199 Paoly no nanoratra ny Testamenta Vaovao. Marina izany. Izy no nanoratra ny Romana, ary ny Romana sy ny sisa rehetra ao amin'Izany, ny Hebreo sy Timoty, sy ny sisa. Ary mba hanaovana an'izany, dia tsy maintsy nanasaraka ny tenany izy, ary nandeha nankany Arabia, tany an-tany efitra, nandritry ny telo taona, mba hahazo ny fanambaran'Andriamanitra.

200 "Oh," hoy ianareo, "ahoana ny amin'ny Matio, Marka, Lioka, ary Jaona?" Mpanora-dalàna izy ireo izay nanoratra fotsiny an'izay nataon'i Jesosy.

201 Nisaraka i Paoly ary nametraka ny Teny niaraka. Marina izany. Eny, noho izany, jereo, raha nila an'izany ilay izy, ary tsy maintsy nandeha tany an-tany efitra, lavitra an'ireo malalany. . .

202 Tsaroanareo ve ilay hoe, *Amin'Ny Firy Izao, Tompoko?* Firy no efa mba nandre an'izany? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tena marina tokoa ve ilay izy? ["Amena."] Noho izany dia manana ny fanambarana isika amin'izao andro farany izao, mba hanangonan'ny Hafatry ny Tompo Andriamanitra Ny Ampakariny miaraka. Tsy nisy taona hafa nampanantenaina an'izany. Izany dia nampanantenaina amin'izao taona izao: Malakia 4, Lioka 17:30, Masindahy Jaona 14:12, Joela 2:38. Mitovy marina tokoa amin'i Jaona Mpanao-batisa izay nanondro ny tenany tao amin'ny Soratra ireo teny fikasana ireo.

203 Nanondro ny Tenany Jesosy. Inona no nolazain'izy ireo? "Alaviro ny olona tahaka an'izany!" "Jaona dia olon-dia." Tsy afaka nandray an'izany ilay fiangonana. Izany ilay modely. Ilay fiangonana koa aza dia tsy handray an'izany amin'izao andro izao.

204 Fa, ho an'ilay Voafidy, dia Andriamanitra no miantso an'ilay Voafidy. Fantatr'izy ireo izany: miantso an'ilay Ampakarina tsara toetra, ny Teny, ilay Fiangonan'ny andro farany, ilay Ramatoa voafidin'i Jesosy Kristy Tompontsika, Teny. Raha. . .Jesosy no Teny. Firy no mino an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Noho izany, ampahan'ny Mpampakatra foana ny Ampakarina, noho izany tsy ho anaram-piangonana iray ny Ampakarina. Tsy maintsy ho ny Teny Izy, voaseho, mba ho Ampakarin'i Kristy. Izy no nampanantena fa hanao an'izany. Izy no nilaza hoe ahoana no Nataony. Tsy mampiasa mihitsy. . .manary ny Modeliny. Nataony tamin'ny alàlan'ilay modely foana izany. Nataony izany, isan'andro, tamin'ny alàlan'ilay modely. Ataony indray izany, miantso Ny Ampakariny tsara toetra amin'ny andro farany, ilay Rebeka maha-te-ho tia miandry Ny Isakany. Fotoana iray mahafinaritra toy ny inona!

205 Eto izany dia mitondra eo amin'ny fahitana, an'ireo boky anankiroa izay ho zava-miafina aminareo rehefa mamaky

ny bokin'*Ireo Taona Fiton'Ny Fiangonana* ianareo. Ireo boky anankiroa: Bokin'ny Fiainana, izay lazaina hoe, ny anankiray milaza fa afaka mametraka ny anaranareo eo ianareo, izay tsy voafafa intsony; ny iray hafa milaza fa afaka manala ny anarany avy ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ianareo. Ity no mitondra azy amin'ny fahitana tanteraka, eto mihitsy. Hijanona minitra vitsy aho, angamba, eo amin'ny naoty vitsy eto, ary hikasika an'ity alohan'ny hamaranantsika.

206 Zava-masina iray ny fiainana, ho an'Andriamanitra, ary voatahiry ao anatin'ny boky iray izany. Andriamanitra no Mpanao ny fiainana. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

207 Ny fiainantsika ara-boajanahary eto, izay ananantsika, dia fahasimbana iray fotsiny. Tokony ho tena ny fiainana marina ilay izy, hatrany am-boalohany, saingy nosimbain'ilay fahaterahana ara-boajanahary izy. Ilay fiainana voalohany, na ny firaisanareo voalohany, nifandray tamin'izany ianareo teo am-pahaterahana, ara-natiora, hetsika ara-boajanahary iray. Olombelona ara-boajanahary iray nikambana, lehilahy sy vehivavy niaraka, nikambana niaraka tao amin'ny resaka firaisana ara-nofo, izay nitondra ny fiainanareo voalohany teto, ary nikambana tamin'ny ota sy fahafatesana izany. Ahoana no tsy ahafahanareo mahita an'ilay taranaky ny menarana?

208 Rehefa hitanareo ny vehivavy, vokatra notsoahina iray; tsy misy vavy hafa tahaka azy; natao tao amin'io lamina io, mahafantatra fa azo fitahina izy. Nahafantatra Andriamanitra. Raha tsy nahafantatra ny farany hatrany amin'ny voalohany Izy, dia tsy Andriamanitra Izy amin'izay fotoana izay. Raha tsy tsi-manam-petra Izy, raha Izy no tsy . . . Ary tsy mety ho tsi-manam-petra Izy raha tsy faratampon'ny fahaizana, manerana, mahafantatra ny zavatra rehetra, Mandrakizay. Noho izany dia mahafantatra ny zavatra rehetra Izy, ary tsy maintsy nanao an'io vehivavy io Izy.

209 Tsy nanana vady iray ny lehilahy. Zavatra iray ihany ny vady sy ny lehilahy. Nanana ny fanahy vavy sy lahy izy tao amin'ny tenany.

210 Tsy maintsy nanasaraka Izy, naka vokatra notsoahina iray, taorian'ny fahavitan'ny famoronana manontolo. Tsy nisy vavy izay noforonin'Andriamanitra, tao amin'ny famoronana tany am-boalohany, afaka nanao zavatra tahaka an'izany. Natao ho toy izany izy, mba hanao an'ilay izy. Fantany fa hanao an'izany izy. Raha tsy Fantany, dia tsy Andriamanitra Izy.

211 Saingy, hitanareo, tsy maintsy naseho ireo toetra izay tao amin'Andriamanitra. Izy—Izy dia tsy maintsy ho Mpamonjy iray. Ary mba hanaovana ny zavatra rehetra ho tanteraka, ny fomba Nanaovany azy, tamin'izay fotoana

izay dia tsy hisy na inona na inona mety ho very. Oh, aza ho zaza. Aoka ho lehilahy sy vehivavy. Eo amin'ny faran'ny làlana isika izao. Mariho.

212 Ankehitriny, izany no natiora, nikambana tamin'ny fahafatesana. Ny vadinareo voalohany, izay nanapaka anareo, dia ny natioranareo tamin'ny alàlan'ny fahaterahana ara-boajanahary. Ara-boajanahary, tia an'izao tontolo izao ianareo satria ianareo dia izao tontolo izao, ary ampahan'izao tontolo izao. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ireo fanirianareo dia, ara-natiora, ny hitia an'izao tontolo izao izay ampahany ianareo. Ampahan'ny natiora iray ianareo. Mino an'izany ve ianareo? ["Amena."] Ary izany no zavatrareo ara-boajanahary.

213 Izany no antony hoe tsy maintsy hateraka indray ianareo. Tsy maintsy misaraka ianareo; tsy maintsy maty amin'io vadinareo voalohany io ianareo. Tsy mahazo miaina miaraka aminy ianareo. Tsy afaka milaza fotsiny ianareo hoe, "Eny, hisara-panambadiana aminy aho, ary hametraka azy eto mandra-paha." Tsia, tompoko. Tsy sora-pisarahana! Maty izy. Tsy maintsy maty ilay natioran'izao tontolo izao. Tsy maintsy maty ny pentipentiny rehetra. Ianareo dia tsy maintsy mikambana, indray, amin'ny Natiora hafa iray.

214 Ny anaranareo avy tamin'ny natioranareo voalohany, dia teraka, ka voapetraka tao amin'ny bokin'ny fiainana iray. Ary ireo asanareo rehetra dia voasoratra ao anatin'izany, ihany koa. Ny zavatra rehetra izay nataonareo teo ambanin'io natiora io dia voapetraka ao anatin'ny boky iray, antsoina hoe ny bokin'ny fiainana.

215 Marihonareo, ao amin'ny Daniela, rehefa nanatona "ny Fahagola izy, Izay ny volony dia fotsy toy ny volon'ondry. An'alinalina no niaraka Taminy, mba hanompo Azy; ilay—ilay Ampakarina. Ary tamin'izay fotoana izay dia nosokafana ireo boky." "Ary nisy Boky hafa iray nosokafana, dia ny Bokin'ny Fiainana." Hitanareo? Efa nisy an'ireo masina tao, ilay Fiangonana, ilay Ampakarina. "Boky hafa iray nosokafana, dia ny Bokin'ny Fiainana."

216 Ankehitriny, ianareo, fa rehefa tafasaraka tamin'io firaisana io ianareo, tamin'ny alàlan'ny fahafatesana ara-panahy: Ny fanirianareo ara-boajanahary dia ny hanapaka ny volonareo. Ny fanirianareo ara-boajanahary dia ny hanao sorta, handoko ny tarehinareo. Ny fanirianareo ara-boajanahary dia ny ho mahay, olona manan-tsaina, mahafantatra zavatra tsaratsara kokoa noho ny hafa. Izany no nilain'i Eva. Izany ilay tena zavatra nilainy.

217 "Eny, hono ho'aho! Ianao kely tsy misy dikany io ve, mpitory teny tsy misy vidiny, no mitsangana eo ka miteny ahy? Izaho manana ny Ph.D., LL." Izany no mampanalavitra

anareo kokoa an'Andriamanitra, isaky ny manampy zavatra anankiray ianareo. Hitanareo? Hitanareo? Marina izany. Marina izany. Hitanareo?

218 Izany no noraisin'i Eva. Bevohokan'io karazana fananan'anaka io izy. Izany ilay fiangonana amin'izao andro izao, noho ireo sekoly Biblika sy manam-pahaizana. Ary, jereo, tsy manaiky an'ilay anankiray hafa ny tsirairay avy, fifangaroana goavana be iray araky ny nolazain'ny Baiboly mihitsy hoe, "Babylona."

219 Mahafantatra ilay Ampakarina hoe aiza Izy no mitsangana. Tena vitsy Izy. Tsy ho betsaka ny hovonjena; fa tena, tena, tena vitsy mihitsy. Hoy ianareo hoe, "Eny, eto, dia voalaza hoe, 'an'arivony.'" Eny. Saingy izy ireo dia nivoaka avy tamin'ireo roa arivo taona, ihany koa, teo amin'ny taona tsirairay izay Nivoahany. Hany. . .

220 Ny taonan'i Luther sy ilay vondrona; ary avy eo dia maty, ary lasa izy ireo, nanao anaram-piangonana; avy eo Wesley; ary avy eo tonga ireo pentekotista, sy ny sisa. Ary ireo sampana kely nivoaka an'ny Batista, Presbyterana, Metodista, Nazareana, Mpivahiny Masina, sy ny sisa, hitanareo, ireo rehetra ireo dia nisampana avy tao tahaka an'ilay ravina.

221 Fa, tsarovinareo, rehefa nilofika izany, ka nanomboka ho masaka ilay voa, ny hitanareo, alohan'ny ahafahan'io voa io ho masaka, dia tsy maintsy maty ny zavatra rehetra ao amin'io taho io. Haleloia! Tsy hitanareo ve hoe aiza isika no mitsangana? Ao anatin'ilay voa indray ny aina. Inona izany? Tahaka an'ilay voa iray ihany marina tokoa izay nandeha tao anatin'ny tany, ilay Jesosy iray ihany tao amin'ny endrika Ampakarina, hery iray ihany, Fiangonana iray ihany, zavatra iray ihany, Teny iray ihany. Ilay Teny iray ihany izay nanivatsiva teo amin'ireo ka tonga eto, ary tonga eto amin'ny loha iray eto. Ary io Aina rehetra io izay nandalo teto io, no naka ny olony. Ankehitriny dia miakatra eo amin'ny loha iray izy, ho an'ny Fampakarana. Hiresaka eo amin'izany aho rahampitso hariva, na ny hariva manaraka, ny anankiray, raha sitraky ny Tompo.

222 Eny, nisaraka tamin'ny firaisanareo voalohany ianareo, tamin'ny alàlan'ny fahafatesana ara-panahy. Ankehitriny dia nateraka indray ianareo, na nanambady indray, ho an'ilay firaisana ara-panahy vaovao; tsy an'ny fiainanareo ara-boanajahary avy amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, fa an'ny Fiainana Mandrakizay. Io tsimoka izay ao anatinareo io tany amin'ny voalohany, no nahita anareo.

223 Ankehitriny, lasa ilay bokinareo tranainy, miaraka amin'ny firaisanareo tranainy. Ankehitriny, ny anaranareo tao amin'ny fahininareo, tao amin'ny anareo. . . dia nafindra. Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Ny tianao ho lazaina amiko

ve dia hoe ny bokiko tranainy..." Andriamanitra no nametraka an'izany ao anatin'ny Ranomasin'Ny Fanadinoany. Mitsangana tanteraka eo anatrehan'Andriamanitra ianareo.

224 Ankehitriny, ao anatin'ilay Boky vaovao ny anaranareo ankehitriny; tsy ilay bokin'ny fiainana, fa ilay Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, izay navotan'ny Zanak'ondry. Tsy ilay boky tranain'ny firaisanareo ara-boanajahary, fa ilay anareo vaovao, Ampakarina. Haleloia! Ao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny fiainanareo vaovao, ny fanamarinam-panambadianareo, haleloia, izay misy an'ilay tena tsimokareo Mandrakizay, hatrany am-boalohany, mamikitra. Ankehitriny dia tsy hoe voavela fotsiny ianareo, fa nohamarinina. Voninahitra! "Nohamarinina," hoy ny Romana 5:1. Hia. Hoy ny Romana 5:1 hoe, "Noho izany satria efa nohamarinina tamin'ny finoana."

225 Karohy ilay teny. Tsy midika ilay teny hoe voavela. Ilay teny dia midika hoe nohamarinina. Tsy midika izany hoe voavela ianareo.

226 Ohatra, nandre ianareo fa mamo aho ary—ary nanao zavatra ratsy sasantsasany, sy ny sisa. Avy eo dia tonga ianareo, niteny tamiko. Hitanareo fa tsy nanao an'izy ireo aho, avy eo dia tonga ianareo, manao hoe, "Rahalahy Branham, mamela anao aho." Mamela ahy? Tsy nanao an'ilay izy aho, voalohany. Hitanareo?

227 Ankehitriny, raha nanao an'ilay izy aho, dia meloka. Saingy afaka mamela ahy ianareo, dia tsy ho meloka aho. Kanefa tsy nohamarinina aho, satria nataoko tokoa ilay izy.

228 Fa ny teny hoe, *nohamarinina*, dia toy ny hoe tsy nanao an'ilay izy mihitsy ianareo. Amena. Ilay izy aza tsy nisaina akory, mihitsy. Ahoana no nanaovana an'izany? Ao amin'ny Bokin'ny Ranomasin'ny Fanadinoan'Andriamanitra, ny boky tranaininareo sy ny fanambadianareo dia nisaraka ary maty, ary tsy ao anatin'ny fahatsiarovan'Andriamanitra akory aza izany. Amena. Nohamarinina ianareo. "Noho izany satria efa nohamarinina." Voapanga izy. Voapanga ianareo. Tsy nanao an'ilay izy mihitsy ianareo, voalohany. Ao amin'ny Ranomasin'ny Fanadinoan'Andriamanitra ilay firaisana tranainy. Tsy nivady tamin'izany ianareo, hatrany am-boalohany. Izy, ilay Mpampakatra, no nitondra ny henatrareo, Izy tenany, ho anareo, teo amin'ny toeranareo. Naka ny toeranareo Izy, satria voafidy mialoha ho Azy ianareo, mba ho ao amin'Ny Ampakariny, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ny Baiboly no niteny an'izany. Ianareo no ilay Voa voafidy mialoha.

229 Ahoana no nahatongavanareo nanao an'izany? Voafitaka tao amin'izany ianareo tamin'ny alàlan'ny fanambadianareo voalohany, tamin'ny raiamandreninareo mpijangajanga,

Eva. Tsy fahadisoantsika manokana izany. Tamin'ny fahaterahanareo ara-boajanahary, dia tonga avy tamin'i Eva ianareo, izay nijangajanga. Izany no antony nahateraka anareo ho mpijangajanga iray. Mpanota iray ianareo, hatrany am-boalohany. Marina izany. Voafitaka tao amin'izany ianareo. Ianareo tsy nanana . . . Tsia, ianareo, tsy fahadisoanareo izany.

230 Tsy nanao an'ilay izy mihitsy ianareo. Satria, io tsimoka kely ao anatinareo io, dia tokony ho ianareo, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Andriamanitra no nametraka ny anaranareo tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry.

231 Tahaka an'ilay tantara keliko ny amin'ny voromahery, nandre an'izany ianareo rehetra. Akohovavy iray . . . Mpiompy antitra iray no nametraka ny—ny akohovavy iray, indray andro. Noho izany dia tsy nanana akohovavy betsaka izy tany . . . atody apetraka tao ambanin'ilay akohovavy. Noho izany dia nahita atodim-boromahery iray izy, ary napetrak'izy ireo tao ambaniny izany. Rehefa teraka ilay voromahery, dia izy no akoho nahatsikaiky indrindra izay hany hitan'ireo akoho, voromahery antitra kely nanaraka. Ary nandeha ilay akoho, "Klak, klak, klak, klak."

232 Hoy ilay voromahery kely hoe, "Tsy fantatro hoe inona no dikan'izany zavatra izany, fa hanaraka azy aho, na ahoana na ahoana."

233 Ary nandeha tao amin'ilay tranon'akoho izy ireo ka nanomboka nanilikilika tao amin'ny antontan-jezika. Ary hoy izy, "Klak, klak, klak. Tsara ity. Tsara ity. Mikambàna ianao amin'ny anay. Ary izany ilay . . . "

234 Io voromahery antitra kely io, tsy afaka nihinana an'io karazan-javatra io izy. Hitanareo? Izy fotsiny—izy fotsiny dia nanaraka an'ireo akoho satria tsy fantany. Tsy fantany izay hatao. Ary avy eo dia lasa tany izy, ka naka an'*ity* na *itsy*. Ary ilay voromahery kely fotsiny . . . tsy maintsy nitelina an'ilay izy fotsiny izy, saingy izy—izy dia tsy nahafantatra hoe ahoana no hanaovana an'ilay izy. Fa hitany ireo akoho rehetra nanao an'ilay izy, saingy nisy zavatra hafa teo. Tsy tiany izany.

235 Noho izany, indray andro, fantatr'ilay reny fa nametraka atody anankiroa izy. Noho izany dia nanomboka nitady an'io anankiray hafa io izy, nanidina nanodidina, nikaroka, tahaka an'ilay Fanahy Masina lehibe. Indray andro dia nanidina teo ambonin'ilay tranon'akoho izy, io anaram-piangonana io. Nijery ambany izy teo, ary hitany ny zanany. Niantsoantso izy. Izany ilay Feon'ny zavatra iray izay nanakoako avy tao anatiny. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Oh, maneno tsara Izany! Oh! Aoka ny tsimoky ny tena nateraka ho voafidy mialoha iray, voafidin'Andriamanitra mialoha, handre ny Tenin'Andriamanitra, mozika ho azy Izany. Fantany fa Izany no Fahamarinana.

236 Reraka ny amin'io karazan-javatra ara-anaram-piangonana io izy, na ahoana na ahoana hoe, "Mikambàna aminay. Avia, miaraha aminay. Manana fety sosialy iray izahay. Manana an'*ity* izahay. Izahay manana . . ." Tsy naneno tsara fotsiny izany, ho an'ilay vorona kely.

237 Hoy izy hoe, "Anaka, tsy mikambana ao amin'io vondrona io ianao, na ahoana na ahoana. Mikambana amiko ianao. Ahy ianao."

238 Hoy izy hoe, "Mama, tena maneno izany. Ahoana no hivoahako?"

239 "Manaova fitsambikinana iray fotsiny. Handray anao aho." Ah-hah. Izay ihany no tokony hataonareo.

240 Rehefa ny Tenin'Andriamanitra voahosotra no voamarina eo anatrehan'ny olona rehetra izay nateraka ho zanak'Andriamanitra, miaraka amin'ilay tsimoka voafidy mialoha ao anatiny ho an'izao ora izao, dia hahita ny Hafatr'Andriamanitra izy tena azo antoka tahaka ny hoe misy Andriamanitra iray any An-danitra. Nahita an'Izany ho an'ny azy i Martin Luther. Nahita an'Izany ho an'ny azy i Wesley. Nahita an'Izany ho an'ny azy ny pentekotista. Ankehitriny ahoana ny aminareo? Ah-hah. Niditra tao anatin'ny anaram-piangonana iray izy ireo. Inty ny Teny manameloka an'izany; miteny aminareo hoe inona no tokony ananantsika amin'izao andro izao, ary Malakia 4 marina tokoa sy ireo teny fikasana hafa rehetra ho an'ilay ora. Inona no hitanareo? Inona no jerenareo? Amena. Eto isika izao. Ireo tena voromahery, tena izy no mandre. "Ny Ondriko mahalala Ny Feoko. Tsy hanaraka vahiny izy ireo."

241 Nahoana? Napetraka tao anatin'izy ireo tamin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha izany. Voatendry mialoha ho zanak'Andriamanitra iray ianareo. Tao amin'Andriamanitra ianareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Voaseho fotsiny ianareo amin'izao andro izao ho an'ny Hajany sy voninahiny. Ahoana no ahafahanareo manao an'izany nefa tsy manaja Ny Teniny, sy mijoro amin'ny Tenin'Andriamanitra rehetra? Eny, tompoko. Fa, ampahan'io Teny io ianareo, amin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha. Satria, jereo, ilay Andriamanitra dia ny Teny. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, noho izany, raha . . . Izy foana no Teny. "Tamin'ny voalohany ny Teny." Ary raha Andriamanitra ny Teny, amin'izay fotoana izay dia tao amin'Andriamanitra ianareo. Ny Teny, ilay ampahany izay tsy maintsy lalaovinareo, dia tao amin'Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Nahita anareo Izy. Nahafantatra anareo Izy. Nifidy anareo mialoha ho an'izany Izy.

242 Lazaiko aminareo, tahaka ny nahalalan'ilay voromahery an'io feo io, dia toy izany koa no ahalalan'ny—ny tena,

Kristiana nateraka indray ny Feon'Andriamanitra miresaka amin'ny alàlan'ny Teny, rehefa hitan'izy ireo voahosotra sy voamarina Izany. Jereo. Niandrandra *Tany* izy. Tsy hitany io akohovavy antitra io nanao klak-klak nanodidina *eto* hoe, "Mikambàna aminay ary mankanesa *eto*. Ary mandehana amin'*ity*, sy mandehana mankany amin'*ity* sy *itsy*." Hitany ny—ny vatana iray izay tiany haha-izy azy, nisosasosa teny amin'ny habakabaka, niantsoantso, afaka, teny amin'ny avo, ambonin'ireo voltora rehetra sy ireo zavatry ny tany. Haleloia! Te-ho tahaka an'izany izy satria efa tao anatiny ny ho tahaka an'izany.

243 Ary ny olona iray izay naterak'Andriamanitra, zanak'Andriamanitra iray, dia tsy maintsy manana ny natioran'Andriamanitra. Tsy maintsy mitovy amin'Andriamanitra izy. Manaja an'Andriamanitra izy. Ampahan'ny Tenin'Andriamanitra izy. Ary amin'izao andro farany izao, an'izao fakan'ny Ampakarina endrika izao, dia ilay hery iray ihany marina tokoa izay tao Aminy tany amin'ny voalohany, no nandeha nitety an'ireo rafi-pandaminana ireo, sy ny sisa, ary nivoaka ho an'ilay Ampakarina. Tsy afaka manao na inona na inona hafa afa-tsy izany izy.

244 Tokony ho nahita an'Izany izy ireo, ireo Jiosy tamin'ny androny, rehefa nahita an'Izany voaseho teo anatrehan'izy ireo, araka ny nilazan'ny mpaminany fa naha-izy Azy. Hoy Izy hoe, "Zahao ny Soratra; ao amin'Izy ireny no heverinareo fa anananareo ny Fiainana Mandrakizay. Izy ireo no Hany manambara Ahy. Raha tsy manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. Fa na tsy mino Ahy aza ianareo, dia ataovy ny . . . minoa an'ireo asa izay Nataoko."

245 Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra nandritry ny efapolo taona. Fantatray izay misy anay."

246 Hoy Izy hoe, "Fa maty ny tsirairay avy tamin'izy ireo," izany hoe, tafasaraka Mandrakizay. Maty ny tsirairay avy. Telo fotsiny sisa no nisy, roa avy tamin'ny iray tapitrisa, roa tapitrisa. Izany hoe iray amin'ny iray tapitrisa.

247 Nahoana, tsindrona iray, ilay tsirin'aina avy amin'ny lahy sy ny vavy, dia atody iray ihany mazàna no lonaka. Atody iray, tsimoka iray no lonaka, raha efa mba nahita ny fampanarahana biby fiompy ianareo. Mariho. *Eto* dia misy—misy atody iray tapitrisa; *eto* dia misy tsimoka iray tapitrisa; ary izy ireo dia—dia navoaka, mba ho tonga hiaraka ao amin'ilay tranon-jaza, nandalo tao amin'ny fantsona sy ho ao anatin'ilay tranon-jaza, mihaona izy ireo. Atody ny anankiray amin'izy ireo. Atody iray tapitrisa; tsimoka iray tapitrisa. Atody iray ihany no lonaka ao anatiny ao. Tsimoka iray ihany no lonaka. Velona izy rehetra. Afaka mandinika

an'ireo zanak'omby kely mipelipelika ao anatiny ao ianareo, pentina iray izay azonareo apetraka eo ambonin'ny tahon'afokasoka iray.

248 Ary Demos sy izy ireo dia mihaino izao hariva izao, ary tsaroany rehefa nitondra azy ireo izahay. Nentiny tany aho, nasehony ahy hoe ahoana fa nety izany. Ireo fantsona fanandramana, dia napetrany tao anatiny tao fotsiny izay ampy azonareo apetraka eo amin'ny tendron'ny afokasoka iray. Zanak'omby kely sy ombilahy an'arivony no tao anatiny tao, saingy ny iray amin'izy ireo ihany no afaka ho velona. Iray amin'izy ireo ihany! Nefa indro fa misy fonosana goavana be amin'izy ireo, *eto*. Ary ho voamarikareo, fa ny anankiray dia handadilady hiala avy eo anivon'ity anankiray *eto* ity, hihoatra avy hatrany, ilay tsimoka ho tonga *eto*; ary atody iray no hivoaka avy eo anivon'ireo atody hafa ireo *eto*, dia hihaona miaraka izy ireo. Ary maty ny sisa amin'izy ireo. Kanefa, velona izy ireo, saingy maty.

249 Satria, misy Zavatra iray, Olona iray no nanao an'*ity* anankiray ity ho lonaka, ary nanendry an'*ity* anankiray ity, ihany koa. Izany no fifidianana mialoha, ry rahalahiko. Azo antoka. Andriamanitra no tsy maintsy manapaka na ho zazalahy izany na zazavavy, mena-volo, mainty-volo, na inona na inona ilay izy. Voatapak'Andriamanitra izany. Mbola zava-miafina mihoatra nohon'ny fahaterahana ara-virijiny, ho ahy. Fa, mariho, maty ny sisa amin'izy ireo.

250 Nisy vahoaka roa tapitrisa no nivoaka, nihira, nikiakiaka, nanao ny zavatra rehetra. Niteny tamin'ny. . . tsy mbola niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Fa nikiakiaka izy ireo, ary—ary nanome voninahitra an'Andriamanitra, sy nandihy nandroso-sy-niverina teo amin'ilay ranomasina, ary nanao ny zavatra rehetra izay nataon'ny sisa rehetra tamin'izy ireo, saingy roa ihany no niditra tao amin'ilay tany nampanantenaina. Kaleba no niditra, Kaleba sy Josoa, roa ihany. Izany hoe iray amin'ny iray tapitrisa. Izany no iray avy amin'ny iray tapitrisa ao amin'ny fahaterahana ara-boajanahary. Nahazo an'ilay fitahiana iray ihany ny tsirairay avy tamin'izy ireo.

Oh, ianareo Pentekotista, antenaiko fa tsy tara loatra no hifohazanareo.

251 Iray avy amin'ny iray tapitrisa. Jereo. Natao hisy dimanjato tapitrisa ireo mody antsoina hoe Kristiana eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao. Raha ho tonga Jesosy, dia hisy dimanjato fotsiny no handeha hiaraka Aminy, amin'izay fotoana izay, raha ho marina io fanisana io. Nahoana, misy mihoatra an'izany no tsy hita isan'andro, manerana an'izao tontolo izao. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo.

252 "'Azoko,' hoy ireo mpanora-dalàna, 'fantatrareo fa. . .' Nahoana ireo mpanora-dalàna no milaza fa—fa, 'Elias dia tsy maintsy tonga aloha'?" Hoy izy ireo tamin'i Jesosy.

253 Hoy Izy hoe, "Elias dia efa tonga fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany." Hitanareo? Nanao marina tokoa an'izay nolazain'ny Soratra fa tsy maintsy hitranga Aminy Izy. Hitanareo? "Toy izany koa no tsy maintsy hiaretan'ny Zanak'olona. Eo ambany. . ." Tsy nahalala Azy izy ireo. Kanefa, tao amin'ilay fiangonana izy rehetra. Nihambo izy rehetra fa ho velona.

254 Ary avelao fotsiny ny Kristiana tena izy iray, nateraka indray, tena mpanompon'Andriamanitra iray, handre an'izao Tenin'Andriamanitra izao, fa hivoaka avy hatrany avy ao amin'ny anaram-piangonana tsirairay izy, ho amin'io tena tany lonaka io, amin'ny alàlan'ny Teny, ilay tany famafazana. Hanao an'izany mihitsy izy. Tsy fantatro hoe ahoana no anaovany an'izany. Andriamanitra no efa nanendry an'izany ho vita.

255 Efa voafitaka ianareo tany amin'ny voalohany, tamin'ny alàlan'ny fanambadianareo voalohany. Ankehitriny fantatrareo hoe inona no marina. Tahaka ny nolazaiko mihitsy, ilay voromahery kely rehefa nandre ny Feon'ilay Mpampakatra izy, dia nandeha nankany amin'Izany, ilay voahosotra, Tenin'Andriamanitra voamarina ho an'ny andro farany.

256 Noa no Teny voamarina ho an'ny androny. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny, tsy hety amin'izao andro izao ny hafany.

257 Mosesy no Teny voamarina tamin'ny androny. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy hety ho an'ny ankehitriny izany. Jesosy no . . .

258 Jaona no Teny voamarina. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy ho nety tamin'ny andron'i Jesosy izany. Tsia tokoa. Tsia, tompoko. "Ny lalàna sy ireo mpaminany dia hatramin'i Jaona; nanomboka teo, ny Fanjakan'ny Lanitra."

259 Ireo apostoly, ireo izay nanoratra ny Baiboly. Indro tonga i Luther, tao amin'ny fanavaozana, ireo teniny, izany, ny fiangonany, dia tsy hety amin'izao andro izao. Tsy hety ny an'i Wesley. Tsy hety ny an'ireo Pentekotista. Tamin'ny andron'izy ireo izany no nety.

260 Fa andro hafa iray izao. Izao no fanokafana an'ireo Tombokase Fito. Fantatro fa toa hafahafa aminareo Izany, saingy nanamarina an'izany tanteraka mihitsy Andriamanitra. Tsy misy ny—ny fanontaniana ao amin'Izany. Tanteraka mihitsy! Tsy manely an'izany amin'ity fiangonana eto an-toerana eto ity aho. Miresaka amin'ny olona manerana ny firenena aho. Hitanareo? Ataovy izay irianareo atao.

261 Ankehitriny mariho ilay Teny voahosotra an'ny androny, izay ampahany iray ianareo, amin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha. Teo no ho eo ianareo, dia toy ny hoe, nahafantatra. Rehefa nandre an'Izany ianareo, dia fantatrareo avy hatrany fa voromahery iray ianareo. Fantatrareo ihany koa fa tsy akohovavin'anaram-piangonana ianareo, hatrany am-boalohany. Fantatrareo fa misy zavatra tsy mety ao. Misy zavatra tsy mety ao, marina izany, satria fantatrareo fa voafandrika tao anatin'izany ianareo, tany amin'ny voalohany.

262 Izy, ilay Mpampakatra, no nanaisotra ny henatrareo, "Ary nametraka an'izany tao anatin'ny Ranomasin'ny Fanadinoana, tamin'ny alàlan'ny fanasan'ny Ranon'ny Teny sy ny Ràn'Aina." Izany no nolazain'ny Baiboly. Ny vadinareo voalohany izay nivadianareo, izao tontolo izao; ilay Mpampakatra voahosotra, izay nanendry anareo mialoha, no nanasa anareo tamin'ny alàlan'ny fanasan'ny Rano. Tamin'ny alàlan'ny "fiangonana"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Toa tsy mety tsara izany. Sa tsy izany? ["Tsia."] Mety mahita an'izany ao anatin'ny alimanaka ianareo, fa tsy ao anatin'ny Baibolin'Andriamanitra. "Amin'ny alàlan'ny fanasan'ny Rano amin'ny Teny." Ao amin'ny Teny! Hitanareo? Amin'ny alàlan'ny . . .

263 Mijoro nohamarinina tanteraka ianareo, toy ny hoe tsy nanao an'ilay izy mihitsy tany amin'ny voalohany. Inty no Hafatro ho an'ilay Fiangonana ankehitriny. Satria ianareo . . . satria hamarana ny fifandraisana isika, ao anatin'ny iray minitra mihitsy. Mijoro ianareo, raha mijoro eo amin'ny Tenin'Andriamanitra sy miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny amena rehetra, ny tendron-tsoratra rehetra, ny tsipi-teny rehetra. Aiza no ijoroanareo? Miezaka miteny aminareo aho, miendaha amin'ireo akofa ireo. Ary tongava eto amin'ilay vary eto, izay hahafahanareo ho masaka eo anatrehan'ny Zanaka. Mandre ny fahatongavan'ilay milina mpijinja aho. Mijoro tanteraka ianareo, nohamarinina, toy ny hoe tsy nanao an'ilay izy mihitsy tany amin'ny voalohany. Haleloia!

264 Miresaka ny amin'ny fisaorana iray ianareo! Mahatsapa ho tena tsara aho. Mankasitraka an'izany mihoatra nohon'ny zavatra rehetra izay fantatro aho.

265 Ianareo no ilay Ampakarina madio, tsara toetra, tsy misy ota an'ilay Zanakalahin'Andriamanitra velona. Ny lehilahy sy vehivavy rehetra izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, sy voasasa tao amin'ny Ràn'i Jesosy Kristy, ary mino ny Tenin'Andriamanitra rehetra, dia mijoro toy ny hoe tsy nanota mihitsy tany amin'ny voalohany. Tanteraka ianareo. Ilay Ràn'i Jesosy Kristy! Ahoana no ahafahanareo . . . Raha ny olona iray . . .

266 Raha natao ho faty aho tamin'ny maraina, ka nisy olona iray naka ny toerako, dia tsy afaka ny ho faty ho an'izany ota izany aho. Olona iray no naka ny toerako.

267 Ary Jesosy, ilay Teny, no naka ny toerako. Lasa izaho Izy, ilay mpanota iray, mba hahatonga ahy ho Izy, ilay Teny. Amena. Avelao aho hihazona marina eo amin'Izany, fa tsy ny fiangonana. Ny Teny! Amena.

268 Oh, io firaisana ara-panahy an'i Kristy sy Ny Fiangonany io ankehitriny, rehefa lasa Teny ilay nofo, ary ny Teny lasa nofo, voaseho, voamarina. Izany mihitsy no nolazain'ny Baiboly fa hitranga amin'izao andro izao, mitranga izany, isan'andro isan'andro. Nahoana, mivangongo haingana loatra izany any, ao amin'ireo tany efitra, sy ireo zavatra miseho, ka tsy vitako akory aza ny manaraka azy. Akaikin'ny Fihavian'i Jesosy isika, mba hiray amin'Ny Fiangonany, izay misy ny Teny lasa Teny. Ny antson'ny Fanahy Masina, mizaha ny fo!

269 Mijoro ianareo, tanteraka mihitsy. Tsy nanota mihitsy ianareo tany amin'ny voalohany. Tsy mahafantatra akory aza Andriamanitra. Ao anatin'ny Ranomasin'ny Fanadinoana izany. Tsy nanao an'ilay izy mihitsy ianareo. Voapanga ny amin'izany ianareo, tamin'ny alàlan'ilay mpiampanga. Fa ny tena marina, hatrany amin'ny voalohany, dia efa voafidy mialoha ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo. Mijoro eo ianareo, voasasa. Fa nofoanana ny bokim-pisaraham-panambadianareo tranainy, ary maty izany, tena tsy ao anatin'ny fisiana mihitsy, na dia ao amin'ny fisainan'Andriamanitra aza.

270 Ianareo no Ampakarin'i Kristy tsara toetra, voasasa tao amin'ny Ràn'i Kristy. Zanak'Andriamanitra sarobidy, tsara toetra, tsy misy ota mijoro miaraka amin'ny Ampakarina-Teny madio iray, tsy mifangaro izay Nosasany tamin'ny Ranon'Ny Ràny Manokana; izay lasa nofo sy voaseho, mba Ahafahany maka anareo izay efa voafidy mialoha tao an-tratran'ny Ray, talohan'ny fiandohana, mitovy tamin'izay naha-izy Azy. Izy no ilay toetran'Andriamanitra lehibe, nantsoina hoe "fitiavana."

271 Na inona ianareo na inona, dia mpanompon'Andriamanitra, na inona na inona tian'Andriamanitra hataonareo, na aiza no misy ny toeranareo. "Andriamanitra dia nametraka tao amin'ny Fiangonana, ny sasany apostoly, mpaminany, mpampianatra, pasitera . . ." Izy no nametraka an'izany nohon'ny Fifidianany mialoha Manokana. Ary izany ianareo, tany amin'ny voalohany.

272 Nofoanana ny fanambadianareo voalohany. Nofoanana izany. Tsy nanao an'ilay izy mihitsy ianareo, tany amin'ny voalohany. Satria, zavatra anankiray ihany no afaka nanao an'izany, izany dia ho Andriamanitra nidina, Izy tenany, ary naka ny toeranareo tao amin'ny endrika Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, ka nanasa anareo tamin'ny Rano, an'ny fanasan'ny Rano tamin'ny alàlan'ny Teny. Ny Teny; fa tsy ny anaram-piangonana! Ny Teny no

nanasa anareo. Fa raha tsy hijoro eo amin'ny Ranon'ny Teny ianareo, ahoana no haha-voasasa anareo? Mbola voatasy tahaka an'i Eva foana ianareo.

> Oh, ry Zanak'ondry malala teo am-pahafatesana, Ny Rànao sarobidy
> Dia tsy hahavery ny Heriny mihitsy,
> Mandra-pahatongan'ilay Fiangonan'Andriamanitra navotana rehetra
> Ho voavonjy tsy hanota intsony.

273 Inona ny ota? Ny *ota* dia "tsi-finoana." Tsi-finoana (inona?) ny Teny; tsi-finoana an'Andriamanitra, izay ny Teny.

274 Madio, tsy mifangaro; oh, haleloia; hiainga tsy ho ela ho eny amin'ny lanitra; amena; mijoro vonona. Eritrereto. Ireo fitafianareo, voasasan'ny Ranon'ny Teny mihoson-drà! Lasa Rà ny Teny. Nandeha rà ho anareo ny Teny, ary voasasa ao amin'ny Teny mihoson-drà ianareo. Ny Teny, mihoson-drà! Ilay Ain'Andriamanitra ao amin'ny Teny, ary ny Teny dia nandeha rà ho anareo, mba ahafahanareo ho voasasa amin'ireo loton'ireo mpijangajanga ireo, ka voadio sy nohamasinina tamin'ny fanasan'ny Ranon'ny Teny, ary manao ny fisainanareo sy ny fonareo hijanona eo amin'Andriamanitra sy eo amin'Ny Teniny.

275 Ankehitriny, ahoana no ahafantaranareo fa marina Izany? Rehefa midina Andriamanitra ka manamarina an'Izany ary manaporofo.

276 Hoy ianareo hoe, "Eny, tsy izany fomba izany no ninoako Azy." Tsy nino an'Izany tamin'ny fomban'i Jesosy izy ireo, saingy Andriamanitra no nanaporofo an'Izany. Tsy nino an'Izany tamin'ny fomban'i Noa izy ireo. Tsy nino an'Izany tamin'ny fomban'i Mosesy izy ireo. Sitrak'izy ireo ny nandray ny tenin'i Balama ho an'Izany hoe, "Iray ihany isika rehetra, noho izany ndao isika hikambana hiaraka fotsiny."

"Saraho ny tenanareo," hoy ny Baiboly, "amin'ny tsi-finoana."

277 Haleloia! Mariho ankehitriny. Tsy izany fotsiny ihany ianareo, fa ianareo no handeha ho any amin'ny Fampakaram-bady eny amin'ny lanitra. Ary ianareo dia manao an'ilay peratra mariazin'ny fahasoavana voafidy mialoha, tsy mendrika, peratra mariazin'ny fahasoavana tsy mendrika avy aminareo manokana. Andriamanitra no nanao an'izany, Izy tenany. Fantany ianareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, noho izany dia Izy no nanatsofoka an'ilay peratra mariazy teo aminareo Tany, nametraka ny anaranareo teo amin'ny Boky iray. Fisaorana iray toy ny inona! Haleloia! Derao ny Andriamanitsika!

278 Ankehitriny, eto am-pamaranana, afaka milaza an'izao aho. Isika rehetra dia mahafantatra fa ilay fiangonana moderina, Pentekotista, ao amin'ny toerany ankehitriny... Ireo anaram-piangonana rehetra miaraka, hanipy azy ireo ao amin'ny fehezana iray aho, satria ao izy ireo. Tsarovinareo, Izy dia hamehy an'ireo ahi-dratsy, aloha, ary handoro azy ireo. Haka an'ilay...Alainy ireo akofam-bary rehetra ary ho dorany izy rehetra, aloha; avy eo dia Alainy, ho avy ka haka ny Variny ary hitondra azy any an-Trano. Miangona ao anaty fehezana iray izy rehetra, fehezana Metodista, Batista, Pentekotista, handeha ao amin'ny Fiombonambe Ekiomenika izy rehetra. Izay ihany. Dorana izy rehetra. Hitanareo?

279 Mahafantatra isika rehetra fa ilay fiangonana moderina, ao amin'ny toerany ankehitriny sy ny toetrany ankehitriny, dia tsy ao amin'ny toerana izay hamaranana an'ilay fanirahana lehibe izay nomen'Andriamanitra an'ilay Fiangonana ho an'izao andro izao. Pentekotista firy no afaka hanao "amena" amin'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Marina. Hitanareo? Izany dia ao amin'ny...

280 Izahay dia an'ny tokana, an'ny roa, an'ny telo, *ity, itsy, hafa,* fifamaliana, ady. Ny anankiray dia *ity,* ary ny anankiray dia *itsy,* sy *hafa.* Ary ny tsirairay avy amin'izy ireo, dia matahotra ny hiatrika ny Teny, ho ao amin'ilay fizahan-toetra mihitsy. Hitanareo? Mahafantatra izy ireo. Miteny amin'izy ireo mikasika an'Izany ianareo; hoy izy ireo hoe, "Izaho—izaho tsy mahavita an'izany. Tsy afaka mino an'Izany aho. Tsy ahoako izay ataony. Izaho..." Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Izany no maneho hoe mamabe sy papabe inona no anananareo. "Mety ho eo amin'ny toeran'ny presbytera iray ianareo indray andro any. Ianareo mety ho *ity, itsy,* na ny *hafa.*" Tsaratsara kokoa raha ho zanak'Andriamanitra iray ianareo.

281 Ankehitriny, fantatsika fa ilay fiangonana dia tsy afaka, ilay fiangonana Pentekotista, na ahoana, na ahoana, dia tsy afaka hitondra ny Hafatry ny andro-farany, ao amin'ny toerany ankehitriny. Sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Nahoana, tsy afaka manaiky Teny iray na roa ao amin'ny Baiboly izy. Ahoana no hanaovanareo an'izany? Tsy afaka manao an'izany izy. Noho izany, hitanareo, any ivelany ny anaram-piangonana. Marina izany.

Izany dia tsy maintsy ho vahoaka iray voafidy izay nofidiana ho an'izany. Hitanareo?

282 Fantaro, ary mahafantatra ny tsirairay avy amintsika, fa ilay laharan'anaram-piangonana manontolo, Pentekotista sy ny rehetra, dia maty, izany izy, ho an'ilay Kristianin'ny Hafatra nateraka indray. Ah-hah. Maty ny vadinareo voalohany. Fantatrareo fa maty izy. Andriamanitra no namela azy ho faty. Vita ny aminy. Ireo fombany siantifika rehetra, ara-tsaina,

ara-pahaizana, siantifika avy amin'ny mody antsoina hoe sekoly Biblikany sy ny sisa dia levona. Inona no nataony? Nisaraka, ny an'ny tokana *eto*, sy ireo trinite *eto*, ary ny an'ny roa *eto*, sy *eto* ambony eto, ary *eto* ambany eto, ary fifangaroana iray tahaka an'izany, nefa miantso ny tenany ho Pentekotista.

283 Nahoana, nandeha nankany amin'ny lehilahy tanora iray aho, indray andro; mihaino mihitsy izy, izao ankehitriny izao. Ary ramatoa tanora iray, nikambana tamin'ny fiangonana anankiray izy. Hoy izy. . . Hoy aho. . . Nisaraka izy ireo. Hoy aho hoe, "Inona ny olana?"

Hoy izy, "Finoana samihafa izahay."

Hoy aho hoe, "Oh, miala tsiny aho. Katolika ve ianao?"

284 Hoy izy hoe, "Tsia." Noteneniny tamiko ilay anaram-piangonana izay nikambanany, Pentekotista iray.

285 Hoy aho hoe, "Inona *ianao*?" Izy dia Pentekotista, ihany koa, saingy anaram-piangonana hafa. Oh!

286 Fantatrareo ve, fa ny niandohan'ny fiangonana Katolika Romana, dia Pentekotista? Firy no mahafantatra fa marina izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nila roa arivo taona izany mba hahatongavana eo amin'izay misy azy ankehitriny, tsy mandray na inona na inona mihitsy avy amin'ny Soratra intsony. Tsy misy na inona na inona. Nahoana, ny Pentekotista, ao anatin'ny roapolo taona manomboka izao, dia ho ratsy kokoa noho izy ireo ankehitriny, manohy mandeha eo amin'ilay làlana izay misy azy ankehitriny izany. Nahoana, azo antoka. Hitanareo? Inona izany? Inona izany? Jereo hoe iza no papany sy mamany. Avelany manapaka ny volony ireo vehivaviny. Saiky afaka manao ny zavatra rehetra tiany hatao izy ireo. "Raha mbola mikambana foana amin'ity fiangonana ity izy ireo, dia izay ihany no ilaina."

287 Oh, tsy mahagaga, tsy mahagaga raha manao antontany ilay ozon'Andriamanitra! Apetrak'Andriamanitra eo anoloan'ny masonareo mihitsy Izany nefa akimpinareo ny masonareo dia diso amin'ny fijerena an'Izany ianareo. Hia. Manakatona ny tsinain'ny fangoram-ponareo, nefa hitanareo ilay Tenin'Andriamanitra marina sy ireo Tombokase Fito izay voamarina sy voaporofo ho tahaka an'izany. Ary vavolombelona eny amin'ny lanitra, manerana ny firenena sy any an-kafa na aiza na aiza, tamin'ny alàlan'ireo famantarana sy fahagagana izay Nampanantenainy fa Hataony, avy eo dia mangina ianareo, manao hoe, "Izaho—izaho tsy mahafantatra. Izaho—izaho tsy mahavita an'izany. Izaho. . ." Hitanareo? Oh, oadray! Maty ilay izy, nefa tsy fantany izany. Ota sy tsy fanarahan-dalàna! Maty ianareo. Oh, oadray!

288 Mahafantatra isika rehetra fa ilay fiangonana ao amin'io toerana io dia tsy afaka hamarana an'izao andro farany izao.

Ahoana no hahafahany hampiditra ny Malakia 4? Ahoana no hahafahany hanao an'izany? Tsy mino ny zavatra toy izany akory aza izy ireo. Ahoana no hahafahany hino an'izany, hampiditra ny Lioka 17:30? Ahoana no hahafahany hampiditra an'ireo Soratra hafa rehetra ireo izay nampanantenaina an'izao andro farany izao? Tsy afaka hanao an'izany izy, satria nolaviny Izany. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona."

289 Jereo ilay toerana, Lota, izay nisy an'i Sodoma, tamin'io andro io. Jereo, ny toeran'ny fiangonana tamin'ilay andro. Jereo hoe inona no nitranga tamin'i Abrahama, ilay Voafidy.

290 Jereo hoe inona no nitranga tamin'i Lota sy ireo tany Sodoma. Jereo ilay Billy Graham sy Oral Roberts, ireo izay teo anivon'ireo anaram-piangonana tany. Jereo ilay Fiangonan'i Abrahama voafidy, nahataka.

291 Jereo hoe karazana famantarana inona, ilay Jesosy Izy tenany, ilay Andriamanitra nanisy vatana izay nitsangana teo tao amin'ny nofon'olombelona. Hoy ianareo hoe, "Anjely iray Izany." Ny Baiboly no nilaza fa Andriamanitra Izany.

292 Tompo Andriamanitra, Elohima, nitsangana teo tao amin'ny nofon'olombelona, naneho fa tena hanosotra Ny Fiangonany Izy amin'ny andro farany. Izany no ho Andriamanitra miasa ao amin'ny nofon'olombelona indray. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Karazan-javatra iray ihany. Hitan'izy ireo eo amin'ny Soratra mihitsy izany. Vakio ny. . . "Zahao ny Soratra, fa ao amin'Izy ireny no heverinareo fa hanananareo ny Fiainana Mandrakizay." Ary Izy ireo no Hany manambara an'Izao. Hitanareo? Hitanareo?

293 Noho izany fantatsika fa maty izy ireo. Andriamanitra no namela an'izany ho faty ao amin'ny fandaharany manokana tia tena, siantifika, ara-pianarana.

294 Ireo Pentekotista rehetra taloha dia niresaka mikasika—mikasika ny fandefasana an'ireo ankiziny any amin'ny sekoly Biblika, fahiny rehefa Rahalahy Loyate antitra, sy ireo izay teto, ka nandroaka anareo nivoaka ny fiangonana izy ireo. "Fa, oh, ankehitriny dia izany no zavatra malaza indrindra. Any amin'ny sekoly Biblika ny zanako." Eo am-pangadiana ny fasany izy. Noho izany, ankehitriny, dia mihevitra ve ianareo fa afaka handray an'Izany izy ireo, amin'izao andro izao?

295 Mihevitra ve ianareo fa miezaka manohana ny tsy fahaizana aho? Tsy miezaka aho. Miteny aminareo aho fa misy fahasamihafana iray eo amin'ity taona ara-tsaina izay iainantsika ity, izay naha-bevohoka ny fiangonana tamin'ny siansa sy ireo rehetra mody antsoina hoe "fiheverana" sy ny sisa ireo. Tsy afaka mihevitra an'Andriamanitra ianareo.

296 Eny, ireo—ireo mpisorona dia nihevitra an'Andriamanitra tena tanteraka mihitsy. Fantatr'izy ireo hoe ahoana no hahatongavan'ny Mesia, saingy tena hafa tamin'izay noheverin'izy ireo no Nahatongavany. Tsy siantifika ilay izy. "Ahoana no nahafahan'ity Lehilahy ity, izay Zanaka zazasary iray? Taiza no Nandehanany tany an-tsekoly? Avy taiza ny Fianarany? Taiza no Nahazoany an'izany fianarana izany?"

297 "Nahoana, Ianao ve no manandrana mampianatra anay? Teraka tamin'ny fijangajangana Ianao." Hitanareo? Oh, mamindrà fo!

298 Hitanareo ve fa ilay zavatra iray ihany no miverina indray? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo ve fa miverina indray izany? Ao amin'ireo siansa ara-pivavahany rehetra, siansa ara-pivavahana arak'izay nolazain'ny sekoly Biblikany, dia izany no fomba itiavan'izy ireo an'Izany. "Izany no fomba tokony haha-izy Azy, raha tsy izany dia tsy izy Izany."

299 Ataon'Andriamanitra lasa adala fotsiny izy ireo, isan'andro. Hafa foana ny fahatongavan'izany. Izany no nataony tamin'ny andron'i Noa; nataony tamin'ny andron'i Mosesy; nataony tamin'ny andron'i Kristy; nataony tamin'ny andron'i Jaona; nataony tamin'ny andron'ireo mpianatra; nataony tamin'ny andron'i Wesley; nataony tamin'ny andron'i Luther; nataony tamin'ny andron'ny Pentekotista; ary toy izany indray koa ilay izy. Tsy manova ny Modeliny izany. Ilay zavatra iray ihany foana no tonga. Mpanavao fotsiny ihany nandritr'ireo fito. . . taona enina, hatramin'ny fahafito. Ary Apokalypsy 10 no nilaza, fa amin'izao ora farany izao dia hiova izany. Ary niova izany.

300 Ankehitriny hamarana isika, amin'ny filazana an'izao. Mamarana an'ilay fanirahana lehibe, ahoana no hahafahan'izy ireo hanao an'izany? Fantatsika fa maty izy ireo. Andriamanitra no namela an'izany ho faty ao amin'ity taona siantifika ity, ny rehetra amin'izany, mba—mba Hahafahany (hanao inona?) hanokatra an'ilay zava-miafin'ny Tombokase-Fito amin'ilay Ampakarina tsy anaram-piangonana. Ahoana no ahafahan'ny anaram-piangonana iray hanaiky an'ireo Tombokase Fito ireo, nefa tena mifanohitra tanteraka Izany, ny taranaky ny menarana sy ireo zavatra hafa ireo? Ireo zava-miafina fito manontolo, feno dia mifanohitra amin'izay nampianarina azy ireo, satria nandray an'ilay sekoly tranainy avy tamin'ny sekoly Biblikany izy ireo.

301 Ary ireo Tombokase Fiton'Andriamanitra, rehefa nosokafana tany amin'ilay tendrombohitra Izany: aoka Andriamanitra, tsia, aoka aho ho faty izao ankehitriny izao eto amin'ity polipitra ity raha tsy Izany no Fahamarinana. Ary niteny mialoha taminareo aho, herintaona sy enim-bolana talohan'ny nitrangan'izany, an'izay Noteneniny tamiko

hoe, “Mandehana mankany Arizona,” sy izay nitranga tany amin’ny tany efitra tany. Ary misy an’ireo lehilahy izay mipetraka eto mihitsy, izao hariva izao, izay nitsangana tany mihitsy ary nanatrika rehefa nidina ireo Anjely fito. Ary na dia ny mag-. . . Ny magazina, *Life* magazina, dia namoaka ny lahatsoratra an’Izany. Any amin’ilay trano fandinihana mihitsy Izany, sy ny sisa. Ankehitriny tsy fantatr’izy ireo akory aza hoe inona daholo ny mikasika an’Izany.

302 Fa ny zavatra rehetra dia efa voalaza, oh, na ny faharavan’i California aza, ho avy ankehitriny, sy ireo zavatra hafa rehetra ireo. Ary toy ny ahoana no nitenenako tamin’izy ireo hoe afaka firy andro no hisian’izany, ho toy ny ahoana ilay izy rehefa nitranga io horohorontany goavana io tany Alaska, fa izany no ho fiandohan’ny famantarana ny fotoana, sy izay hiseho. Ary ara-bakiteny mihitsy, izay Nolazainy, tsy diso mihitsy izany na dia indray mandeha aza. Tsy nahita an’Izany diso mihitsy ianareo. Sady tsy mety diso Izany, satria Izany no Tenin’Andriamanitra. “Ary ny Lanitra sy ny tany dia ho levona, fa Izany dia tsy mety diso.” Marina izany.

303 Tsy maintsy nanokatra an’ireo Tombokase Fito ireo Andriamanitra, tsy tao amin’ny anaram-piangonana iray. Nanohitra an’izany foana aho. Fa, any ivelan’ny anaram-piangonana, mba Hahafahany maka Ampakarina iray, tsy ampakarina ara-anaram-piangonana iray. Tsy afaka manao an’izany Izy. Manohitra Ny Teniny Manokana izany. Nosokafany ireo zava-miafina fito tao anatiny tao. Izany dia maneho, mampiseho an’ireo zavatra izay nafenina hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao, izay tokony ho voambara amin’ny andro farany, amin’ireo zanak’Andriamanitra. Izy ireo no nitondra an’Izany ankehitriny eo anatrehan’ny olona, mba hahitan’izy ireo an’Izany, eo, ianareo ankehitriny, ho an’ity Ampakarina tsy anaram-piangonana ity. Oh, oadray!

304 Io ireo bokinareo anankiroa. Ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry ny anankiray amin’izy ireo. Ny anaranareo Ao dia voafidy mialoha Ao. Tsy afaka miala izany, satria tsy afaka manaisotra an’izany intsony mihitsy ianareo, hitanareo, satria voatendry mialoha ho Ao izany. Fa ilay bokin’ny fiainana tsotra, dia afaka manaisotra an’izany amin’ny fotoana rehetra. Hitanareo? Raha tsy mibebaka ianareo, dia miala izany, na ahoana na ahoana, satria handeha hitsangana eo amin’ny Fitsarana ianareo. Tsy mitsangana akory eo amin’ny Fitsarana aza ny Ampakarina; fa mandeha any amin’ny Fampakarana. Tena tahaka . . .

305 Hilaza an’izao aho, eto am-pamaranana. Efa tara izao, noho izany . . . efa saiky amin’ny sivy sy sasany izao. Ary hivoaka eto isika amin’ny sivy sy sasany, raha sitraky ny Tompo. Aoka tena hanaja mihitsy ankehitriny, henoy. Indray mandeha . . .

306 Milaza an'izao aho ankehitriny, mandeha manerana ny firenena izao. Any New York, dia amin'ny iraika ambin'ny folo sy dimy amby roapolo minitra izao. Any Philadelphia sy ny manodidina any, ireo masina malala izay mipetraka any ka mihaino, izao ankehitriny izao, ao amin'ireo fiangonana rehetra manodidina. Any, any amin'ny manodidina ny Mexico any, any amin'ny manodidina ny Canada sy ny manodidina rehetra any, manerana. Roanjato maily, hatraiza hatraiza any anatin'ny kontinantan'ny Amerika Avaratra eto, saiky, dia misy olona ao amin'izany, mihaino izao ankehitriny izao. An'alinalina, no mihaino.

307 Ary izao no Hafatro ho anareo, ry Fiangonana, ianareo izay firaisana iray, firaisana ara-panahy amin'ny alàlan'ny Teny, hoe maty tamin'ireo vady tranainy ireo ianareo. Teraka indray ianareo. Aza manandrana ny hanangana azy. Maty izy. Raha Kristiana nateraka indray ianareo, io tsimoka kely izay voafidy mialoha ho anareo io, izany dia Teny tonga eo ambonin'ny Teny, ambonin'ny Teny, ambonin'ny Teny, ambonin'ny Teny, ary tonga ao amin'ny tsanganana fenon'i Kristy, marina izany, mba Ahafahany ho tonga haka Ny Ampakariny. Vonona isika ankehitriny ho an'ny zavatra anankiray fotsiny, izany dia ny Fihavian'ny Tompo.

308 Io ilay anaranareo eo amin'ny Bokin'ny Fiainana. Ny Bokin'ny Fiainana dia ny Tenin'Andriamanitra, satria ny Teny dia Andriamanitra, ary Andriamanitra no zavatra tokana izay Fiainana. Noho izany dia efa voaseho tao amin'ny Baiboly ny anaranareo talohan'ny nahalasa ny Baiboly ho Teny. Ary raha eto ianareo hanao an'izany, dia tsy Izany ve no hanamarina an'ity Teny ity? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy ilay Fiangonana ve no hanamarina ny Tenany? Tsy Malakia 4 ve, sy ireo zavatra hafa rehetra ireo, tanteraka, tanteraka no hanamarina ny Tenany ka maneho fa Izany no maha-izy Azy? ["Amena."]

309 Rehefa tonga Jesosy, dia hoy Izy hoe, "Raha tsy manao ny asa izay nampanantenaina fa Hataoko Aho, dia aza mino Ahy." Iza tamin'ireo vondrona no Nikambanany? Hoy Izy hoe, "Izy rehetra. . . Ianareo dia avy tamin'ny rainareo, ny devoly, ary ny asany no ataonareo." Hitanareo? Hitanareo?

310 Ao amin'ny andro farany isika, ry Fiangonana. Izao no Hafatra fisaorako ho anareo.

311 Ankehitriny, alohan'ny hamaranana. Tany amin'ny Glacier National Park aho indray mandeha. Efa nandre izahay, ny tontolo andro, fa izy ireo dia hahazo ny—izy ireo dia hahazo ny filatsahana. . . vaingan-dranomandry afo izay hilatsaka ny hariva. Noho izany dia sahirana ireo olona, ny tontolo andro, nanao an'ilay zavatra ho vonona, satria hampitsonika an'io afo io izy ireo, tamin'io hariva

io. Nametraka ranon'afo hilatsaka izy ireo, tahaka ny vaingan-dranomandry goavana iray avy amin'ny rano. Saingy izany dia. . .Tahaka ny avana iray, saiky, rehefa mivoaka ilay izy, avy tamin'io afo izay nilatsaka avy tao amin'io vaingan-dranomandry io. Nanerana an'io saha io, izaho sy ny vadiko, ary ireo ankizy, dia nitsangatsangana nandritry ny andro. Te-hijanona izahay, mba hahita an'io fampisehoana afo io. Noho izany dia—dia—dia nampanantenaina izahay fa hahita an'izany, ary hanatri-maso an'izany indray. Nilaza izy ireo fa manana an'izany foana mandritry ny vanim-potoan'ny fahavaratra sy ny sisa. Hoy aho hoe, "Eny, afaka hahita an'izany ve izahay?"

312 Hoy izy ireo, "Nampanantena an'izany izahay androany hariva. Nampanantenaina an'izany izahay." Hoy izy ireo, "Eny ambony eny izy ireo manao an'izany ho vonona ankehitriny."

313 Rehefa natao ho vonona ny rehetra ho an'ilay zava-mitranga! Izany no miseho izao ankehitriny izao. Natao vonona ho an'ilay zava-mitranga ny rehetra, Fiangonana iray izay navoaka nohon'Ny Anarany, maka Ny Ampakariny avy eo anivon'izao tontolo izao, ireo anaram-piangonana sy izao tontolo rehetra izao, ary ireo loto sy ireo zavatr'izao tontolo izao.

314 Ny olona rehetra; natao vonona ilay zava-mitranga. Nitsangana ny olona rehetra. Hoy izy ireo hoe, "Diniho tsara ankehitriny, ery an-tampon'ny tendrombohitra ery mihitsy."

315 Tahaka an'izany foana no nahatongavan'Izany. Tahaka an'izany no tsy maintsy ahatongavan'Izany amin'izao fotoana izao. Tahaka an'izany foana no nahatongavan'Izany. Tsy amin'ny alàlan'ny anaram-piangonana iray! Tsy nampiasa anaram-piangonana iray mihitsy Andriamanitra, mihitsy!

316 Miseho ilay mpanavao, mandray ny Tenin'ny Tompo izy. Ary avy eo dia maty izy, manorina anaram-piangonana iray avy amin'izany izy ireo. Izany no nataon'ireo Pentekotista sy ny rehetra. Rehefa misy ireo fanontaniana vaovao sy ny sisa, dia tahaka an'izany mihitsy ilay izy, tahaka an'izany no ivoahan'ilay zavatra. Teny vaovao iray nampiana, avy eo dia manorina fiangonana iray avy amin'izany izy ireo, nanao anaram-piangonana iray, nampisaraka ny tenany. Tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy.

317 Ankehitriny, ianareo tsy afaka mandresy—ianareo tsy afaka mandresy ny natiora. Ny natiora dia manaraka ny fahazarana iray ihany, isan'andro: taho, ravina, felana, sy ny sisa, akofa, avy eo dia ny vary.

318 Mariho ankehitriny. Efa vonona ny rehetra. Efa nirehitra sy natao ho vonona ny zavatra rehetra. Ary nitsangana teo ny olona rehetra. Natrakako ny lohako; ny sandriko nanodidina ny vadiko. Nijery izahay. Ary nitsangana teo ireo

ankizy, niandrandra izahay rehetra, tahaka an'izao. Oadray! Zavatra anankiray izany, satria niandry an'izany izahay. Nampanantenaina an'izany izahay.

319 Amena! Ny Teny no mampanantena an'Ity. "Izao no hiseho, dieny mbola tsy tonga ilay andro lehibe sady mahatahotra an'ny Tompo, indro, Izaho haniraka an'i Elia mpaminany ho aminareo. Izy no hampody ny fon'ny zanaka ho amin'ny rainy, ary ny fon'ny. . ." "Izao no hiseho amin'ny andro farany, handatsaka Ny Fanahiko avy any amin'ny Avo Aho." "Ho tonga miaraka ny loha-orana sy ny fara-orana amin'ny andro farany." Ireo teny fikasana rehetra ireo, manerana ny Soratra, dia efa nomena. Mijery ambony isika. Diniho ilay Ampakarina marina manerana ny firenena amin'izao ora izao, miandrandra. Ry Fiangonana, ho avy Izy, indray andro any. Azo antoka mihitsy tahaka ny Nahatongavany voalohany, no Hahatongavany indray. Ataovy vonona ny zavatra rehetra. Saraho amin'ilay akofa ny tenanareo. Mitoera eo anatrehan'ilay Zanaka. Manohiza miandrandra. Aoka ho eo ambanin'ny fiandrasana.

320 Tampoka teo, nandre zavatra avy teny an-tampon'ilay havoana izahay, nivoaka avy tao amin'ny fanamafisam-peo ny feo iray, nanao hoe, "Vonona ny zavatra rehetra."

321 Tamin'izay fotoana izay ity lehilahy ity, nitsangana teo akaikiko teo mihitsy, dia nanao hoe, "Aoka hilatsaka ny afo." Indro tonga ilay izy, niraraka nanerana an'ilay tendrombohitra, vaingan-dranomandry afo sy lelafo nitsonika, fahitana iray nahatalanjona.

322 Rahalahy, aoka isika hanao ny zavatra rehetra ho vonona, satria indray andro any dia hilatsaka ilay Afo. Hiakatra isika. Ankehitriny aoka isika ho vonona ho an'ilay fotoan'ny filatsahan'ny Afo. Ao amin'ny andro farany isika, mahafantatra an'izany isika rehetra, ary vonona ho an'ny Fihavian'ny Tompo. Ny zavatra hatao dia ny manasaraka ny tenanareo amin'ny ota rehetra. Saraho amin'ny zavatra rehetra izay momba an'izao tontolo izao ny tenanareo. "Aza tia an'izao tontolo izao na ireo zavatr'izao tontolo izao."

323 "Aoka tsy hisy olona, amin'ny alàlan'ny fanekem-pinoany, hamitaka anareo." Mijanòna mahitsy tsara amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra. Ary ity Teny ity, raha Izany no Teny ho an'izao andro izao, dia Andriamanitra no manamarina Azy ho izany. Raha tsy izany Izy, dia tsy Teny ho an'izao andro izao.

324 Tsy hety amin'izao andro izao ny Teny izay nilatsaka tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Tsia, tompoko. Izany dia ho an'ny Pentekosta. Ity dia ho an'ny Ampakarina, fandehanan'ny Ampakarina ho any an-Trano. Nahazo zavatra hafa isika. Ireo Pentekotista dia naneho an'izany, indray. Ao amin'ny

taonan'ny Ampakarina isika. Toy izany koa ny—ny Tenin'i Noa dia tsy ho nety tamin'ny andron'i Mosesy; toy izany koa ny lalàn'i Mosesy dia tsy ho nety tamin'ny andron'i Paoly eto. Niezaka niteny tamin'izy ireo izy hoe, "Maty ny amin'izany ianareo, ary tsy afaka hahazo an'izany."

325 Ry Fiangonana, ianareo izay iresahako, izao hariva izao, manerana ny firenena, raha—raha nanasaraka ny tenanareo tamin'ny anaram-piangonana sy ny loto rehetra ary ireo zavatr'ity izao tontolo izao ity ianareo, ary ireo zavatra rehetra izay mihazona anareo ao amin'ireo fanekem-pinoana nataon'olona sy didy ary ireo zavatra tahaka an'izany, raha nanasaraka ny tenanareo ianareo: Miandrandrà. Mivonòna. Hilatsaka ilay Afo, indray andro any. Hamela Azy ho tonga Andriamanitra, ary fahitana iray mahatalanjona izany. Ho vonona ve ianareo rehefa tonga Izy? Ho vonona ny hiakatra miaraka Aminy ve ianareo rehefa tonga Izy? Ilay Fampakarana miafina an'ilay Ampakarina ivelan'ny voajanahary, "Izy dia hatao ho met-. . . avy amin'ny mety maty mankany amin'ny tsi-fahafatesana; hovaina, ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso. Isika izay velona ka mitoetra dia tsy hialoha an'ireo izay nodimandry."

326 Indray andro, teo amin'ny Armistice Day, nitsangana tany Tucson tany aho. Te-hahita an'ilay matso ny zanakolahy kely. Nianatra aho, ka tsy nanana fotoana hanaovana an'izany. Ary nanana antson'ny marary betsaka sy ny sisa aho. Noho izany dia hoy izy hoe, "Dada, tsy hitondra ahy izy ireo." Hoy izy hoe, "Ento aho."

327 Hoy aho hoe, "Eny àry." Rahalahy Simpson, heveriko fa eto izy; ary te-handeha ny zananilahy kely. Noho izany dia nampiakariko tao anatin'ny fiara izy ireo ary nandeha tany.

328 Nitsangana teo amin'ny zorony teo aho ka nandinika. Ary afaka kelikely, dia nandre aho, tany lavitra tany, tabataba iray tonga, "bomp, bomp," ireo amponga, nidobodoboka. Nitsangana teo aho. Nieritreritra aho hoe, "Eny, ireo tovolahy kely ireo, tena namaky an'ireo boky rehetra mikasika ny tafika tokoa izy ireo. Tena ho tian'izy ireo tokoa izany." Nahamarika aho, ny tonga voalohany dia ilay fiara mifono vy tranainy an'ny Ady Lehibe I. Nandeha teo izy ireo, zavatra bitika kely tahaka an'izany. Tonga ny manaraka, taorian'izany; ny tonga nanaraka an'izany dia ilay fiara mifono vy vaovao an'ny Ady Lehibe Faharoa, ilay fiara mifono vy goavana Sherman niaraka tamin'ny fonom-basy iray teo amboniny. Avy eo dia tonga ny manaraka, sy ny manaraka, ary afaka kelikely dia tonga ireo Gold Star Mothers.

329 Ary avy eo, afaka kelikely, dia tonga ireo mpiady tranainy roa ambin'ny folo izay tavela, tao amin'ny fanjakan'i Arizona manontolo, avy tamin'ny Ady Lehibe Voalohany; mpiady

tranainy roa ambin'ny folo. Taorian'izany, dia tonga ny fiara voahaingo iray, ilay miaramila tsy fantatra, ilay lakroa fotsy kely. Nitsangana teo ny mpiantsambo iray, tantsambo, sy miaramila iray, mpiambina nitsangana; efitra kely iray teo ambonin'ilay fiara voahaingo. Teo amin'ny ilany hafa dia nisy reny antitra iray fotsy volo, nipetraka niaraka tamin'ny kintana volamena iray nipaingotra teo aminy, vady kely iray maha-te-ho tia nitomany, maty ny vadiny; zazalahy kely iray rovitra akanjo, nitodika tany amin'ny ilany ny lohany. Novonoina ny dadany. Ary avy eo taorian'io dia tonga ny maro sy maro ary maro, ary tonga teo amin'ilay tafika vaovao avy eo. Nitsangana teo aho. Fahitana mahatalanjona toy ny inona, saingy mampalahelo toy ny ahoana!

330 Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, indray andro any dia handeha any amin'ny fahitana mahatalanjona iray hafa aho."

331 Ho tonga ny andro fitsanganana iray, ka, "Ny voalohany ho farany; ireo izay farany no ho voalohany." Ireo mpaminany fahiny no hiseho, voalohany, ary hahita an'io filaharana io handeha izy ireo, hamindra miakatra eny amin'ny habakabaka. "Ary isika izay velona ka mitoetra dia tsy hialoha an'ireo izay nodimandry. Fa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, ireo maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha." Hitsofoka avy hatrany ao amin'ny laharana miaraka amin'ireo izay miditra isika, haleloia, ireo rehetra nandritry ny taonan'i Luther, Wesley, Metodista, Presbyterana, hatrany amin'ilay taona farany, izay nandray ny Teny tao amin'ny taonany.

Andriamanitra hitahy anareo. Ataovy vonona ny zavatra rehetra, fa hilatsaka ilay Afo.

332 Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny. Manontany aho, ato amin'ity mpanatrika hita maso ity izao hariva izao, raha nitazona anareo teto aho nandritry ny. . .hatramin'ny sivy sy sasany. Misy anankiray ve eto, misy roa ambin'ny folo ve eto, firy no eto, ka hanao hoe, "Rahalahy Branham, menatra ny tenako aho, ny fomba izay niainako. Nisahana be loatra tamin'ny anaram-piangonana iray sy ny olona aho. Fantatro fa tsy nahitsy tamin'ny Tenin'Andriamanitra aho. Hangataka aminao fotsiny aho mba hivavaka ho ahy, Rahalahy Branham"? Atsangano ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Jereo fotsiny, ery amin'ny rihana ambony ery, manerana. Andriamanitra hitahy anao. "Fantatro. . ." Ankehitriny aza menatra. Ankehitriny, aza menatra.

333 Ary any ivelany any, manerana ny firenena, manomboka any New York ka hatrany California, manomboka any Canada ka hatrany Mexico: ianareo olona izay miangona ao amin'ireo fiangonana ireo (izay misy an'ireo vondrona kely mahatoky izay mino an'ity Hafatra ity amin'ny fony rehetra; nivoaka izy

ireo, nivoaka avy tao amin'ilay fahoriam-be, nivoaka avy tao amin'ireo anaram-piangonana ireo; tsimoky ny Aina izy ireo) mahatsapa an'ilay faniriam-po mafy ve ianareo, izao hariva izao, tahaka an'ilay voromahery kely, ka mandre Zavatra iray ianareo izay hafa kely amin'izay efa renareo, fa, kanefa, ao am-ponareo dia fantatrareo fa izany no Fahamarinana? Ianareo, izay any, misy pasitera iray mitsangana any ho any. Nanangana ny tànanareo ianareo. Hivavaka ho anareo aho.

334 Tsy natao teny amin'ny zorony ireto zavatra ireto, ry sakaiza. Tsarovy, "Èty ny vavahady ary tery ny làlana, ka vitsy no ho any izay hahita azy." Aza mandeha miaraka amin'io olona betsaka izay mandeha mankany io, ry sakaiza, io Taonan'ny Fiangonana Laodikia io. Afaka mitsambikina ambony-sy-ambany izy, mandihy eo ambanin'ny mozika, matimaty. Tsy voalaza hoe mangatsiaka mamanala izy ankehitriny. Izao no voalaza hoe, "Matimaty izy," izany ilay Pentekotista, "ary tsy fantany fa izy dia mahantra, ory, jamba." Jamba amin'ny inona? Ny Teny, amin'ny fanehoana ny Teny; satria tsy tonga tamin'ny alàlan'ireo rafi-pandaminany mihitsy Izany, tsy afaka mandray an'Izany izy ireo.

335 Ary ianareo mpitoriteny any Tucson any, izao hariva izao, tsy mihazona anareo ho tompon'andraikitra amin'izany aho. Andriamanitra no mihazona. Tany aho nandritry ny telo taona. Niteny taminareo aho fa tsy hanomboka fiangonana iray. Tsy nanomboka aho. Rahalahy Pearry Green no nanomboka an'izany. Telo taona aho no tany, fa tsy nanasa ahy ho eo amin'ny polipitranareo ianareo na dia indray mandeha aza. Nijanona tany Tucson aho nandritry ny telo taona teo ho eo. Hanala ahy avy any amin'ny tany efitra Andriamanitra indray andro any. Tsy maintsy velona ity Hafatra ity. Niezaka ny tsara indrindra amiko aho mba hiditra tao aminareo. Izaho—izaho dia mahafantatra ny antony nanaovanareo an'izany. Mandre ve ianareo? Ny antony tokana nanaovanareo an'izany, dia handroaka anareo ny anaram-piangonanareo. Ary fantatrareo, maro taminareo no niresahako, tany tao amin'ny Furr's Restaurant, ary fantatrareo fa izany no fahamarinana. Mbà menatra ianareo.

336 Mivoaha avy ao amin'izany. Mivoaha avy ao, ry rahalahy. Raha mba misy Aina ao aminareo, dia ho tahaka an'ilay voromahery kely izay vao avy noresahako ianareo, handre ny Tenin'Andriamanitra ianareo. Tsarovy, handre an'Ity ho an'ny fotoana farany ianareo, indray andro any. Tena akaiky mihitsy isika ankehitriny. Tsy ho avy ve ianareo, izao hariva izao?

337 Andriamanitra malala, mipetraka am-panajana izahay ankehitriny, tena andro fisaorana iray tokoa izao, Tompo. Mankasitraka aho, Tompo, ny velona ao amin'izao andro izao. Izao no andro lehibe indrindra. Naniry mafy ny

hahita an'izao andro izao i Paoly apostoly. Naniry mafy ny hahita an'izany ireo lehilahy malaza fahiny. Naniry mafy ny hahita an'izany ireo mpaminany. Niandry an'izao andro izao izy ireo. Niandry an'izao andro izao i Abrahama, satria nitady Tanàna iray izy izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao; mihantona mihitsy eo amboninay izany, izao hariva izao. Jaona dia nahita an'ilay Fanahin'Andriamanitra nidina avy tany An-danitra, nanambara, nahafantatra fa io ilay Zanak'Andriamanitra. Ary, eritrereto ankehitriny, eo am-pifidianana Ny Ampakariny Izy.

338 Andriamanitra malala, any ivelany manerana ny firenena na aiza na aiza, miresaha amin'ny fon'izy ireo. Ianao irery no Anankiray izay afaka hanova ny fon'izy ireo. Raha tsy nisy Voa napetraka tao tany amin'ny voalohany, dia tsy hahita an'Izany mihitsy izy ireo, Tompo. Izy ireo fotsiny dia . . . "Ny jamba hitarika ny jamba. Ho latsaka ao anaty lavaka izy ireo," azo antoka tahaka ny zavatra rehetra, satria Ny Teninao no milaza fa ho latsaka izy ireo.

339 Ankehitriny, Ray, satria dia hitanay manerana ny firenena, manodidina an'izao tontolo izao, any Afrika, roa ambin'ny folo, roa ambin'ny folo manerana an'i Afrika Atsimo, Mozambika, manerana ny firenena rehetra, ireo fiangonana kely izay mandray an'ireto horonam-peo ireto. Dia ho toy izany koa anie no handehanan'ity horonam-peo ity any amin'ny firenena mihoatra ny roapolo hafa, samihafa. Manomboka mahita an'Izany izy ireo ary miparitaka, an-jatony sy an-jatony amin'izy ireny. Tsy hila maro izany, Tompo. Amin'izay fotoana izay rehefa voaray ao anatin'ny Vatana ilay mambra farany, dia ho avy Kristy.

340 Tompo Andriamanitra, manontany an'ilay Ampakarina aho, izao hariva izao, ireo hany izay tsapako fa nihataka ka miandry, enga anie izy ireo hanasaraka ny tenany amin'ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao. Tsy maintsy mitoetra eo amin'ny Fanatrehan'ilay Hazavan'ny Zanaka mafana an'ny Zanak'Andriamanitra izy ireo, mandro ao amin'Ny Teniny, ao amin'ny Fitiavany. Ekeo izany, Andriamanitra malala.

341 Enga anie ireto olona eto ireto, hita maso, izay mihazona ny tànany ambony, izao hariva izao, roa ambin'ny folo amin'izy ireo manerana an'ity tabernakla lehibe ity. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho tonga ao amin'izy ireo ilay Aina vaovao; mivavaka an'izany aho, ho an'ny manerana ny firenena ary manerana an'izao tontolo izao mihitsy aza, izay handefasana an'ity horonam-peo ity, mba handraisan'izy ireo koa an'ity Hafatry ny Fisaorana ity ka hahafantatra, amin'ny alàlan'ireo teny tapatapaka sy ny sisa izay nalefa, an'izay tsy maintsy hataon'izy ireo. Mivavaka an'izany aho, Ray. Ekeo izany. Tahio izy ireo. Anao izy ireo.

342 Fantatro fa mahazatra ankehitriny, Ray, ny mangataka ny olona ho eny amin'ny alitara. Ary mivavaka aho, Andriamanitra malala, mba ao amin'ny asam-pitoriana rehetra, manodidina na aiza na aiza, ary manerana an'izao tontolo izao, mba hanatonan'izy ireo eny amin'ny alitara: ny mainty, ny fotsy, mavo, volontany, na aiza na aiza izy ireo; ny manan-karena, ny mahantra, ny tsy miraika, ny mpangataka, na inona na inona izy ireo.

343 Ireo ara-anaram-piangonana, ireo izay manaraka ny fanaony manokana sy ivony manokana, O Andriamanitra, "Mitanjaka, mahantra, ory, jamba, nefa tsy mahafantatra an'izany akory." Ianao no nilaza fa ho tahaka an'izany ilay izy, ary tahaka an'izany ilay izy.

344 Noho izany dia mivavaka aho, Ray, mba Hiantsoanao ny Voa rehetra, izao hariva izao. Ary na aiza na aiza manodidina an'izao tontolo izao izay mety hilatsahan'Ity, enga anie Izany hahazo an'ilay voromahery kely izay mahafantatra ny Feon'ny Tompony. Ekeo izany, Tompo. Apetrako Aminao izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

345 Ankehitriny miaraka amin'ny lohanareo miondrika, eto amin'ny mpanatrika hita maso. Hisy ve eto ny sasany, izay tsy mbola voavonjy, tsy nanome ny fonareo ho an'Andriamanitra akory aza, tsy mihevitra ve ianareo fa tokony hankasitraka an'izay nataon'i Jesosy ho anareo? Ny mieritreritra, fa mpanota iray ianareo, ka vahiny iray amin'Andriamanitra, kanefa nisy Zavatra iray ao am-ponareo, izay mandondòna. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ahoana no ahafantaranareo fa iray amin'ireo voromahery kely ireo ianareo! Mahantra ianareo, ary ho mahantra, mandra-pahatonganareo hanolo-tena ho amin'Izany. Nahoana no tsy hanao an'ity ho anankiray amin'ny fisaorana lehibe indrindra izay hany nataonareo, rehefa nandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjinareo ianareo.

346 Hiakatra eto ve ianareo ka hitsangana eo amin'ny alitara? Hivavaka hiaraka aminareo aho raha ho avy ianareo, ny mpanota rehetra, lehilahy na vehivavy, zazalahy na zazavavy, mambram-piangonana na tsy mambram-piangonana. Tsy manao anareo ho Kristiana iray ny maha-mambram-piangonana ankehitriny. Misokatra ny alitara. Ho avy ve ianareo, ny mpanota rehetra izay te-ho avy, handray an'i Jesosy Kristy Tompo. Izay tia marina tokoa ny hitsahatra . . .

347 Ny sasany aminareo ara-anaram-piangonana izay tia ny hitsahatra amin'ny fihinanana an'io sakafon'akohovavy io, amin'ny filazana hoe, "Mikambàna amin'*ity* ianareo dia mety tsara izany." Tena te-hahafantatra marina tokoa ve ianareo hoe inona no tena batisan'ny Fanahy Masina? Avia, jereo.

348 Misokatra ny alitara. Vonona izahay. Miakara avy hatrany fotsiny, mialà—mialà amin'ny sezanareo. Miakara avy hatrany ary mandohaleha eto amin'ny alitara eto, misy an'io rahalahy io vao tonga.

349 "Fisaorana, O Andriamanitra, tena mankasitraka Anao aho. Fa, ny fiainako rehetra, fantatro fa nisy zavatra iray, Tompo. Tsy afa-po mihitsy aho. Nanandrana aho. Izaho—izaho dia nieritreritra hoe, 'Amin'ny taona ho avy, no hataoko izany. Amin'ny herinandro ho avy, no hataoko izany, amin'ny fotoana manaraka izay andrenesako antso eny amin'ny alitara. Hanao aho, indray andro any.' Ahemotro foana ilay izy, ary ahemotro foana ilay izy. Saingy, Tompo, fantatro fa misy zavatra tsy mety amiko. Nino foana aho fa nisy zavatra hafa iray. Ary ankehitriny, Tompo, izao hariva izao, dia mankasitraka aho ny amin'ny fanomanana iray izay efa nataon'ilay Zanak'Andriamanitra, mba hahatonga an'ireo otako, ny tsi-finoako tokoa, ho voasasa hiala amiko. Avy aho, izao hariva izao, ary mandohalika mba hanaiky an'ilay fitahiam-pisaorana lehibe izay nataon'i Jesosy Kristy ho ahy rehefa maty ho ahy teo Kalvary Izy."

350 Ho avy ve ianareo? Misy olona mandohalika manodidina ny alitara eto ankehitriny. Nahoana ianareo no tsy mitsangana ary tonga? Naniry ny hanao an'izany ianareo. Nanandrana an'izany ianareo.

351 Eritrereto fotsiny ny amin-dRahalahy Lyle Palmer, ny rahalahintsika tsara, sarobidy. Nipetraka teo an-tokotany izy, araka ny fahazoako, nijery ny zananivavy kely nilalao kanetibe tany, na zavatra iray, ary nianjera tao anatin'ilay seza izy ka maty talohan'ny nahafahany nanao hetsika iray akory aza. Tsy fantatrareo hoe fotoana inona no hialanareo eto. Tsy fantatrareo mihitsy hoe fotoana inona no handehananareo. Izany dia mbola mety, ho izao hariva izao, noho izany dia nahoana no tsy avy ka mandamina an'izany ankehitriny?

352 Avia, ry olona. Tsy mahatsapa Zavatra iray misintona anareo ve ianareo? Izaho—izaho dia mahafantatra fa misy maro aminareo eto no tokony ho eto amin'ity alitara eto ity mihitsy, ary tsy ireto olona enina na fito ireto fotsiny no mipetraka ato. Ankehitriny, raha mino ahy ianareo ka mandinika ny eto amin'ny lampihazo eto, ireo zavatra izay mitranga, dia minoa ahy ankehitriny. Indray andro dia hangina ny feoko. Tsy handre azy intsony ianareo. Mety haniry ny ho avy ianareo.

353 Hoy ianareo hoe, "Saingy, Rahalahy Branham, efa mambram-piangonana iray aho." Tsy manisy fahasamihafana amin'izay naha-izy anareo izany. Toy izany koa—toy izany koa i Nikodemosy izay mambram-piangonana iray. Toy izany koa Jaona, Petera, Jakoba, Paoly, ny sisa rehetra tamin'izy ireo izay mambram-piangonana.

354 Mambram-piangonana iray i Paoly mandra-pitrangan'ny zavatra iray indray hariva, na indray andro izany, ary tonga izy. Mambram-piangonana iray tamin'izany fotoana izany novaina izy, ho zanak'Andriamanitra iray. Tsy ho avy ve ianareo? Oh, nofanina izy. Nahay izy. Fantany fa nofanina izy, iray amin'ireo sekolim-piofanana lehibe indrindra izay nisy, Gamaliela, iray amin'ireo mpampianatra tsara indrindra izay nisy teo amin'ny firenena. Saingy fantany fa nila zavatra iray izy.

355 Tsy ho avy ve ianareo? Mangataka aminareo indray mandeha aho. Ao amin'ny. . .Eto na manodidina ny firenena, mangataka aminareo aho, na aiza na aiza misy ianareo, na ao amin'ny fiangonana inona no misy anareo, amin'ity oran'ny fisaorana ity. Tsarovy, efa noraisim-peo aho eto; tsy eto ihany, fa any An-danitra.

356 Fantatrareo, voaporofo ara-tsiansa fa voarakitra ny hetsika rehetra izay ataonareo. Izy ireo no manaporofo an'izany. Tsarovy, ny televiziona no nanaporofo an'izany. Ny televiziona dia tsy—tsy manamboatra ny sary. Ianareo no sary. Mampita an'izany fotsiny izy, izay ataonareo, ao amin'ilay fantsona. Eo ianareo, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Rehefa manetsika ny rantsan-tànanareo ianareo, io hetsika io dia mandeha manodidina an'izao tontolo izao. Isaky ny manao akanjo iray ianareo, ny endrikareo dia mandeha manodidina an'izao tontolo izao. Eo amin'ny firaketana iray izany. Ny eritreritra rehetra izay mandalo ao amin'ny fisainanareo dia eo amin'ny firaketana iray izany. Ary indray andro any dia hitsahatra tsy handeha ilay firaketana, hapetraka ao anatin'ny boky fitehirizana izany.

357 Ary avy eo dia tsy maintsy haverina izany amin'ny Fitsarana. Eo ianareo no hitsangana miaraka amin'ny volo tapaka, mihambo ho Kristiana iray. Eo ianareo no hitsangana miaraka amin'ireo eritreritra tao an-tsainareo nanohitra ny Teny, ary ao amin'ny sainareo mihitsy izany. Tsy afaka manafina an'izany ianareo. Tsarovy, ny televiziona, ny siansa aza dia mahafantatra fa marina izany. Ianareo izay mitsangana izao ankehitriny izao, mahafantatra fa tokony ho eto ianareo, tsarovy, rehefa voarakitra izao, amin'ny Andron'ny Fitsarana, io eritreritra iray ihany io izay anananareo no hiverina avy hatrany ao an-tsainareo indray. Ho eo amin'ny firaketana avy hatrany izany. Izao tontolo rehetra izao no hahita an'izany halefa. Nahoana izao tontolo izao no tsy. . .Mijery anareo, amin'ny Andron'ny Fitsarana, ireo Anjely rehetra any.

358 "Raha menatra Ahy ianareo eto, nefa ny sarinareo efa vita ankehitriny, amin'ny Andron'ny Fitsarana dia ho menatra anareo Aho. Satria, nanosotra Ny Teniko Aho, nandefa Azy taminareo. Tsy te-hino Azy ianareo. Nanafina ny tenanareo tao ambadiky ny zavatra iray ianareo."

359 "Oh," hoy ianareo, "tena tsara aho. Izaho efa nanao an'*ity*. Izaho efa nandihy tao amin'ny Fanahy. Izaho efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra." Toy izany koa ny mpanompo sampy. "Nikiakiaka aho." Toy izany koa ny mpanompo sampy. Ahoana no ahafahanareo hihodina amin'ny Teny amin'izay fotoana izay?

Fa nahoana?
Fa nahoana no tsy manatona Azy ankehitriny?
Fa nahoana? Fa nahoana?
Fa nahoana no tsy manatona Azy ankehitriny?

Nahoana no miandry ianao, rahalahy malala?
Oh, nahoana ianao no maharitra ela loatra?
Miandry mba hamonjy anao Jesosy
Toerana iray ao amin'Ny Tranony nohamasinina.

Hametraka anareo ho iray amin'ireo mambran'Ny Vatany!

Fa nahoana?

Oh, ry voromahery kely, avia ankehitriny.

Oh, fa nahoana no tsy manatona?

360 Tompo, mankasitraka aho. Tena mankasitraka aho. Fisaorana ho Anao, Tompo; tsy ho an'ny sakafo ara-boajanahary, na izany aza. Saingy, Tompo, eto ilay fotoana farany. Mankasitraka aho ny amin'ity Sakafo ara-panahy ity, Tompo, ny Sakafo ara-panahy an'ireo Tombokase Fito izay nampanantenaina fa hisokatra.

Hoy ianareo hoe, "Ho zavatra hafa iray izany." Tsia, tsia.

361 Tsy afaka manampy teny iray ianareo. Ary manala . . . Efa Ao Izany, nafenina fotsiny. Voaisy tombokase Izany. Firy no mahazo an'izany? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo?

Hoy ianareo hoe, "Eny, zava-miafina iray izay hiseho izany." Oh, tsia.

362 Efa Voasoratra Izany. Tsy afaka manampy teny iray amin'Izany ianareo, na manala iray avy amin'Izany. Hitanareo? Izany dia efa Ao. Tsy maintsy ho voambara amin'ny andro farany fotsiny Izany.

363 Tsy ho avy ve ianareo? Avia ankehitriny, ry sakaiza. Raha tsy afaka mahazo ianareo, dia avia. Mandohaleha, resaho Aminy ny mikasika an'Izany. Raha tsy afaka manao an'Izany hazava aminareo aho, dia Izy no hanao, satria Izy no—no Mpampisinda ny fisalasalana rehetra.

. . . ao amin'ny Seza fiandrianany nohamasinina.

Oh, nahoana...(Tsy ho avy ve ianareo?) Fa nahoana?
Fa nahoana no tsy manatona Azy ankehitriny?

364 Tsarovy, misy fandraisam-peo izay manao an'izao, tsy eto amin'ity horonam-peo ity ihany, fa firaketana lehibe an'Andriamanitra. Ny tsirairay avy aminareo, ny hetsika rehetra, rehefa manondrika ny lohanareo ianareo, manondrika ny fonareo, izay eritreritra mandalo ao amin'ny sainareo, tsarovy, efa voarakitra any amin'ny Voninahitra izany izao ankehitriny izao, ary ilay firaketana dia halefa amin'ny Andron'ny Fitsarana. Aiza ny fanapahan-kevitrareo? Oh, toy ny ahoana no hitiavanareo hanova an'izany, amin'io Andro io.

365 Hiandry fotsiny aho, satria misy maro, maro, manodidina ny alitara ankehitriny. Hitanareo? Angamba ny iray amin'izy ireo, raha miandry elaela kely fotsiny aho, mety misy iray hafa any ivelany any, mety misy any New York any ho any, mety any Philadelphia any ho any izany, any California, Arizona. Any ho any, mety misy iray hafa manatona. Ry pasitera, na aiza na aiza ianareo, aza faranana ilay antso eny amin'ny alitara ankehitriny.

366 Mety tsy hahita Fisaorana iray hafa intsony isika. Mety ho ity no anankiray farany, ary hifarana ny firaketana, izao hariva izao, ho an'ny fotoana farany. Ho tapitra ilay horonam-peo, indray andro any. Ho tapaka ilay firaketana ary ho ao amin'ny boky fitehirizan'Andriamanitra. Avy eo dia halefa indray izany, izay eritreritrareo ankehitriny. Aza milaza fa tsy nahafantatra hafa ianareo. Mahafantatra ianareo. "Fa tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy, izy ireo no hanatona."

...manatona Azy?

367 Rahalahy, mino aho, raha nipetraka tany ho any aho, ka nanana an'ilay eritreritra kely indrindra, dia azoko antoka fa ho niakatra teto haingana arak'izay vitako aho. Hia.

Oh, fa nahoana? Nahoana?

368 Vita ve ny aminareo? Azonareo antoka ve fa tsy mampalahelo Ny Fanahiny ianareo ankehitriny? Ndao àry isika hihazona ny lohantsika hiondrika. Azonareo antoka ve fa tsy nampalahelo Ny Fanahiny ianareo? Azonareo antoka ve fa nanao marina tokoa an'izay Nolazainy taminareo mba hatao ianareo? Mahazo antoka ve ianareo ankehitriny? Tsarovy, ianareo—ianareo dia mety tsy hanana anjara hafa iray intsony. Mety efa nifarana ilay firaketana, izao hariva izao. Ity no mety ho ny rehetra amin'izany. Ity no mety ho ny horonam-peo farany ho anareo. Azonareo antoka ve fa vonona ianareo ankehitriny? Raha izany, dia avelako eo an-tànanareo izany, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy.

369 Ankehitriny raha mbola mihira moramora ny antoko mpihira, dia hivavaka ho an'ireto eto ireto aho. Izaho dia karazana Kristiana tena hafahafa iray fotsiny. Mino aho fa Andriamanitra no tsy maintsy manao ny famonjena. Mino aho fa Andriamanitra no tsy maintsy mamboly ny Teny. "Izaho Tompo," hoy ny Baiboly, Isaia, "Izaho Tompo no namboly Azy. Izaho no hanondraka Azy, andro aman'alina, fandrao hisy handrombaka Azy amin'ny Tànako." Alohan'ny hangatahako amin'ny olona rehetra ho tonga hanodidina ny alitara miaraka amin'ireto olona ireto, dia te-hivavaka ho azy ireo aho, ny tenako.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

370 Jesosy malala, vao avy nanonona Ny Teninao aho, izay nolazain'ny Mpaminaninao, ary fantatro fa marina ireo tenin'ny mpaminany. Ary hoy Ianao hoe, "Izaho Tompo no namboly Azy." Nahoana, marina tokoa, fa Ianao no nametraka Azy ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. "Izaho Tompo no namboly Azy, ary Izaho no hanondraka Azy, andro aman'alina, sao hisy handrombaka Azy amin'ny Tànako." Ireto, angamba, Tompo, dia efa nandre antso eny amin'ny alitara betsaka. Fa Ianao foana no mbola manondraka Azy, Tompo.

371 Indro izy ireo, izao hariva izao. Enga anie izy ireo hanolo-tena fotsiny, izao hariva izao, Ray, hiala amin'ireo zavatra rehetra an'izao tontolo izao, ireo ota sy ahiahy rehetra izao ao am-pony, ka tonga saina fotsiny, sy am-panajana, ao am-pony, hanolo-tena amin'Ny Teninao, izao ankehitriny izao, ka hanao hoe, "Tompo Jesosy, tato am-poko tato, dia nino foana aho fa nisy zavatra anankiray ho ahy, izay tsy mbola voaraiko mihitsy. Na dia niezaka aza aho, araka ny nanaovana ny fanambarana izao hariva izao, mba hanaraka an'ilay akohovavy, saingy nisy zavatra iray toy ny hafahafa tamiko. Tsy nety tsara mihitsy ilay izy. Noho izany, izao hariva izao, dia tsapako fa manatona akaikikaiky kokoa ao amin'ny sandrin'ilay Teny velona aho. Manatona eto am-panajana mihitsy aho, ao amin'ny saiko tsara. Mandohalika eto akaikin'ity alitara ity aho. Mila famonjena aho, Tompo, tena mafy. Tena noana aho! Mila Anao aho, Tompo, mba hihazona ahy eo amin'ny Sandrinao, izao hariva izao. Tsy amin'ny alàlan'ny fientanam-po, fa amin'ny alàlan'ny Fanahin'ny fitiavana, raiso eo amin'ny Sandrinao aho, Andriamanitra malala."

372 "Zanakao aho. Tsapako fa izaho io voromahery izay noresahan'izy ireo io. Raiso aho, Tompo. Mitsambikina aho. Nitsangana niala tamin'ny sezako aho, ary mandohalika eto. Raiso aho, Tompo. Mitsambikina aho. Ento eo amin'ny Elatrao aho, Tompo, lavitra an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Avelao aho hanidina hiala amin'ny loton'ity izao tontolo izao ity, hiala amin'ny fahazaran-dratsiko, hiala amin'ny fombafomban'anaram-piangonako rehetra. Avelao aho

hanatona Anao irery ihany, Andriamanitra malala, mba hahafahan'Ny Fanahinao Masina milatsaka ato amiko ho famelana ny fisalasalako rehetra. Enga anie aho, izaho hariva izao, ho tonga Zanakao, vaovao, nateraka, ka ho olom-baovao iray, izao hariva izao. Raiso aho. Ento lavitra aho, any ankoatran'ny fikohokohon'ilay akohovavy. Ento lavitra aho, ho eo amin'ny akanin'ilay Voromahery, izay hahafahako ho voafahan'ny Tenin'Andriamanitra, mandra-pahafahako manidina."

373 Ekeo izany, Andriamanitra malala. Raiso izy ireo. Anao izy ireo. Izao no fivavako amin'ny fahatsoram-po, mivavaka ho an'ireo olona eo am-pahafatesana. Ekeo izany, Ray. Manolotra an'izao vavaka izao amin'ny anaran'izy ireo aho. Ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, no angatahako an'izany.

Ankehitriny miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

374 Manontany aho, manodidina ny alitara ankehitriny, ianareo izay mandohalika eto izany. Maro aminareo no efa nihambo ho Kristiana iray, saingy nahatsapa ianareo fa misy zavatra iray, any ho any, izay tsy nanananareo. Mety efa nanao an'ireo hetsika ara-pivavahana rehetra ianareo. Mety efa nikiakiaka ianareo. Mety efa nanao ny zavatra rehetra ianareo. Mety efa nandihy tao amin'ny Fanahy ianareo. Mety efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Ary tsy misy olona afaka hiteny zavatra ratsy manohitra an'izany. Marina izany. Tsara daholo izany. Saingy, hitanareo, izany dia ireo *fanomezana* avy amin'ny Fanahy, nefa tsy ao ny Fanahy. Raha tao ny Fanahy, dia tsy ho fihetseham-po manameloka tahaka an'izany io fihetseham-po io.

375 Ianareo ve tena, am-pahatsoram-po, eto amin'ny alitara eto, dia mino an'izany izao ankehitriny izao, raha mbola eto ianareo, fa ilay fihetsika nanoloranareo ny tenanareo mihitsy, tsy fientanam-po iray ankehitriny, fa tao amin'ny finoana tena izy, tsy mifangaro, fa handray anareo Andriamanitra ary hamahana anareo amin'Ny Teniny mandra-pahatonganareo ho voromahery, ny tenanareo, ka afaka hanidina? Raha mino ianareo, ka mila an'Andriamanitra hanao an'izany, dia atsangano ny tànanareo, ianareo izay manodidina ny alitara eto. Andriamanitra hitahy anareo. Nanangana ny tànany ny tsirairay avy.

376 Ankehitriny, tena moramora, hanontany an'ireo lehilahy sy vehivavy nohamasinina izay tena mahafantatra an'Andriamanitra aho.

377 Ny ankamaroan'izy ireo, tena hafahafa ilay izy, toy ny hoe tahaka an'izany ilay izy, ny antso eny amin'ny alitara izay ataoko dia saiky lehilahy daholo ny ankamaroany. Fantatrareo, amin'ny fiseho mahazatra, dia vehivavy izany. Saingy lehilahy daholo ilay izy eto. Heveriko fa vehivavy anankiray no eto amin'ny alitara, izao hariva izao, angamba

anankiroa. Mazàna dia ireo vehivavy izany. Saingy, na izany na hafa, dia ataoko fa toy ny hoe mihevitra ireo vehivavy fa miresaka manohitra azy ireo aho. Tsy izany aho, ranabavy. Telo, mino aho, no nolazain'ny olona iray fa hitany. Tsy afaka mahita aho eto an-tampon'ny alitara eto. Eny àry.

378 Aoka ny sasany aminareo Kristiana nohamasinina ho tonga eto sy hitsangana miaraka amiko ao anatin'ny vavaka iray minitra fotsiny. Eo amin'ny alitara, na aiza na aiza misy anareo, eto amin'ny lampihazo, olona iray izay tena mahafantatra an'Andriamanitra, mahafantatra mihitsy hoe ahoana no fitsanganana eto minitra vitsy fotsiny ho an'ny vavaka miaraka amin'izy ireo, avy eo dia hampirava ny mpanatrika isika. Aoka ny olona rehetra ho tena hanaja ankehitriny. Aza mandeha. Tongava fotsiny eto ary mitsangana manodidina.

379 Ny sasany aminareo olona izay tena mino an'Ity ho ny Fahamarinana, hoe miditra ao amin'ny taona hafa iray isika. Miditra ao amin'ny Taonan'ny Fampakarana isika. Fantatrareo fa tsy afaka miditra ao amin'ny toerany ilay fiangonana, ary tsy afaka manao tsaratsara kokoa izy. Tsy maintsy hiha-ratsy izy. Firy no mahafantatra an'izany? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy maintsy hiha-ratsy izy. Ary tsy afaka handeha tahaka an'izany izy. Hitanareo? Tsy maintsy ho Zavatra iray izany, ary eo am-pihetsehana Izany izao ankehitriny izao, ry sakaiza. Izany dia—izany dia—izany dia mandeha, mandeha ilay hetsika ho an'ny Ampakarina. Izany no Fahamarinana. Izany no HOY NY TOMPO HOE.

380 Mandrosoa ankehitriny, ry Kristiana nohamasinina izay mila ny—ny firaketanareo hahita an'izany, ireo izay manatona am-pahatsoram-po, ka te-hanatona sy hanolotra vavaka ho azy ireo ianareo, amin'ny maha-rahalahinareo sy anabavinareo, manatòna manodidina ny alitara. Mitsangàna manodidina eto vetivety fotsiny, ho an'ny vavaka. Misy olon-kafa te-hanatona ve? Mitsangàna manodidina eto. Mandohaleha fotsiny eo akaikin'izy ireo. Mandehana fotsiny, ny misy anareo lehilahy dia manodidina an'ireo lehilahy ireo; ianareo vehivavy. Moramora, mangataha vavaka am-panetre-tena ho azy ireo.

Andriamanitra malala, manampia . . . ? . . .

381 "Afoiko ny rehetra. Afoiko ny anaram-piangonako. Afoiko ny fanambadiako voalohany. Afoiko ny vadiko voalohany. Afoiko ny zavatra rehetra, Tompo."

. . . -iko ny rehetra.
Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra,
Afoiko ny rehetra.

Afoiko ny rehetra,
Afo- . . .

382 Afoinareo ve ny hevitrareo manokana? Afaka mahafoy ny hevitrareo manokana ve ianareo, ho an'ny Tenin'Andriamanitra?

> Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra,
> Afoiko ny rehetra.
>
> Afoiko ny rehetra,
> Afoiko ny rehetra.
> Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra,
> Afoiko . . .

383 Ny rehetra izay mino ankehitriny, ato amin'ny mpanatrika, mitsangàna. Ndao isika hihira an'izany, miaraka, ankehitriny.

> Afo-. . .

Ianareo rehetra izay mahafoy, vonona ny hihira an'izany ve ankehitriny?

> Izaho . . .
> Ho Anao, ry Mpamonjiko finaritra,
> Afo-. . .

384 Ankehitriny, ianareo manodidina ny alitara, raha tena mahafoy tokoa ianareo, dia atsangano Aminy ny tànanareo, mihirà hoe, "Afoiko ny rehetra. Afoiko ny anaram-piangonana. Afoiko ny anaram-piangonana. Afoiko ny fiangonana. Afoiko ny tenako. Afoiko ny hevitro. Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra, afoiko ny rehetra. Ho Anao, ry . . ."

> Afoiko ny rehetra,
> Afoiko ny rehetra.
> Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra,
> Afoiko ny rehetra.

Tena izany tokoa ve ianareo?

> Afoiko ny rehetra,
> [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

385 Ianareo eto amin'ny alitara ankehitriny. Ianareo izay eto manodidina ny alitara, izay nivavaka. Nivavaka ho anareo ny fiangonana. Nivavaka ianareo, ny tenanareo. Fomba anankiray irery ihany ankehitriny no ahafahanareo ho voavonjy, izany dia, "Tamin'ny finoana no nahavonjy anareo, ary nohon'ny fahasoavana izany." Ny fahasoavan'Andriamanitra no niteny taminareo, nitondra anareo teo amin'ny alitara. Mitady ny fitahian'Andriamanitra ianareo. Mitady Ny Teniny ianareo. Mitady ny Fanahy Masina ianareo. Mitady fitia amin'Andriamanitra ianareo. Ary raha izany ianareo, ka afaka ianareo, marina tokoa, amin'ny fonareo rehetra, hahafoy an'izany. Ankehitriny, aza mitady fientanam-po mihitsy. Tadiavo ny Fahamarinana, ny Fahamarinana izay avy ao am-ponareo, amin'ny alàlan'ny finoana. "Tompo, manaiky ny hanao ny zavatra rehetra izay andidian'Ny Teninao mba hatao aho. Afoiko ny tenako, miaraka amin'izay rehetra ato amiko."

386 Raha mino an'izany amin'ny fonareo rehetra ianareo, dia tiako ianareo hitsangana, hitodika amin'ity fiangonana ity, amin'ny mpanatrika, ka hanangana ny tànanareo, ary hiara-hihira an'izany miaraka amin'izy ireo isika hoe, "Afoiko ny zavatra rehetra izay ato amiko, Andriamanitra. Araka ny fahalalako tsara indrindra, ny zavatra rehetra maha-izy ahy, dia afoiko."

387 Miakara eto amin'ity lampihazo eto ity, ianareo izay eo amin'ny alitara. Miakara avy hatrany eto amin'ny lampihazo eto, rahalahy, eto ambony eto mihitsy, ianareo rehetra, ary ireo rahalahy sy anabavy.

Mijere aty, ry fiangonana.

388 [Hoy ny anabavy iray hoe, "Ranadahy Branham, mikambana amin'ny fiangonana aho, saingy vao haingana aho dia tsy—tsy tao amin'izany intsony mihitsy aza."—Mpand.] Mahafoy? ["Ny Tompo no mahafantatra hoe aiza no tiako Hitarihany ahy. Izaho dia mila . . . ? . . . amin'ny fiangonana. Ary mila ny Fanahy Masina aho, ho feno ny Fanahy. Ary vonona ny ho faty aho, raha izany no ilaina."] Eny. Marina izany. Afoinao ho Azy sy Ny Teniny ve ny kely indrindra?

389 Anabavy iray eto, nivoaka avy tao amin'ny anaram-piangonana iray. Hoy izy hoe, "Mikambana amin'ny anaram-piangonana iray aho." Tsy mila manonona an'izany isika. Mpiasa tao izy. Saingy hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, te-hivoaka ho any amin'ny Fahamarinana aho. Mila zavatra lalindalina kokoa noho izany aho." Hitanareo?

390 Mamelà ahy hanonona Ny Teniny. "Sambatra ireo noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no hovokisana."

391 Ankehitriny, ianareo eto amin'ny lampihazo eto, izay vao tonga, raha vonona ny hahafoy ny zavatra rehetra izay maha-izy anareo ianareo, ny zavatra rehetra, mba hankatò ny Tenin'Andriamanitra. Tsy nisy olona niteny taminareo, tamin'ity herinandro ity, hoe inona no hatao. Ankehitriny, raha vonona ny hahafoy ho Azy ianareo izao ankehitriny izao, dia atsangano fotsiny ny tànanareo, tahaka an'*izao*, amin'ny mpanatrika. Ankehitriny, ianareo eto amin'ny lampihazo eto, ndao isika hiara-hihira an'izany ankehitriny, *Afoiko Ny Rehetra*. Ny olona rehetra, miaraka. Eny àry.

Afoiko ny rehetra,

Ankehitriny aoka ho tena izany tokoa! . . . ? . . .

392 Tena izany tokoa ve ianareo? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manaova hoe, "Amena," indray mandeha. ["Amena."] Manaova hoe, "Tompo," ["Tompo,"] "zahao aho." ["zahao aho."] "Zahao toetra aho." ["Zahao toetra aho."] "Ary omeo fanararaotra iray aho." ["Ary omeo fanararaotra iray aho."] "Izay no

rehetra azoko natao, izao hariva izao," ["Izay no rehetra azoko natao, izao hariva izao,"] "dia ny manolotra ny tenako ho Anao." ["dia ny manolotra ny tenako ho Anao."] "Ianao no mahafantatra ny hanoanan'ny foko." ["Ianao no mahafantatra ny hanoanan'ny foko."] "Ianao no mahafantatra ny faniriako." ["Ianao no mahafantatra ny faniriako."] "Ny Fampanantenanao dia ny hameno an'izany faniriana izany." ["Ny Fampanantenanao dia ny hameno an'izany faniriana izany."] "Manaiky an'izany aho ankehitriny." ["Manaiky an'izany aho ankehitriny."] "Ary afoiko ho Anao." ["Ary afoiko ho Anao."] Ny rehetra miaraka.

Afoiko ny rehetra,
Afoiko ny rehetra.
Ho Anao daholo, ry Mpamonjiko finaritra,
Afoiko ny rehetra.

*NY FIRAISANA TSY HITA MASON'NY AMPAKARIN'I KRISTY* MAG65-1125
(The Invisible Union Of The Bride Of Christ)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alakamisy hariva, 25 Novambra 1965, tamin'ny Andro Fisaorana, tao amin'ny Life Tabernacle ao Shreveport, Louisiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org